**Vondrona eoropeana**
**Iraka Mpanara-maso ny Fifidianana**

# MADAGASIKARA 2018

**Tatitra Farany**

## Fifidianana Filohampirenena

7 Novambra 2018

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

FIFIDIANANA FILOHAM-PIRENENA
7 NOVAMBRA SY 19 DESAMBRA 2018

# TATITRA FARANY

## IRAKY NY VONDRONA EOROPEANA MIANDRAIKITRA NY FANARAHA-MASO NY FIFIDIANANA

Ny iraka fanaraha-maso ny fifidianana avy amin’ny Vondrona Eoropeana dia tsy miankina amin’ny rafitry ny Vondrona. Ny vaovao sy ny hevitra atolotra anatin’ity tatitra ity dia avy amin’ireo mpanoratra, ary tsy voatery haneho ny hevitra ofisialin’ny Vondrona Eoropeana. Na ireo rafitra sy sampana ao amin'ny Vondrona, na ireo olona miasa ho azy ireo dia tsy azo raisina ho tompon'andraikitra amin'ny fampiasana ny fampahalalana voarakitra ao anatiny. Ity tatitra ity dia misy amin'ny teny frantsay sy malagasy. Ny dikan-teny frantsay ihany no ofisialy.

## *FIZAHAN-TAKELAKA*

*FIZAHAN-TAKELAKA* ________ *Error! Bookmark not defined.*

*FAMINTINANA* ________ *Error! Bookmark not defined.*

*FAMPIDIRANA* ________ *Error! Bookmark not defined.*

*I. TOE-DRAHARAHA POLITIKA* ________ *Error! Bookmark not defined.*

*II. FANATANTERAHANA NY TOLO-KEVITRA TEO ALOHA* ________ *9*

*III. RAFITRA ARA-DALANA SY RAFI-PIFIDIANANA* ________ *10*

*IV. FITANTANAM-PIFIDIANANA* ________ *12*

*V. FANORATANA ANARAN'NY MPIFIDY* ________ *15*

*VI. FANORATAN'ANARAN'NY KANDIDA SY NY ANTOKO POLITIKA* _ *Error! Bookmark not defined.*

*VII. FAMPIELEZAN-KEVITRA* ________ *18*

*VIII. HAINO AMAN-JERY* ________ *21*

*IX. FANDRAISAN'ANJARAN'NY VEHIVAVY* ________ *24*

*X. ZON'OLOMBELONA SY VONDRON'OLONA MAREFO* ________ *25*

*XI. FANARAHA-MASO ETO AN-TOERANA SY IRAISAM-PIRENENA* ________ *26*

*XII. FIFIDIANANA SY FANEKENA/ FANANGONANA NY VALIM-PIFIDIANANA* ________ *27*

*XIII. VOKATRA* ________ *30*

*XIV. FITSARANA AVO MOMBA NY LALAM-PANORENANA SY NY DISADISAM-PIFIDIANANA* __ *31*

*XV. TOLO-KEVITRA* ________ *34*

*FANAFOHEZAN-TENY* ________ *58*

*FANAMPINY* ________ *Error! Bookmark not defined.*

**Fanampiny 1 : Tetiandro ara-dalàna sy azo hiasana (MID, CENI, HCC)** ________ Error! Bookmark not defined.

**Fanampiny 2 : Fanambaran'ny HCC ny voka-pifidianana farany manerena ny nosy tamin'ny fihodinana voalohany** ________ Error! Bookmark not defined.

**Fanampiny 3 : Fanambaran'ny HCC ny voka-pifidanana farany tamin'ny fihodinana voalohany ; avy amin'ny valiny isaky ny birao fandatsaham-bato amin'ny firaisana/distrika/faritra** ___ Error! Bookmark not defined.

**Fanampiny 4 : Fanambaran'ny HCC ny voka-pifidianana farany manerana ny nosy tamin'ny fihodinana faharoa** ________ Error! Bookmark not defined.

**Fanampiny 5 : Valim-pifidianana isam-paritra, fihodinana voalohany sy faharoa, fifidianana filoham-pirenena tamin'ny 7 novambra sy 19 desambra teto Madagasikara (Loharano : HCC)** _ Error! Bookmark not defined.

**Fanampiny 6 : Saritany 1 – Ny lanjan'ny fifidianana isaky ny distrika araka ny lisi-pifidianana nifarana tamin'ny volana aogositra 2018** ________ Error! Bookmark not defined.

**Fanampiny 7 : Saritany 2 – Tahan'ny fandraisana anjara isaky ny distrika tamin'ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana voalohany** ________ Error! Bookmark not defined.

**Fanampiny 8 : Saritany 3 – Tahan'ny fandraisana anjara isaky ny distrika tamin'ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa** ________ Error! Bookmark not defined.

**Fanampiny 9 : Saritany 4 – Vokatra isam-paritra, fihodinana voalohan'ny fifidianana** Error! Bookmark not defined.

**Fanampiny 10 : Saritany 5 – Vokatra isam-paritra, fihodinana faharoan'ny fifidianana** Error! Bookmark not defined.

**Fanampiny 11 : Saritany 6 – Vokatra isaky ny distrika, fihodianana voalohan'ny fifidianana** _______ Error! Bookmark not defined.

**Fanampiny 12 : Saritany 7 – Vokatra isaky ny distrika, fihodianana faharoan'ny fifidianana**________ Error! Bookmark not defined.

**Fanampiny 13 : Ny fomba fiasan'ny fanaraha-mason'ny haino aman-jery** ___Error! Bookmark not defined.

**Fanampiny 14 : Vokatry ny fanaraha-mason'ny haino aman-jery, fihodinana voalohany** _ Error! Bookmark not defined.

**Fanampiny 15 : Vokatry ny fanaraha-mason'ny gazety an-tsoratra, fihodinana voalohany** Error! Bookmark not defined.

**Fanampiny 16 : Vokatry ny fanaraha-mason'ny haino aman-jery, fihodinana faharoa** Error! Bookmark not defined.

**Fanampiny 17 : Vokatry ny fanaraha-mason'ny gazety an-tsoratra , fihodinana faharoa** _ Error! Bookmark not defined.

## *FAMINTINANA*

• Ny fifidianana filoham-pirenena dia notontosaina tamin'ny 7 Novambra sy 19 Desambra 2018. Ny filohan'ny Tetezamita Andry Nirina Rajoelina no lany, tamin'ny 55.66% ny vokatra, nanoloana ny mpifanandrina taminy tamin'ny raharaha 2009, ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana izay nahazo 44,34%. Mpilatsaka 36 no nandray anjara tamin'ny fihodinana voalohany, anisan'izany ny filoha efatra teo aloha, ary vehivavy dimy. Ny fifidianana dia nomarihan'ny fifandirana, ny ahiahy ary ny fangatahana fanafoanana avy amin’ny vondrona kandidà milaza ny tsy fahatanterahan'ny lisi-pifidianana sy ny tsy fitoviana eo amin'ny enti-manan'ireo kandidà. Na dia teo aza izany, dia manamarika ny IVEFF fa ny fizotran'ny fifidianana araka ny tokony ho izy sy ny fanekena ny valiny dia zava-dehibe amin'ny fanamafisana ny zava-bita ara-demokratika.

• Nanao sonia ny fifanarahana iraisam-pirenena sy isam-paritra mikasika ny fifidianana i Madagasikara. Mifanaraka amin'ny fenitra sy adidy iraisam-pirenena ny rafitra ara-dalàna nolaniana vao haingana, manome fototra ampy amin'ny fanatanterahana fifidianana azo antoka. Mbola marefo anefa izy io ka mila hamafisina: hazava kokoa ny fepetra sasantsasany, ho feno ny banga eo amin’ny lalàna, indrindra ny fetran’ny vola ampiasaina amin’ny fampielezan-kevitra sy ny fahafantarana ny fihaviany, na koa ny fe-potoana hamahana ny disadisam-pifidianana, heverina ho fohy loatra.

• Ny lalàm-panorenana sy ny lalàm-pifidianana dia manome antoka amin’ny zo hilatsaka ho kandidà filoham-pirenena ary ny fepetra hahazoana milatsaka dia mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena amin’ny ankapobeny. Na izany aza, ny isam-bato voafetra ho 10%, antoky ny famerenana ny petra-bola aloan’ny kandidà, manodidina ny 12.500 euros, dia mbola tsy mifanaraka amin’ny fenitra iraisam-pirenena.

• Na dia teo aza ny fanoherana ny zotra-pifidianana, niteraka olana teo amin’ny toe-draharaha, dia afaka nanome toky ny mpandray anjara sy nanatontosa ny fifidianana ny 7 novambra ihany ny CENI, miandraikitra izany. Nandritra ny fihodinana faharoa dia nisafidy ny hanohana ny iray amin'ireo kandidà roa lany, ireo kandidà tsy nahomby, nisafidy ny tsy hiandany kosa ny maro an'isa.

• Ny fampielezan-kevitra tamin'ny fihodinana voalohany dia niavaka: nangingina ny tany amin'ny faritany, naresaka kosa ny teto an-drenivohitra. Nisongadina ny tsy fitoviana: ny enti-manana sy ny volan’ny fampielezan-kevitra nampiasain’ny kandidà. Izay nisy fiantraikany tamin'ny fahitana azy ireo tany amin'ny faritra samihafa sy ny safidin'ny mpandatsa-bato. Raha nanjaka ny hetsika fanentanana sy ny fialamboly nandritra ny fampielezan-kevitra tamin'ny fihodinana voalohany, nifantoka tamin'ny hafatra voafidy sy ny fanazavana ny fandaharan'asan’ny mpifaninana ny an’ny fihodinana faharoa.

• Ny fahatontosan'ny fampielezan-kevitra araka ny tokony ho izy dia vokatr’ireto antony vitsivitsy ireto : ny fidinan’ny mpitandro filaminana maro an’isa, izay niantoka ny fahatoniana sy ny fandriam-pahalemana, ny fanajana ny fitsipiky ny tsy fiandaniana napetraka teo anivon’ny mpiasam-panjakana, ary ny fiaraha-miasa sy ny fanohanan'ny vondrom-piarahamonina iraisam-pirenena.

• Sambany no nanomana fifidianana filoham-pirenena ny CENI, rehefa nandimby ny CENI-T tamin’ny faran’ny taona 2015. Naneho ny fahavononany amin’ny fahaleovan-tena, tsy fiandaniana, maha-matihanina sy fangaraharana ny CENI na dia nisy aza ny fahataran’ny fivoahan’ny vola avy amin’ny fitondram-panjakana, herinandro mialoha ny fihodinana voalohany, tena zava-dehibe amin’ny fanatanterahana ny asa. Etsy andanin’izany, nahafehy ny tetiandrom-pifidianana ireo ratsamangaikany izay mbola miankina amin’ny fitantanana ny faritra, tsy misongadina ary tsy ampy ho enti-manana.

• Vokatry ny fanavaozana natao tamin'ny taona 2012, ary taorian'ny fanavaozana farany ny lisi-pifidianana ny 1 Desambra 2017 hatramin'ny 15 aprily 2018, dia miisa 9 913 599 ny mpifidy tamin'ny volana aogositra. Na dia nihevitra aza ny Vondron’ny Firenena miteny frantsay fa azo itokisana ny lisi-pifidianana, taorian’ny fanaraha-maso natao tamin'ny volana Septambra, na dia teo aza ny tsy fahatomombanana voatsikaritra, dia mbola niahiahy ny kalitaon'ny lisi-pifidianana ireo mpandray anjara sasany. Tamin'ny fihodinana voalohany, nozaraina tsy tapaka ireo kara-pifidianana, ny herinandro talohan'ny fifidianana, eny na ny andron'ny latsa-bato aza. Matetika niatrika fahasahiranana ara-pitaovana sy ara-pandaminana. Raha mbola nisy ezaka bebe kokoa natao talohan'ny fihodinana faharoa, diso fanantenana ny IVEFF fa tsy namoaka ny zava-misy momba ny fizarana ny kara-pifidianana isam-paritra ny CENI, na oviana na oviana, nandritra ny zotra-pifidianana.

• Ny CENI dia naneho fahaiza-miasa mba hampivoarana ny fampiofanana sy ny lafiny ara-pitaovana, indrindra tamin'ny fandraisana ny traikefa teo aloha, ny drafitra amin'ny antsipiriany, ary ny fahaiza-manao eo anivon'ny distrika. Ny fanohanana avy any Afrika Atsimo tamin’ny famokarana ireo taratasim-pifidianana, anisan'izany ny biletà tokana, dia fandraisana anjara mavitrika, indrindra teo amin’ny fanajana ny fe-potoana fohy tamin’ny fihodinana faharoa.

• Nandritra ireo fihodinana roa, dia nizotra tao anatin'ny fahatoniana sy tamim-pilaminana amin'ny ankapobeny ny asa rehetra. Nisy fanatsarana tsikaritra nandritra ny fihodinana faharoa, mifandraika amin'ireo traikefa voarakitry ny mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana sy ny mpifidy, ny fanamafisana ny fahaiza-manao nokarakarain'ny Vaomiera misahana ny Fifidianana, ary farany nihatsotra ny dingana, indrindra teo amin'ny fanisana, kandidà roa sisa fa tsy 36. Nalahelo ny IVEFF tamin'ny famonoana mpikambana roa tao amin'ny biraom-pifidianana iray tao amin'ny distrikan'i Ankazoabo, faritra Atsimo-Andrefana, izay niseho ny alina talohan'ny fihodinana faharoa, vokatry ny asan-jiolahy

• Nizotra tamim-pahombiazana sy fahaiza-manao ny asan'ireo sampana 119 mpanisa vato, na teo aza ny fahasahiranana ara-pitaovana indraindray. Satria niasa tao anaty fangaraharana tanteraka nandritra ny fihodinana roa ny CENI, dia nahay nitondra fanatsarana goavana teo amin'ny lafiny fanomanana teo anelanelan'ny fihodinana roa, izay nahafahany namoaka ny vokatra vonjimaika iray sy efatra andro mialoha ny fe-potoana ara-dalàna. Nanamarika ny IVEFF fa tamin'ny fiandohan'ny volana desambra, ny CENI dia nanao fanaraha-maso tsy miankina sy iraisam-pirenena ny rindrambaiko fikirakirana ny vokatra teo anatrehan'ny solontenan'ireo kandidà. Ny fandraisana ny tolo-kevitra eo amin'ny fohy ezaka dia antoka vaovao eo amin'ny fahatokisana amin'ny fahavononany hamoaka vokatra azo antoka.

• Ny tahan'ny fandraisan'anjara tamin'ny fihodinana voalohany, fifidianana 2018 dia 53.95%. Raha tsiahivina, tamin'ny taona 2013, ny tahan'ny fandraisana anjara tamin'ny fihodinana voalohany dia 61,56%, fihodinana faharoa 50,72%. Toy ny tamin'ny taona 2013, dia misongadina ny fihenan'ny fandraisan'anjara tamin'ny fihodinana faharoa, 48.09% manerana ny nosy. Nefa ny mety ho fanazavana an'izany dia tokony hijery tsara ny tahan'ny isan'ny olona maty nefa tsy voafafa anarana, misy dikany kokoa izany 6 taona aorian'ny fanavaozana ny lisi-pifidianana.

• Ny vaomiera nasionaly misahana ny fanaraha-maso ny fifidianana, ny Vaomiera Episkopaly ho an'ny rariny sy ny fandriampahalemana sy ny Liberty 32 dia nanavao ny fiaraha-miasan'izy ireo tamin'ny fanaraha-maso nasionaly nandritra ny fihodinana faharoa, niaraka tamin'ny mpanaramaso eo amin'ny 3.000, raha mihoatra ny 6.500 tamin'ny fihodinana voalohany. Ho fandraisana anjarany voalohany amin'ny fifidianana, ny Fikambanana Safidy dia nampiasa mpanara-maso manodidina ny 7.300 tamin'ny fihodinana roa, izay nandrakotra faritra fito sy distrika 34, nofinidiny. Nanasongadina ny ezak'ilay tetikasa mifantoka amin'ny fisorohana ny herisetra (PEV) sy ny Fikambanana Safidy, izay nametraka mpanara-maso miavaka voalohany ary niara-niasa nandritra ny fifidianana ny IVEFF.

• Teny rehetra teny foana ny vehivavy nandritra ny zotra-pifidianana saingy vitsy monja no eo amin'ny sehatry ny fandraisana fanapahan-kevitra. Mbola voafetra ny anjara asan'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny politika ary ny lalàna dia tsy manome antoka ampy amin'ny miralenta. Vehivavy dimy tamin'ireo kandida 36 no nilatsaka tamin'ny fifidianana. Vitsy ny vehivavy ao anatin'ny antoko politika sy ny fitantanana ny fifidianana, indrindra any amin'ny faritra ambanivohitra. Ao anatin'ny antoko politika, ny vehivavy dia mijanona ihany ao amin'ny sehatry ny vehivavy ka ny ankamaroan'ny andraikitra sahaniny dia ny fanentanana ny mpifidy sy ny hetsika amin'ny fampielezan-kevitra.

• Na dia iantohan'ny Lalam-panorenana sy ny lalàna aza ny zo fototra maha-olombelona dia nisongadina ny tsy fisian'ny fepetra miantoka ny tsy fanavahana: toy ny fidiran'ny mpifidy manana fahasembanana, ny marary any amin'ny hopitaly na ireo voafonja vonjimaika. Tsy nisy tamin'ireo manampahefana mahefa amin'izany no nandray fepetra hanovàna izany. Ny Vaomieram-pirenena mahaleotena nasionaly momba ny zon'olombelona, nanomboka niasa ny taona 2017, dia dingana manan-danja ho an'ny fiarovana sy fampiroboroboana ny zon'olombelona manerana ny firenena.

• Satria mbola tsy miasa ny Autorité Nationale de Régulation de la Communication Médiatisée (ANRCM), voalazan'ny Fehezan-dalàna momba ny fifandraisana tamin'ny 2016, nomena andraikitra fanampiny ny CENI amin'ny fandaminana ny fandalovan'ny kandidà ao amin'ny haino aman-jerim-panjakana nandritra ny fampielezan-kevitra, mba ampiharana ny fitovian-jo.

• Tamin'ny fihodinana voalohany, nanamarika ny fanarahamason'ny haino aman-jery fa nanaja ny fepetra voalazan'ny Vaomiera misahana ny fifidianana ny haino aman-jerim-panjakana, ny haino aman-jery tsy miankina kosa dia naneho fironana tamin'ny kandidà, ka ny fikirakirana ny fampahalalam-baovao dia voabahan'ny fotoana andoavam-bola. Nandritra ny fampielezan-kevitra fihodinana faharoa, ny haino aman-jerim-panjakana dia nitatitra tsy miangatra ny kandidà roa, nifanaraka tamin'ny tetiandro sy ny fepetran'ny Vaomieran'ny Fifidianana. Raha ny fandrakofan'ny haino aman-jery tsy miankina indray, dia nitanila tamin'ny iray na iray tamin'ireo kandidà.

• Ny ankamaroan'ireo fitoriana 14 sy 305 mikasika disadisam-pifidianana napetraka tamin'ny fihodinana roa dia tsy noraisina, anisan'ny anton'izany ny fombafomba voadidy arahina tsy voahaja ary noho ny tsy fisian'ny

porofo. Ny fe-potoana dia tena fohy mba hahafahana mahazo valiny mahomby, mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena, ary ny elanelam-bato lehibe loatra dia tsy hampiova ny valim-pifidianana izany fitoriana izany. Nanambara ny vokatra farany, izay nanamafy ny vokatra vonjimaika navoakan'ny Vaomiera misahana ny Fifidianana, ny Fitsarana avo momba ny lalam-panorenana

## *FAMPIDIRANA*

Namaly ny fanasan'ny governemanta malagasy ny Vondrona Eoropeana ka nandefa iraka (IVEFF), mba hanara-maso ny fifidianana filoha tamin'ny 7 novambra 2018. Cristian Preda, filoha mpanara-maso, avy amin'ny Parlemanta eoropeana no mitarika ny Iraka, teto an-toerana ny 22 septambra 2018 hatramin'ny 18 janoary 2019. Mpanara-maso 102 avy amin'ny firenena 28 ao amin'ny Vondrona Eoropeana sy Norvezy ary Soisy no naparitaka, mba hanombanana ny fizotry ny fifidianana amin'ny fenitra iraisam-pirenena sy ny lalàna malagasy. Niara-niasa tamin'ny Iraka ny delegasiona avy ao amin'ny Parlemanta eoropeana, notarihin'ny solombavambahoaka eoropeana Lydia Joanna Geringer d'Oedenberg. Nitsidika birao manodidina ny 600 ny mpanara-maso mba handinika ny latsa-bato sy ny fanisam-bato. Ny IVEFF dia mahaleotena amin'ny fehin-keviny, miombona tanteraka amin'ny Fanambarana ny Fitsipiky ny Fanaraha-maso fifidianana Iraisam-pirenena, nosoniavina tao amin'ny Firenena Mikambana tamin'ny Oktobra 2005.
Maneho ny fankasitrahany ny manampahefana malagasy, ny fikambanana fiarahamonim-pirenena, ary ireo mpiara-miasa hafa mifandray amin'ny fizotry ny fifidianana, ary koa ny solontenan'ny Vondrona Eoropeana eto Madagasikara, tamin'ny fanohanana azy ireo nandritra ny iraka, ny IVEFF.

# I. TOE-DRAHARAHA POLITIKA

Ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny taona 2018 dia notanterahana tamin'ny 7 Novambra sy 19 Desambra, ary nahalaniana ny filohan'ny Tetezamita Andry Nirina Rajoelina (55.66%) manoloana an'i Marc Ravalomanana (44,34%), izay voaongana tamin'ny taona 2009. Hatramin'ny nanombohany, ny fizotry ny fifidianana 2018 dia lasibatry ny olan'ny kandidà sy ireo mpisehatra politika sasany. Raha ny marina, nandritra ny dingana rehetra dia maro ireo mpirotsaka no naneho fanahiana ny amin'ny fangaraharana sy ny tsy fanavahana, ohatra amin'izany ny tsy fahatomombanana mifandraika amin'ny lisi-pifidianana sy ny tsy fetezana eo amin'ny zotra-pifidianana

***Fifidianana hanamafisana ny fandrosoana ara-demokratika***
Nametraka fanamby goavana ny fifidianana filoham-pirenena ny 2018. Tokony hanamafy ny fandrosoana ara-demokratika sy ny andrim-panjakana, indrindra ny fiverenana amin'ny fahamarinan-toerana ara-politika ao amin'ny firenena izay iharan'ny krizy miverimberina mandritra ny vanim-potoana aorian'ny fifidianana. Ity no fandatsaham-bato nanaraka ny fifidianana 2013, izay namoaka ny firenena tanatin'ny tetezamita naharitra 5 taona. Ny fifidianana 2018 dia nomanina tamin'ny 2016, niaraka tamin'ireo rafitra fifandinihana voatokana hanitsiana ny rafitra ara-dalàna. Ny lalàna vaovao momba ny fifidianana dia natolotra ny volana aprily, navoaka tamin'ny mey 2018, taorian'ny fanitsiana nataon'ny HCC. Ny hetsi-panoherana ny 21 aprily, faratampon'ny krizy talohan'ny fifidianana, namela farafahakeliny maty roa ary manodidina ny folo no naratra teto an-drenivohitra. Ny toeran'ny HCC sy ny fanelanelanana avy amin'ny vondrom-piarahamonina iraisampirenena dia nanampy mba hisorohana ny fihamafisan'ny herisetra sy handrosoana amin'ny dingana.

***Fanamafisana ny zotra demokratika***
Ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny 2018 no voalohany nirotsahan'ny mpisehatra rehetra tsy an-kanavaka, anisan'izany ireo izay tsy afaka nandray anjara nohon'ny politika fanakanana ny filatsahan'i Marc Ravalomanana sy i Andry Rajoelina ny taona 2013 satria noheverina fa tompon'andraikitry ny krizy tamin'ny

2009 izy ireo. Tsara ny manamarika fa io tsy fanavahana io dia miendrika ho valifatin'ny fifidianana tamin'ny taona 2013.[1]

Tamin'ireo kandidà 36 dia nisy lehilahy 31 sy vehivavy miisa 5, anisan'izany ny filoha efatra teo aloha (PR), [2] Praiminisitra teo aloha 3 (PM), [3] 11 minisitra teo aloha, kandidà dimy, vehivavy ny 1, latsaky ny 45 taona. Nisy kandidà maro sambany vao nilatsaka tamin'ny fifidianana filoham-pirenena.

Araka ny Lalàm-panorenana, Hery Rajaonarimampianina, filoham-pirenena teo aloha izay nirotsaka ho fidiana indray, dia niala ara-potoana, 60 andro mialohan'ny datin'ny fihodinana voalohany. Ny fitantanana ny Repoblika misolo toerana dia niandraiketan'ny filohan'ny Antenimieran-doholona. Ity fametraham-pialana ity dia toe-javatra mbola tsy fahita teto Madagasikara sy tany Afrika.

***Zotram-pifidianana voamarika fifandirana sy ahiahy maro samihafa***

Herinandro vitsy talohan'ny fihodinana voalohany, nipoitra ny hetsi-panoherana, ka niteraka famantarana ny tsy fahamafisan'ny fizotran'ny fifidianana, indrindra fa teto an-drenivohitra. Ireo mpifaninana nitambatra tao amin'ny vondrona antsoina hoe "mpilatsaka ho fidiana mpanohitra" dia niresaka ny tsy fetezana tamin'ny lisi-pifidianana ary nitaky ny hanokafana izany indray mba hanitsiana ny tsy mety. Raha nanao izany izy ireo dia nametraka ahiahy mikasika ny firosoana amin'ny fifidianana.[4] Ny manampahefana, ny governemanta vonjimaika sy ny CENI dia nanome toky ny vahoaka, ny antoko politika ary ny fiarahamonina iraisam-pirenena momba ny fiomanana amin'ny fihodinana voalohany izay mizotra tsara. Tahaka izany koa, niezaka izy ireo mba hiantohana ny fandehanan'ny andrim-panjakana sy ny dingana rehetra araka ny tokony ho izy, mba tsy hihemoran'ny daty hanaovana ny fifidianana.
Nizotra tsara ny fihodinana voalohany na dia teo aza ny tsy fahampian'ny fahatokisan'ireo kandidà ny rafitra tompon'andraikitra amin'ny fizotry ny fifidianana. Na ireo kandidà, filoha teo aloha aza, dia nikasa hanala-baraka ny CENI momba ny fikirakirana ny vokatra, na dia teo aza ny fanokafana ny CENI tamin'ny fangatahany fanamarinana rehetra. Tahaka izany ihany koa, nandrahona hisora-tena mpandresy ny kandidà roa tamin'ny fanambarana ny valin'ny fihodinana voalohany, ka nanamafy ny fanasokajiana ny sehatra politika mandritra ny vanim-potoana aorian'ny fifidianana teo amin'ny vondrona Andry Rajoelina sy Marc Ravalomanana. Ankoatra izay, ny fangatahana ny fanafoanana ny fifidianana dia niseho indray ary nisy fihetsiketsehana natao isan'andro teo anoloan'ny rafitra mpiandraikitra ny fifidianana

Nambaran'ny CENI tamin'ny 17 novambra ny voka-pifidianana vonjimaika fihodinana voalohany; nanambara ny vokatra farany kosa ny HCC ny 28 novambra. Tafakatra tamin'izany i Andry Rajoelina, nahazo 39,23% sy i Marc Ravalomanana, 35,35%. Hery Rajaonarimampianina, filoha teo aloha, nahazo 8,82%. 83% mahery no azon'izy 3, filoha teo aloha, ary ireo kandidà 33 hafa dia nifampizara ny vato manan-kery ambiny, niavaka tamin'izany ny kandidà André Christian Mailhol, nahazo isa mifanakaiky amin'ny 1,3%. Na dia teo aza ny fiahiahiana ny amin'ny fisian'ny fihodinana faharoa, vokatry ny hetsika maneho tsy fahatokisana ny zotra-pifidianana tamin'ny fihodinana voalohany, nanaiky ny valim-pifidianana tamin'ny latsa-baton'ny 7 novambra ihany ny kandidà.

Naneho mazava tsara ny safidin'ny mpandatsa-bato ny vokatra. Ny teto afovoan-tany nandany ny kandidà Marc Ravalomanana fa ny kandidà Andry Rajoelina kosa dia nanjaka tany amin'ny faritany. Nandrisika ireo kandidà hifantoka bebe kokoa amin'ireo faritra izay tsy dia nahombiazany izany, hiantohany ny fandreseny amin'ny fihodinana faharoa. Toy ny niharan'ny latsa-bato fanasaziana ny kandidà Hery Rajaonarimampianina ka tsy nahazo intsony ny fanohanana azy nandritra ny fihodinana faharoa tamin'ny fifidianana taona 2013, na

[1] Tao anatin'ny fifanarahana politika, tamin'ny fifidianana 2013 nantsoina hoe « faran'ny Tetezamita », ny filoha Marc Ravalomanana sy Andry Rajoelina dia tsy nahazo nilatsaka ho fidiana mba hanamorana ny faran'ny Tetezamita.

[2] Didier Ratsiraka, 1975 – 1991 ; 1996 - 2001 ; Marc Ravalomanana, 2002 - 2009 ; Andry Rajoelina, filohan'ny Tetezamita 2009 - 2013 sy Hery Rajaonarimampianina, 2014 - 2018.

[3] Jean Omer Beriziky, oktobra 2011 - aprily 2014 ; Jean Ravelonarivo, janoary 2014 - aprily 2016 sy Olivier Mahafaly Solonandrasana, aprily 2016 - jona 2018.

[4] Tamin'ny 19 oktobra, nanangana fifanarahana politika ny vondrona kandidà mpanohitra, izay nitaky ny hanokafana sy hanitsiana ny lisi-pifidianana, ny fanemorana ny fifidianana ary ny fametrahana fitsarana manokana. Tamin'ny 25 Oktobra, tsy afa-po tamin'ny valiny nomen'ny andri-panjakana ny fikambanana ka dia nanomana fihaonambe nahasarika mpandray anjara efa ho an'arivony ary nanangana fifanarahana nasionaly mamerina ny fitakiany sy miantso ny hampiatoana ny zotra-pifidianana.

dia teo aza ny fihetsiketsehan'ireo olom-boafidy tao an-toerana, ireo solombavambahoaka sy loholona ao amin'ny antoko Hery Vaovao ho an'i Madagasikara (HVM) nandritra ny fampielezan-kevitra.

***Fihodinana faharoa mbola voaloton'ny tsy fahatokisana***

Nandritra ny fihodinana faharoa, nisafidy na ny hanohana ny iray amin'ireo kandidà na tsy hiandany, ireo tsy nahomby. [5] Nizara telo kosa ny fikambana kandidà mpanohitra, ivondronan'ny kandidà 20 eo ho eo : (i) niaraka tamin'ny kandidà Marc Ravalomanana ny ampahany iray; (ii) nanohana ny kandidà Andry Rajoelina ny ampahany iray hafa; ary (iii) ireo maro an'isa nanapa-kevitra ny tsy hanohana na iza na iza, tsy nanome torolalana ho an'ireo mpoba azy, namela malalaka azy ireo hisafidy izay tiany tohanana eo an-toerana. Ny mpifaninana Hery Rajaonarimampianina dia nisafidy ny tsy hanome toromarika hifidy, maro anefa ny olom-boafidy HVM no nivondrona tsikelikely niaraka tamin'ny iray na ny iray tamin'ireo kandidà mba hitsinjovany ny fifidianana solombavam-bahoaka sy ben'ny tanana hatao amin'ny 2019.

Ny harivan'ny fihodinana faharoa dia niverina indray ny resa-be momba ny hosoka goavana, ny tsy fanarahan-dalàna ary ny tsy fahatomombanan'ny lisi-pifidianana.  Nandrangaranga porofo ny ankolafin'ny kandidà Marc Ravalomanana. Niampanga izay noheveriny ho fikasana hanao hosoka amin'ny fifidianana, izay mety handiso ny latsa-bato, araka ny filazany, ketrehin'ny ankolafy Andry Rajoelina. Ny manampahefana sy ny filoha vonjimaika dia nanentana ireo mpikambana ao amin'ny governemanta tsy hiditra amin'izany fa hanohy ny asany ka tsy hiandany. Ankoatra izany, ny 6 desambra, ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy (CFM) sy ny mpandray anjara hafa dia nanao atrikasa momba ny fisorohana ny krizy amin'ny fifidianana. Noho izany, dia niezaka ny hampihatra politika hisorohana fanakorontanana amin'ny fihodinana faharoa, izay mety hitranga izy ireo.

Tsy nisy zava-nitranga goavana manerana ny nosy nandritra ny fihodinana faharoa ny 19 desambra. Taorian'ny fanambarana ny vokatra vonjimaika nataon'ny CENI tamin'ny 27 Desambra 2018, dia mbola nanohy nanameloka ny fisian'ny hosoka goavana ny ankolafin'ny kandidà Marc Ravalomanana mandrapahatongan'ny andro mialoha ny fanambarana ny vokatra farany nataon'ny HCC. [6]

Ny 8 Janoary 2019, ny vokatra farany navoakan'ny HCC dia nanamafy ny vokatra vonjimaikan'ny CENI. Ny kandidà Andry Nirina Rajoelina, nahazo ny 55.66% ny vato manan-kery, no tafakatra filoham-pirenena faharoan'ny Repoblika faha 4. Tetsy an-daniny, nahazo ny 44,34% ny kandidà Marc Ravalomanana: 48,09 % [7]ny tahan'ny fandraisana anjara. Ny kandidà Marc Ravalomanana dia nanaiky ny fahareseny ny ampitson'ny fanambarana ny vokatra farany ary niarahaba ny filoha voafidy Andry Rajoelina ka nirary ny hahatratrarany ny tanjony amin'ny fampandrosoana ny firenena.

# II. FANATANTERAHANA NY TOLO-KEVITRA TEO ALOHA

Na dia namoaka tatitra tsara aza ny iraka mpanarara-maso ny tolo-kevitra tamin'ny 2016, dia mbola tsy nampiharina, na ny tamin'ny ampahany ihany ny soso-kevitra tamin'ny 2013:

(i) Ny lalàna vaovao dia manaraha-maso ny famatsiam-bola amin'ny fampielezan-kevitra ary nanangana ny Kaomisiona mpanaramaso ny famatsiam-bola amin'ny fiainana ara-politika. Tsy nolaniana kosa ny fandaniana faratampony izay mitazona ny tsy fitoviana eo amin'ny kandidà.

(ii) Nanamora ny fahafantarana ny didy aman-dalàna mikasika ny fifidianana ny nametrahan'ireo andrim-panjakana voakasika izany azy ireo tao amin'ny tranonkalany. Na izany aza, ny gazetim-

[5] Andry Rajoelina sy Marc Ravalomanana dia notohana kandidà fito avy, ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina kosa dia nisafidy ny tsy hanohana na iza na iza tamin'ny fihodinana faharoa.

[6] Nampiasa tsy an-drariny ny sarin'ny mpanao gazety vehivavy iray avy ao amin'ny Radio France Internationale (RFI), tonga tao amin'ny CENI nandritra ny fampitahana ny firaketana an-tsoratra naton'ny solotenan'ny « K25 » sy ny CENI ny mpikarakara. Nanameloka izany hetsika izany sy ny fanendrikendrehana azy ho nandainga tamin'ny fikirakirana ny vokatra vojimaika, ny IVEFF.

[7] Nahazo vato 2 586 938 ny kandidà Andry Rajoelina; 2 060 847 kosa ny an'ny kandidà Marc Ravalomanana.

panjakana dia mbola tsy voatery ho hitan'ny daholobe.

(iii) Mbola avo loatra, voafaritra ho 10% n'ny vato manan-kery, ny fetran'ny famerenana ny petra-bola; tsy mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena izay 3-5%.

(iv) Ny paikady nasionaly mifandraika amin'ny fimiràna lenta sy ny zotra-pifidianana 2015-2020, mikendry ny fampitomboana ny firotsahan'ny vehivavy sy ny fandraisany anjara eo amin'ny toram-pitantanana, dia mbola tsy narahana fepetra fampiharana tamin'ity zotra-pifidianana ity.

(v) Na dia nifidy lalàna vaovao manome fe-potoana ahafahan'ny tompon'andraikitra mamaha ny fifandirana amin'ny fifidianana aza, alohan'ny fanambarana ny valiny, heverina ho fohy loatra hatrany io fe-potoana io.

(vi) Ny mpifidy dia manana zo hitory rehefa nandray anjara tamin'ny fifidianana.

(vii) Ny fiparitahan'ny ratsamangaikan'ny CENI dia mbola hita tamin'ny 2018.

(viii) Nahatsapa ny fanarahamason'ny OIF fa nitombo ny tahan'ny fisoratana anarana tao amin'ny lisi-pifidianana vokatry ny fametrahana ny birao tokana nizara solona kopia, ahafahana mahazo kara-panondra sy misoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana. Na izany aza anefa, tsy nitombo araka ny niheverana azy tamin'ny 2013, ny fandraisan'anjara ny vehivavy sy tanora.

(ix) Tsy manavaka ny olona mizaka zom-pirenena malagasy nangatahana, ny fepetra ilatsahana ho fidiana saingy mbola tsy novàna ny lalàna mametra ny olom-pirenena voasokajy ao anatin'izany.

(x) Mbola tsy mitsangana ny Fahefana Avo misahana ny Fifandraisana amin'ny Haino aman-jery na dia efa nolaniana aza ny lalàna mikasika izany tamin'ny 2018.

(xi) Mendriky ny hotohizana ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny fikambanana fiarahamonim-pirenena, anisan'izany ireo mifandraika amin'ny fanentanana ny olom-pirenena, amin'ny fiaraha-miasa amin'ny CENI, na dia nisy aza ny fametrahana fitaovana vaovao tamin'ny 2018. Toy ny fifanakalozana ny rakitry ny fanaraha-maso sy ny fametrahana mpanaramaso ary koa ny fandraisan'anjaran'ny ankolafy sasany

# III. RAFITRA ARA-DALANA SY RAFI-PIFIDIANANA

Nankatoavin'i Madagasikara ireo fepetra ara-dalàna manan-danja iraisam-pirenena sy iraisam-paritra momba ny zon'olombelona sy ny fikarakarana fifidianana demokratika. [8]Ny fametrahana vao haingana, sy tara ny rafitra ara-dalàna vaovao tamin'ny volana mey 2018, izay mifehy ny fifidianana filoham-pirenena dia manome fototra mety tsara, ny fanaovana fifidianana mifanaraka amin'ny fenitra sy adidy iraisampirenena neken'i Madagasikara. Na izany aza, io rafitra ara-dalàna io dia mirakitra hadisoana sy fahabangana manan-danja tokony hovana.

Ny rafitra ara-dalàna mifehy ny fifidianana dia ahitana fehezan-dalàna maromaro: i) ny Lalàmpanorenana 2010; (ii) Lalàna fehizoro n° 2018-008 momba ny rafitra fifidianana sy ny fitsapa-kevi-bahoaka; (iii) Ny lalàna nasionaly n° 2018-009 momba ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika navoaka tamin'ny 11 mey 2018, [9]nampiana ny didy hitsivolana mamaritra ny fepetra fampiharana,[10] ary koa fehezan-dalàna hafa. [11]Na izany aza dia mitoetra ny

[8] Anisan'izany : ny fifanekena iraisam-pirenena momba ny zo sivily sy politika (PIDCP-1966), ny Fifanarahana Iraisam-pirenena momba ny fanafoanana ny endrika fanavakavahana rehetra (CIEDR-1969), ny Fifanarahana momba ny fanafoanana ny endrika fanavakavahana rehetra atao amin'ny vehivavy (CADHP-1979), ny Sata Afrikanina momba ny zon'olombelona sy ny vahoaka (CADHP-1981), ny Fifanarahana Afrikana momba ny fisorohana sy ny ady amin'ny kolikoly (2004), ny fifanekena momba ny miralenta sy fampandrosoanan'ny atsimon'i Afrika SADC-2007, ny Sata Afrikanina momba ny demokrasia, ny fifidianana ary ny fitantanana (2007), ny fifanarahana tsy terena, mikasika ny zon'ny olona manana fahasembanana tamin'ny 13 Desambra 2006 ( lalàna N°2017-042 / 12 Desambra 2017).

[9] Taorian'ny fanapahan-kevitra laharana faha-15-HCC / D3 sy n° 16-HCC / D3 tamin'ny 3 Mey 2018 nambaran'ny HCC.

[10] Ny didy hitsivolana ny 29 jona 2018: i) ny didy N°2018-640 mametraka ny fepetra fampiharana ny fepetra voalazan'ny lalàna fehizoro n°2018-008 ny 11 may; (ii) ny didy N°2018-641 miantso ny mpifidy amin'ny fifidianana alohan'ny fotoana; (iii) ny didy N°2018-642 mametraka ny modelin'ny antontan-taratasy ilain'ny kandidà rehetra hilatsaka ; (iv) ny didy N°2018-643 mikasika ny fandraisana anjaran'ny kandidà amin'ny fandanian'ny Fitondram-panjakana sy ny fepetra fanonerana sy famindrana azy; ary, (v) ny didy N°2018-644 amin'ny fametrahana ny fandaharam-potoana handaminana ny fifidianana filoham-pirenena alohan'ny fotoana. Ny 10 jolay, ny didy N°2018-690 mametraka ny modely sy ny endriky ny kara-pifidianana. Ny 17 Jolay, ny didy N°2018-795 mifandraika amin'ny Vaomieran'ny Fifehezana ny Famatsiam-bola amin'ny Fiainana ara-Politika (CCFVP). Ny 1 Aogositra, didy N°2018-903 milaza ny fanendrena mpikambana ao amin'ny CCFVP. Ny 30 Novambra, ny didy N° 2018-1615 nametraka ny fomba hikarakarana ny fihodinana faharoa.

banga sasany, anisan'izany: (i) ny tsy fisian'ny famerana ny vola lany; (ii) ny tsy fisian'ny fanaraha-maso mahomby, sy sazy mifandraika amin'ny fanentanana amin'ny fifidianana ao anatin'ny fe-potoana voafaritra; ary (iii) ny tsy famaritana ny fotoana hisehoan'ny kandidà mialoha ny fampielezan-kevitra. Ankoatra izay, ny fe-potoana ampiharina amin'ny fahazoana mampiaka-draharaha amin'ny fifidianana sy ny valiny dia heverina ho fohy loatra ka tsy ahafahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) manao ny asany tsara.

Ny lohahevitra sarotra hafa, izay misy fiantraikany goavana amin'ny fizotry ny fifidianana dia mbola tsy voadinika tsara, indrindra: (i) ny fakan-kevitra izay tsy misy fitsipika mifehy eo amin'ny lafiny fangaraharana sy eo amin'ny lafiny mahamatihanina; (ii) ny tsy fisian'ny sazy eo amin'ny fitanilan'ny haino aman-jery tsy miankina [12]; (iii) ny tsy fisian'ny fepetra hahazoan'ny Malagasy monina any ivelany hifidy; ary, (iv) ny fomba fananganana ny lisi-pifidianana, izay mbola mijanona fitakian'ny kandidà maro. Raha ny marina, ny fananganana ny lisi-pifidianana dia natao araka ny lalàn'ny taona 2012 fa ny ampahany amin'ny fanitsiana na ny fanavaozana azy kosa dia fehezin'ny lalàna 2018. [13]

***Mbola mitoetra hatrany ny fahabangana eo amin'ny lalàna amin'ny resaka famatsiam-bola sy fandaniana amin'ny fampielezan-kevitra***

Ny fepetra mifehy ny famatsiambolan'ny fampielezan-kevitra dia mirakitra banga lehibe. Ny tsy fisian'ny lalàna mifandraika amin'ny hetsika mandritry ny vanim-potoana alohan'ny fanokafana ofisialy ny fampielezan-kevitra, ny tsy fisian'ny fetra amin'ny fandaniana, ny tsy filazana ny loharanombola, ary ny tsy fisian'ny sazy amin'ny famatsiam-bola tsy ara-dalàna dia voatsikera satria mety mahatonga fividianana latsa-bato. Tsy voafehy ny fetran'ny famatsiambola, tsy voaràra ny loharanom-bola sasantsasany. Ankoatr'izay, ao anatin'ny zotra-pifidianana, tsy voafehy ny fandaniana amin'ny fampielezan-kevitra raha tsy efa tara loatra.

Misy fiantraikany amin'ny mangarahara momba ny famatsiana ireo kandidà ny tsy fahampian'ny lalàna. Satria tsy misy ny fanaraha-maso ny fandaniana, mampametra-panontaniana ny momban'ny fitsipiky ny fitoviana sy ny rariny. Na dia misy fitsipika apetraky ny lalàna aza momba ny loharanon-karena sy ny mangarahara ara-bola, mbola tsy ampiharina izany, noho ny tsy fisian'ny fomba ahafahana mamantatra ny fiaviany, ahazoana manaramaso tokoa sy manasazy. Ny fanendrena ny mpitahiry vola ataon'ny kandidà, voalazan'ny lalàna, dia "adidy ara-môraly" fotsiny satria tsy misy famaizana. Atao tara loatra ny fanaraha-mason'ny vaomiera mpanaramaso ny fiainanana ara-politika (CCFVP) ka mianina fotsiny amin'ny fanamelohana ny herisetra mety hitranga. [14]Nahita ny IVEFF fa vao haingana ny CCFVP no natsangana ary tsy nahazo ny tetibolany ara-potoana na fanohanana ampy hanatanterahany ny asany. [15]Ara-teknika anefa, ary na dia teo aza ny fahasahirana ara-bola sy ara-drafitr'asa, dia afaka niasa ny CCFVP teo anelanelan'ny fihodinana roa. [16]

*Mahatsapa ny IVEFF fa tsy maintsy: (i) mifidy rafitra ara-dalàna hifehezana ny loharanom-bolan'ny fampielezan-kevitra; (ii) mametraka fetra amin'ny fandanian'ny kandidà; ary, (iii) mamoaka sy manamarina ny tatitra ara-bola an-tsipirihany ny CCFVP, izay omena fahefana sy fitaovana ampy hanatanterahany ny asany ara-potoana.*

Milaza ny Lalam-panorenana fa ny filohan'ny Repoblika no filoham-panjakana. Mametraka ny fepetran'ny fifidianana filoham-pirenena, amin'ny alàlan'ny fandatsaham-bato mivantana, mandritra ny dimy taona azo

---

[11] Mameno ny rafitra ara-dalàna ny Lalàna N°2015-020 tamin'ny 19 Oktobra 2015 momba ny rafitra nasionaly mahaleotena, tompon'andraikitry ny fandaminana sy ny fitantanana ny asam-pifidianana, antsoina hoe CENI, Lalàna N°2011-012 mikasika ny antoko politika, ny lalàna N°2001-003 tamin'ny 18 Novambra 2001 mikasika ny Lalàna fehizoro momba ny HCC, ny lalàna famaizana ary lalàna hafa voatokana, mifandraika amin'ny fandikan-dalàna amin'ny fifidianana.

[12] Jereo haino aman-jery.

[13] Jereo fanoratana anarana ny mpifidy.

[14] Ny andininy faha-83 sy 86, Lalàna fehizoro N°2018-008, mametraka ao amin'ny CCFVP ny kaontin'ny fampielezan-kevitra mampiseho ny vola lany, telo volana aorian'ny fanambarana ofisialy ny vokatra farany, ny kandidà. Ny ampitson'ny fahataperan'io fe-potoana io dia mamoaka ny lisitr'ireo kandidà izay nametraka ny kaontiny ny CCFVP.

[15] Didim-panjakana N°2018-795 tamin'ny 17 Jolay 2018 momba ny CCFVP sy ny didim-panjakana 2018-903 tamin'ny 1 Aogositra 2018 hanondroana ny mpikambana ao aminy; ny didy N°28400/2018 ny 15 Novambra 2018 mametraka ny fepetra fanaraha-maso ny kaonty fampielezan-kevitry ny kandidà ho amin'ny fifidianana filoham-pirenena alohan'ny fotoana 2018.

[16] Fanapahana iraisan'ny ministera N°28400/2018 ny 15 novambra 2018.

havaozina indray mandeha, manomboka amin'ny andron’ny fianianana. [17]Lany amin’ny fihodinana voalohany ny kandidà mahazo ny antsasa-manila. Raha tsy misy izany, ny Filohan'ny Repoblika dia voafidy amin'ny fihodinana faharoa rehefa mahazo ny isa ambony amin’ny vato manan-kery, amin'ireo mpifaninana roa tafakatra tamin'ny fihodinana voalohany. Ny fihodinana faharoa dia manomboka 30 andro aorian'ny fanambaràna ofisialy ny valin'ny fihodinana voalohany. Ny kandidà izay nahazo ny isam-bato be indrindra dia hambara ho voafidy amin'ny latsa-bato faharoa, ary raha misy fitovian’ny isa azo, ny kandidà zokiny indrindra no raisina. [18]

# IV. FITANTANANA ARA-PIFIDIANANA

***Fitantanana maharitra sy matihanina amin’ny am-pahany hatramin'ny Tetezamita***

Araka ny tolo-kevitry ny IVEFF tamin'ny taona 2013, tamin’ny faran’ny taona 2015, nisolo-toerana ny Vaomieran’ny Tetezamita – Vaomiera voalohany toy izany, nisantatra ny fikarakarana fifidianana nasionaly - ny Vaomieram-pirenena misahana ny Fifidianana. Ny faharetan'ity Vaomiera ity dia vokatry ny fiovan'ny rafitr'ireo mpikambana ao amin'ny foibeny - sivy mpiandraikitra maharitra ao amin'ny birao, izay nampian’ireo solontenan'ny kandidà 36, nihena ho roa tamin’ny fihodinana faharoan’ity fifidianana ity, mpikambana tsy maharitra hatramin'ny fanekena ny filatsahan-kofidiana. Ny fiparitahan’ny mpikambana dia voalamina araka ireo fitsipika ireo ihany, afa-tsy ireo mpikambana nofinidin’ny CENI, izay miasa amin’ny fotoam-pivoriana satria miankina amin'ny rafitra ara-teknika maharitra avy amin'ny Fiadidiana ny Faritra. Tamin’ny fananganana azy dia tsy nanana fahefana hametraka dati-pifidianana toy ilay Vaomiera teo aloha ny CENI. Araka ny andininy faha-5 ao amin'ny Lalàm-panorenana, ny CENI dia rafitra mahaleotena ary ny lalàna no mamaritra ny fomba fiasany.

Efa voalazan'ny IVEFF tamin’ny 2013 ny tsy fahampian'ny fitaovam-miasa sy tsy fisongadinan’ny ratsamangaikan’ny CENI, indrindra fa ny Vaomieran'ny fifidianana eo anivon’ny Distrika (VFD), ao anatin'izany ny Sampan-draharaha mpanisa vato (SRMV), nefa ireo dia manana anjara asa miavaka ao amin'ny zotra-pifidianana.[19] Tsapa ihany koa izany toe-javatra izany eny amin’ny vaomieran’ny fifidianan’ny kaominina (VFK), izay mampifandray ny VFD sy ny Fokontany, fizaram-paritra kely indrindra. Amin'ny fotoanan’ny fifidianana, ao anatin'izany ny fanitsiana ny lisi-pifidianana isan-taona, ny filoham-pokontany, eo ambany fahefan'ny Minisiteran’ny Atitany sy ny Fitsinjarampahefana (Mid), fa tsy miankina amin’ny CENI, dia solotenam-panjakana farany amin’ny fitantanana ny fifidianana, mialoha ny biraom-pifidianana sy ireo mpikambana dimy mandrafitra azy. Nahatsapa ny IVEFF fa matetika dia heverina ho akaiky kokoa ny mpitantana eo an-toerana ny filoham-pokontany raha oharina amin'ireo solotena hafa, ary tsy dia mahafantatra loatra ny mikasika ny fifidianana raha ampitahaina amin'ny vaomieran’ny fifidianana eo an-toerana.

Hatramin'ny 2017, natolotry ny volavolan-dalàna ny teti-bolan’ny CENI. Tsy ampy ny fanapariahana ny ratsa-mangaikany, indrindra tamin’ny fihodinana voalohany noho ny antony ara-bola, ara-teknika ary ara-lojistika. Nohamafisin’ny filohan’ny CENI fa vokatry ny fahataran’ny famoaham-bola avy amin’ny fitondrana izany: herinandro mialoha ny fifidianana. Nisy fanohanana ara-pitaovana goavana avy eo, toy ny fampiasana ny fiaram-panjakana rehefa nilaina izany, arakaraka ny naleha.

***Ny Minisiteran’ny Atitany sy ny fitsinjarampahefana sy ny andraikiny***

Ny Ministeran’ny ny Atitany sy ny fitsinjarampahefana, mpisehatra manan-tantara tamin'ny fikarakarana fifidianana hatramin'ny taona 2007, mbola tompon'andraikitra amin'ny famolavolana fehezan-dalàna. Niantoka ny fiarovana ny latsa-bato niaraka tamin'ny mpitandro filaminana ny Ministera sy ny Primatiora, ary ny fanajana ny fitsipika mifandraika amin'ny famoriam-bahoaka tamin'ny fampielezan-kevitra. Manindry ny fanoloran-tenan'ny hery fiarovana sy ny mpitandro filaminana, mandrafitra ny État-major mixte opérationnel (EMO) na isam-paritra na eran’ny nosy ny IVEFF. Izany dia nanomboka talohan’ny fifidianana, tamin’ny fiarovana ny fametrahana ny fitaovam-pifidianana, nandritra ny latsa-bato, ary ny fotoana niandrasana ny valiny vonjimaika sy farany.

[17] Andininy 45 ao @ Lalàm-panorenana.

[18] Andininy 47 ao amin’ny Lalàm-panorenana sy andininy 64 ao @ Lalàna Fehizoro 2018-009.

[19] Nanamarika ny CENI, tamin'ny tatitra fanombanana momba ny fampiharana ny drafitr'asan’ny taom-piasany 2016-2021, ny volana septambra 2017, fa tsy mbola manara-penitra ny fanapariahana ny ratsa-mangaikany.

***Fampiofanana mpikamban'ny birao fandatsaham-bato voaomana tsara nefa dia nahitana tsy fahatomombanana be loatra tamin'ny fihodinana voalohany***

Nandray ny tolo-kevitry ny IVEFF ny taona 2013 ny CENI : hatramin'ny faran'ny taona 2015, niasa tamin'ny fomba hentitra, nanangana drafitrasan'ny taom-piasany (2016-2021), drafitr'asa isan-taona, ary ao anatin'ny rafitra fifidianana filoham-pirenena, tetiandro amin'ny antsipiriany, fandaharanasan'ny fanofanana sy ny asa atao, mifandraika amin'ny fahasarotan'ny fanapariahana ny fitaovam-pifidianana.

Nahafehy ny tetiandrom-pifidianana ny CENI sy ny ankamaroan'ny ratsamangaikany. Tamin'ny 27 oktobra, taorian'ny fanofanana farany ny mpampiofana tao amin'ny foibe, nivoaka ny drafitra antsipiriany ny fampiofanana eny anivon'ny distrika, araka ny fiofanana natolotra ireo mpampiofana mihoatran'ny 5 700, hampitainy amin'ny 124.260 mpikambana amin'ny birao fandatsaham-bato. Ny voka-dehibe indrindra tamin'ny fiovan'ny tetiandron'ny fihodinana voalohany, mifandraika amin'ny fahataran'ny fahatongavan'ny vola, dia ny fihenan'ny faharetan'ny fiofanan'ireo mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato: roa andro lasa iray andro, tapak'andro mihitsy aza. Nitohy hatramin'ny omalin'ny latsa-bato izany fiofanana izany arakaraky ny toerana nefa tsy narahana fampiharana foana na tsy nahafahana nanoratra akory. Naverina indray ny fanofanana ho an'ny mpikambana ao amin'ny birao rehetra, talohan'ny fihodinana faharoa, nampiarahana tamin'ny fampahatsiahivana miavaka araky ny andraikitry ny mpikambana. Ny ankamaroan'ny faritra dia nihevitra fa sady ilaina no manan-danja ny fiofanana.

Nandinika ny IVEFF fa nahasoa ny mpandray anjara ny fanamafisana ny fahaiza-manao iombonana, niarahana tamin'ny filohan'ny foibe informatikan'ny distrika (CID) tamin'ny fihodinanana faharoa, izay misahana ny fampiasana ny rindrambaiko fanangonana ny vokatra avy amin'ny 119 sampana mpanangom-bokatra (SRMV), sy ny filohan'izy ireny.

***Fampitaovana fifidianana sarotra nefa nahomby, vokatry ny ezaka fametrahana drafitra sy ny toetr'andro tsara***

Nandray lesona tamin'ny traikefan'ny fifidianana 2013 ny fampitaovana, niaraka tamin'ny fanohanan'ny tetikasa SACEM-n'ny PNUD. [20] Teo anelanelan'ny 5 sy 9 oktobra 2018, ny taratasim-pifidianana – afa-tsy ny lisi-pifidianana sy ny kara-pifidianana natonta teto an-toerana – sy ny biletà tokana dia tonga avy any Afrika Atsimo. Ny finiavana hanamora ny fanisana ny biletà (25, 50 sy 100) araka ny isan'ny mpifidy isaky ny birao, sy ny fanarahana ny karine mandritra ny famonosana dia voadiniky ny mpamatsy. Ny drafi-panapariahana ny fitaovam-pifidianana, natao hitsinjovana ny mety hisian'ny fihodinana faharoa, dia nanaraka ny tolokevitry ny fampitaovana ny distrika. Nihemotra andro vitsivitsy ny fanapariahana ny fitaovam-pifidianana nentina fiara, nihazo lalana 35 samihafa, niainga tao amin'ny fanatobian'entan'ny CENI namonjy ny distrika. Tsy nahasakana ny fahatontosan'ny asa izany, teo anelanelan'ny 19 sy 26 oktobra.

Nahatsapa ireo fahasahiranana mafy ara-lozistika ao amin'ny faritra sasany, sy ny mety ho fiantraikany amin'ny fandefasana ny valim-pifidianan'ny birao mankany amin'ny SRMV, ary mba hisorohana na hamerana ny isan'ny valim-pifidianana tsy tonga - nalefa mihoatra ny sivy andro taorian'ny fifidianana, ny CENI dia nametraka fitaovana manokana, anisan'izany ny fampiasana helikoptera.

Tamin'ny fihodinana faharoa, mbola niantehatra indray tamin'ny fanohanan'ny trano pirinty iray avy any Afrika Atsimo ny fampitaovana ara-pifidianan'ny CENI. Ny IVEFF dia nanamarika ny rafitra vaovao napetraky ny CENI mikasika ny tahirin'ny biletàn'ny distrika, izany hoe, azo ampiasaina raha misy tsy fahampiana, rehefa mahazo alalana avy amin'ny filohany. Ny fanaterana ireo fitaovana vita printy ireo dia natao araka ny fandaharam-potoan'ny CENI, izay ny 6 desambra. Ny zava-baovao, raha ampitahaina amin'ny fihodinana voalohany, dia ny fangatahana ny fanohanana ara-piaramanidina hanapariahana ireo fitaovam-pifidianana mivantana mankany amin'ireo foibem-paritra enina. Hatramin'ny 7 desambra, dia lasa tompon'andraikitra tamin'ny fanapariahana ny fitaovam-pifidianana natao ho azy ireo vaomieran'ny fifidianan'ny distrika

[20] Tetikasa hanohanana ny zotram-pifidianana malagasy na SACEM miantehitra amina singa dimy mikasika ny: (i) lisi-pifidianana azo antoka sy feno, (ii) fanavaozana ny rafitra ara-dalàna, (iii) fanatsarana ny serasera eo amin'ny andrim-panjakana sy ny fanabeazana olom-pirenena, (iv) fanohanana eo amin'ny asa, sy (v) fanampiana ara-teknika.

***Sakana ara-pitantanana noho ny tsy fahampian'ny vola azo ampiasaina taloha kelin'ny fihodinana voalohany***

Nilaza ny tsy fahampiana ara-bola, ara-pitaovana sy ara-pitaterana ny ratsa-mangaika. Niaiky ny filohan'ny CENI fa mahatsapa izany toe-javatra izany, izay heveriny ho andraikitry ny governemanta noho ny tsy famoahany ny vola ara-potoana talohan'ny fihodinana voalohany. Ny famoahana ny vola herinandro talohan'ny latsa-bato dia nanamora ny fitohizan'ny asa na dia teo aza ny fihemoran'ny daty tamin'ny fitantanana ny asa, indraindray aza dia lasa fohy. Nanintona ny sain'ny IVEFF ny fahasamihafan'ny karama eo amin'ireo mpikambana voaantso amin'ny fivoriambem-piasana sy ny an'ireo izay mpikambana maharitra, manana ny satan'ny mpiasam-panjakana.

***Ny hetsika fanentanana dia tsy nanakana ny fahambanian'ny taha-pahavitriana***

Nokarakaraina teny an-kianja ny hetsika fanentanana na dia teo aza ny saritany sy ny fanombantombanana ireo vondron'olona kinendry, mbola sarotra faritany, nefa mbola nisy ny tsikera, voamarina na tsia, avy tamin'ireo mpandray anjara maro momba ny tsy fahampian'ity karazana hetsika ity. Ny fitantanana ny fifidianana dia manipy ny andraikitra amin'ny antoko politika noho ny tsy fahampian'ny hetsika fanentanana. Nanamarika ny fahasarotan'ny toeran'ny CENI, ary indrindra ny ratsamangaikany, nanoloana ny fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena sivily nitarika fihetsiketsehana fanentanana ny IVEFF. Izay nanamarika fa ity karazan'asa ity dia miankina tanteraka amin'ny fandraisan'anjaran'ireo mpiara-miasa ara-teknika sy ara-bola, ary mazàna ny fanatanterahana izany dia efa mandritry ny dingam-pifidianana izay efa mandroso be.

Ny IVEFF dia manasongadina ny traikefan'ny Ivon-toeran'ny Fifidianana ho an'ny Demaokrasia Maharitra ao Afrika (EISA) tamin'ny fanohanany ny fikambanana sivily eto an-toerana. [21] Noho izany, sady nitatitra ny fotoana fohy sy ny tsy fahampian'ny enti-manana hanapariahana hetsika tamin'ny fihodinana voalohany ny 15 oktobra  hatramin'ny 1 novambra, no nanombana ny EISA fa tao amin'ny kaominina ambanivohitra miisa 299 amin'ny 1 695 ( 13,5%) izay nirotsahana, nampifangaro ny fikambanana ao an-toerana sy ny CENI ny mponina, ary tsy nahatakatra hatrany ireo fidinana ireo. Tamin'ny fihodinana faharoa, ireo fikambanana ao an-toerana izay tohanan'ny EISA dia nanatontosa ny asany tamin'ny faritra iandraiketany tsirairay avy, na tamin'ny tanàna ambanivohitra na an-tanan-dehibe, ny  5 hatramin'ny 15 Desambra ka nampita ny hafatra "fahefana ny mifidy" tamin'ny alalan'ny fitaovana manokana ankatoavin'ny CENI, toy ny fahafahana mifidy na tsy misy kara-pifidianana aza.

Mpirotsaka an-tsitrapo KMF/CNOE, efa navitrika nandritra ny fizotry ny fisoratana anaran'ny mpifidy tamin'ny faritra 22, no nandray anjara tamin'ny hetsika fanentanana talohan'ny fihodinana voalohany, anisan'izany ny fandaharana tamin'ny onjam-peo tao an-toerana. Naniry hanao hetsika hafa teo anelanelan'ny fihodinana roa izy ireo, dia tsy niasa nandritra ny andro maromaro teo am-piandrasana ny toromarika sy ny famatsiana ara-bola.

Ny tetikasa Fanoa, ankoatra ny fanohizany ny fanentanana isam-pokotany nataony tamin'ny fihodinana voalohany, nisahanany distrika 34, dia nanitatra ny hetsiny tamin'ny famokarana fandaharana tamin'ny onjapeo sy fahitalavitra niarahany tamin'ny mpanao gazety nasionaly sy isam-paritra, hetsika faobe teny amin'ny fiantsonan'ny taxi-brousse niarahana tamin'ny mpamily fiarakaretsaka, sy tany amin'ny renivohitry ny faritra. [22] Nanamafy ihany koa ny fanaraha-maso ny olom-pirenena amin'ny ady amin'ny kolikoly sy fomba fanao ratsy amin'ny fifidianana, tamin'ny fikarakarana fifaninanana drafitra fanentanana tamin'ny faritra niasany ny tetikasa FANDIO. Ny fanentanana, ankoatra ny zavatra hafa, tamin'ny alalan'ny bokikely maneho ny fanao ratsy sy ny hirahira fanentanana, dia natao nandritra ny fampielezan-kevitra.[23]

Nanamarika ihany koa hetsika fanentanana miavaka, fifanarahana teo amin'ireo mpandray anjara avy amin'ny tetikasa PEV, mikendry hampiroborobo ny fifampitokisana amin'ny fiarahamonim-pirenena, ny hery fiarovana ary ny mpitandro filaminana, indrindra tamin'ny famoahana ny « tari-dàlana ho an'ny olom-pirenena amin'ny

[21] Ny tetikasa SACEM-n'ny PNUD dia nitazona ny EISA mba hanohanana ny lafiny fanentanana ny mpifidy.

[22] Ny tetikasa FANOA dia vatsian'ny Vondrona Eoropeana vola; natsangana tamin'ny 2015, ao amin'ny vondrona ROHY. Ny tetikasa dia miasa ao amin'ny faritra fito: Amoron'i Mania, Analamanga, Atsinanana, Boeny, Sava, Atsimo Andrefana, ary Androy, mandrakotra 34 distrika.

[23] Ny tetikasa FANDIO, "ny fifidianana azo antoka ho an'ny maro an'isa, mampirisika ny filatsahana sy fifantenana ny olom-pirenena marina", dia vatsian'ny Vondrona Eoropeana vola, ao anatin'ny vondrona ROHY ihany koa, ary manana fandrakofana mitovy amin'ny tetikasa FANOA.

fiaraha-miasan’ny mpisehatra mba hisian’ny filaminana » ny IVEFF.[24]

***Nihanavitrika sy nihanazava hatrany ny seraseran’ny CENI arakaraka ny nirosoan’ny dingana***
Ny fiarahamonim-pirenena, ankoatra ny hafa, dia nanasongadina ny fandraisana andraikitra tsara nataon'ny CENI, nitarika fikaonan-doha matetika, mikasika ny fanavaozana ny rafitra ara-dalànan’ny fifidianana hatramin’ny 2016. Noderaina ihany koa ny ezaka teo amin’ny serasera, na dia tsy dia takatry ny mponina rehetra aza ny hafatra. Ny IVEFF dia manamarika fa nahay nandray ny tolokevitra natao tamin'ny taona 2013 ny CENI.

Nefa teo anelanelan’ny filazana ny filatsahana ny faran'ny volana Aogositra sy ny fanombohan'ny fampielezan-kevitra fihodinana voalohany, nanamarika ny tsy fahampian'ny fifandraisana ny IVEFF. Na izany aza, rehefa nanakaiky ny latsa-bato voalohany, nahomby ny serasera nataon’ny CENI, tamin'ny famoahana fanadihadiana voafantina, na hafatra fanabeazana nalefany tao amin'ny kaontiny Facebook mikasika sehatra samihafa ao amin'ny fizotry ny dingana (ahoana no fomba hifidianana, dingana fifidianana sy ny fikirakirana ny vokatra). Na dia izany aza, diso fanantenana ny IVEFF fa tsy nisy natreham-bahoaka na fivoriana na tatitra na fivoriambe rehetra tao amin’ny CENI.

Manasongadina ireo hetsika vaovao noraisina teo amin’ny fifanakalozan-kevitra ny IVEFF, indrindra: i) ny 31 oktobra, nandritra ny "varavarana misokatra" natokana ho an'ny fomba fikirakirana ny vokatra, (ii) ny 15 Novambra, namela ny mpandray anjara hampitaha ny vokatra (iii) ny 30 novambra, nandritra ny fifampidinihina talohan'ny latsa-bato faharoa, namondrona ny mpandray anjara ary (iv) ny 7 Desambra, tamin'ny fotoana namerenana ny tatitra sy ny tolokevitry ny mpanara-maso ny rindrambaiko fikirakirana ny vokatra. Nahay nandray andraikitra voalohany amin’izay ny CENI tamin’ny seraserany nandritra ny fikirakirana ny vokatra ka nanazava tamin’ny vahoaka, anisan’izany, ny dingana fifampidinihina amin’ny solotenan’ny kandidà, sady nanohy ny famoahana ny vokatra ampahany.

# V. FANORATANA ANARAN’NY MPIFIDY

***Dingana fanoratana anaran’ny mpifidy nifototra tamin'ny fanavaozana ny lisi-pifidianana 2013***
Miantoka ny zo hifidin'ny olom-pirenena malagasy rehetra tsy anavahana lahy sy vavy, mahaleo tena ary mizaka ny zony sivily sy politika ny rafitra ara-dalàna. Na dia izany aza, ny lafiny sasany dia tsy mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena: ohatra ny tsy fahampian'ny fepetra ahazoan’ny Malagasy miaina any ivelany hifidy, ny fomba fananganana ny lisi-pifidianana, izay mbola anton’ny fitakian’ny kandidà maro. Raha ny marina, ny fametrahana ny lisitra dia natao araka ny lalànan'ny fifidianana tamin'ny 2012 ary ny ampahany amin'ny fanitsiana na ny fanavaozana dia fehezin'ny lalàn'ny 2018. Ny fisian'ireo fepetra mifanohitra amin'izany dia nipoiran’ny fitsikerana ihany koa. [25]

Vokatry ny fanavaozana ny 2012, ireo lisi-pifidianana dia avy amin'ny firaketana an-tanana taorian’ny fanisana notontosain’ny vaomiera mpanisa ny mpifidy (CLRE) tao amin’ny fokontany, noraiketina an-tsoratra ao amin’ny ivon-toerana informatikan’ny distrika. Araka ny lalàn'ny taona 2012, ny fanavaozana isan-taona ny lisitra dia natao ny 1 Desambra 2017 hatramin'ny 31 Janoary 2018, ary hatramin'ny 15 aprily ny fotoana fijerena ny lisitra sy ny fitarainana na fitoriana, ka ny fe-potoana amin’izany dia manaja ny fepetra iraisam-pirenena. Araka ny fepetra voalazan'ny volavolan-dalàna tamin'ny 2018, dia nakatona ny 15 mey ny lisi-pifidianana nasionaly, ary navoaka tamin'ny volana aogositra. An'arivony maro tamin’ireo tsy tafiditra, noho ny antony ara-pitaovana, no azo nampidirina, noho ny fangatahan’ny, ankoatra ny hafa, CENI tamin'ny fitsarana ambaratonga voalohany

[24] Ny tetikasa PEV dia notanterahana tao amin'ny "Tetik'asa fanohanana ny fisorohana sy fitantanana ny fifandonana sy herisetra amin'ny fifidianana eto Madagasikara" (www.pevmadagascar.eu), vatsian’ny Vondrona Eoropeana vola ary nampiharin'ny Ivon-toerana Eoropeana Mpanohana ny Fifidianana - miaraka amin'ny KMF/CNOE, Liberty 32, ny Fivondronan'ny onjapeo ho an'ny Fanamafisana ny fandriampahalemana, ary ny Fikambanan'ny mpampianatra ho fampiroboroboana ny lahy sy vavy.

[25] Ny 4 oktobra 2018, nisy fanambarana, nosoniavin'ireo kandidà 22, manome 24 ora ny CENI hanitsy ny lisitra (mitaky ny fanoratan’ny CENI ny olom-pirenen'ny rehetra, feno taona, latsaka tamin’ny lisitra ; famafana ny miverina indroa, ny tsy ampy taona ary ny tsy ara-dalàna).

(TPI) mahefa.[26] Izany dingana izany no nahafahan’ny CENI nanangona tahirin’antontan’isa, tsy misy famaritana biometrika.

***Efa ho 10 tapitrisa ny mpifidy ao amin'ny rejisitry ny fifidianana nojeren'ny OIF***

Tafakatra 9 913 599 ny isan’ny mpifidy tamin’ny 2018 raha oharina amin'ny mpifidy 7 823 805 tamin'ny fifidianana nasionaly 2013. Araka ny fanaraha-maso farany ny lisi-pifidianana nataon'ny OIF tamin'ny faran'ny volana septambra 2018, ny tahan’ny fisoratana anarana raha ampifandraisana amin’ny olona azo fidiana dia niakatra, 72% mety ho tonga 80%, hatramin'ny 2013. Ny isan'ny vehivavy eto amin’ny firenena dia mety tsy hiova, eo anelanelan'ny taona 2013 sy 2018 (vehivavy 85 ho an'ny lehilahy 100 - 81/100 tamin’ny 2010), anefa ireo 18-30 taona dia mety nihena tamin'io vanim-potoana io ihany (31% sy 27%, ary 29% tamin'ny 2010). [27]Ny IVEFF dia nanamarika fa ny tanora tokony hahatratra 18 taona eo anelanelan'ny 1 febroary sy 7 novambra 2018 - eo ho eo amin'ny mponina 400 000, na 4% amin'ny mpifidy, ary saika tsy manana karapanondro, dia tsy afaka nisoratra anarana tao anatin'ireo lisitra.

Nahafahana namantatra ny anarana miverimberina ny fanaraha-maso, nahatonga ny CENI nanaparitaka *lisitra mena* tamin’ny birao fandatsaham-bato efa ho 6 500, hisorohana ny fandatsaham-baton’ny tsy ampy taona, sy ny an’ireo voasoratra anarana mihoatra ny indray mandeha.[28] Araka ny voalazan'ny fanaraha-mason’ny OIF, ny IVEFF dia nanamarika ny fandraisan’andraikitry ny MID, notohanan'ny CENI sy ny SACEM, nitarika ny hetsika "birao tokana" izay nahafahana nizara soram-piankohonana, kara-panondro no sady fisoratana anarana avy hatrany amin'ny lisi-pifidianana.

***Lisi-pifidianana tsy afaka nojerena tamin’ny toerana sasany talohan’ny fifidianana***

Napetraka tany amin’ny fokontany miisa 19 169 ny lisi-pidianana, na dia novolavolaina tamin’ny fotoana tsy nisy afa-tsy 18 333 aza, mba ahafahan’ny mpifidy manamarina ny anarany. Ny tranonkalan'ny CENI dia tsy nahafahan’ny mpifidy nanamarina ny fisoratana anarany raha tsy andro vitsivitsy talohan'ny fihodinana voalohany, nikatona ity tranonkala ity mandra-pahatongan'ny fihodinana faharoa. Na dia tsy mitaky izany aza ny lalàna, ny CENI dia tsy nanapa-kevitra ny hanolotra ny lisi-pifidianana amin'ny endriny elektronika ho an’ny kandidà, toy ny any amin'ny firenen-kafa. Ny lisi-pifidianana vita printy nanomboka ny Septambra 2018, ho an’ny fihodinana roa tany amin'ny faritra dia natolotra ny biraom-pifidianana tamin’ny endriny roa ; lisitra voalohany hanamarinana ny anaran’ny mpifidy rehefa niditra ny birao fandatsaham-bato izy, ary lisitra faharoa ho an’ny fanaovana sonia aorian'ny latsa-bato. Tsy nisy lisitra napetaka ivelan'ny birao.

***Ny tsy fahafahana mamoaka ny zava-misy mikasika ny fizarana karatry ny mpifidy isan-toerana***

Ny filoham-pokontany no tompon'andraikitry ny fizarana ny karatra ho an'ny olom-pirenena, ny fomba fiasa izay hita dia miovaova arakaraky ny toerana: sonia iray no maka karatra maro tsy misy rafitra matotra fanaraha-maso, fanaterana karatra isam-baravarana mifanohitra amin’ny andraikitry ny olom-pirenena no maka ny karatra, ary fe-potoana samihafa, indraindray aza hatramin'ny farany. Tamin'ny andron'ny fifidianana ny 7 novambra dia nanamarika ny IVEFF fa ny fahasarotana amin'ny fisoratana anarana sy ny fizarana karatra dia nisy fiantraikany tamin'ny fizotry ny fifidianana.

Vao niandoha ny volana desambra, nahita ny IVEFF fa nanome baiko ny filoham-pokotany ny MID mba handray anjara mavitrika amin’ny fizarana ny karatra miaraka amin’ny mpikamban’ny vaomiera mpanisa mpifidy. Izany toromarika izany, tsy nisy tamin’ny fanomanana fihodinanana voalohany, dia nampiarahana tamin’ny fidinana ifotony, ka ny tanjona dia hanefa, amin’ny ampahany na manontolo, ny tambikaraman’ny filoham-pokotany. Izy ireo, izay filohan’ny vaomiera mpanisa mpifidy koa, iandraiketan’ny CENI, dia nahazo

[26] Ireo lisitra ireo dia misy ao amin'ny fokontany, nefa tsy apetaka. Araka ny fanaraha-mason’ny OIF, ny filatsahan’ny 178.803 dia nosoratana taorian'ny fangatahana (2% n'ny mpifidy), ary 22.530 (0,2%) avy amin’ny didy hitsivolana taorian'ny fanapahan-kevitry ny TPI.

[27] Araka ny vinavinan'ny Ivotoerana Nasionaly momba ny Antotanisa Malagasy avy amin'ny RGPH-2 tamin'ny 1993, ny 18 - 30 taona dia handrafitra ny 38,5% ny mponina ampy taona eto amin'ny firenena.

[28] Ny fanaraha-mason’ny OIF dia manombana ho 12 000 anarana miverimberina no miparitaka manerana ny firenena noho ny fisoratana anarana maro, ary mpifidy 9.684 no voakasik'izany. Ny CENI dia nanapa-kevitra ny tsy hitazona afa-tsy ny fisoratana anarana farany tamin'ny lisi-pifidianana. Hosoratana ao anaty lisitra mena, ny teo aloha, birao fandatsaham-bato 6 673 no voakasika izany. Izany dia ampiharina ihany koa amin’ireo 30 nisoratra anarana nefa tsy ampy taona. Tsy nahita anarana miverina tao amin’ny « anarana » sy « nomerao CENI» ny mpanara-maso.

toromarika mitovy amin'ny an'ny Vaomiera. Noho izany, manontany tena ny IVEFF amin'ny nahafahan'ny CENI naminavina ho latsaky ny 400 000 ny isan'ny karatra sisa ho zaraina herinandro alohan'ny latsa-bato, nefa tsy nisy filazana ny zava-misy mikasika ny fizarana isam-paritra.

Ny IVEFF dia nanamarika ny fanapahan-kevitra tampoka noraisin'ny CENI izay milaza fa amin'ny fihodinana faharoa, kara-panondro dia ampy handatsaham-bato rehefa voasoratra ao amin'ny lisi-pifidianan'ny birao fandatsaham-bato misy azy ny olom-pirenena iray. Manamarika ny IVEFF fa toe-javatra miverimberina izany, efa hitany tamin'ny 2002 sy 2013. Fandraisan'andraikitra misoroka ny fanavahana izany, manontany tena ny IVEFF sy ny CFM koa, nandritra ny atrikasany ny 6 desambra, ny amin'ny mbola ilàna na tsia ny kara-pifidianana amin'ny zotra-pifidianana, indrindra amin'ny rafitry ny fampidirana ny karapanondrom-pirenena biometrika.[29]

***Fampiasana fitaovana vaovao: saritany momba ny fifidianana***

Noho ny fanapahan-kevitry ny CENI hametra ho 700 ny isan'ny mpifidy isam-birao, araky ny tolokevitry ny IVEFF ny 2013, nitombo 25 % ny isan'ny birao hatramin'io taona io: 24.852 raha 20 001, miparitaka amin'ny foibem-pifidianana 19.194. Anefa nihena ny isan'ny mpikambana ao amin'ny birao noho ny fanavaozana ny rafitra, tsy nanamora ny fahitana filohan'ny birao mahefa akory izany, satria, ara-pitsipika, dia nitombo 25 %. Manamarika ny IVEFF fa naneho ny fahafaham-pony ny ratsamangaika tamin'ny fametrahana birao vaovao sy foibem-pifidianana. Amin'ny ankapobeny, ny filoham-pokontany no manome sosokevitra amin'izany – indrindray, mandray an-tanana mivantana ny Vaomieram-pifidianana eo an-toerana na dia tranga-na birao maro, ao anaty efitra iray, no nofoanana.

Manamarika ny fandraisan'andraikitra sy ny ezaky ny CENI ny IVEFF, fandrindrana, anatin'izany, miaraka amin'ny Ivotoerana Nasionaly momba ny Antontanisa Malagasy, noho ny famoahana tamin'ny Internet nanomboka ny 2 Novambra, ny saritanin'ny biraom-pifidianana. Ity saritany ity dia mamaritra ny toerana misy ny foibe sy ny birao fandatsaham-bato miaraka amin'ny fanamarihana ny trano, kaody nomena, ary ny isan'ireo mpifidy.

## VI. FANORATANA ANARAN'NY KANDIDA SY NY ANTOKO

***Fepetra filatsahana tsy manavaka na dia eo aza ny haavon'ny fetra famerenana ny petra-bola***

Ny Lalam-panorenana sy ny lalam-pifidianana dia miantoka ny zo filatsahan-kofidiana filoham-pirenena, ary ny fepetra ahazoana milatsaka dia mifanaraka amin'ny takian'ny iraisam-pirenena amin'ny ankapobeny, tsy misy tranga fanilikilihana na tsy fifanarahana tsy amin'antony. Izay kandidà tsy mahaleotena dia tokony avy amin'ny antoko politika na atolotry ny olom-boafidy 150. Ny rejisitra ofisialin'ny MID dia mitatitra antoko politika 206 tamin'ny 28 septambra 2018.[30] Natolotry ny antoko politika ny kandidà rehetra tamin'ny fifidianana 2018. Ankoatr'izay, manamarika ny Iraka fa ny fepetra napetraky ny lalàna vaovao momba ny fandoavan-ketra, ny filazam-pananana ary ny fahadiovana ara-pitsarana dia noferan'ny HCC ho fandoavan-ketran'ny telo taona farany, ahafahana mampiditra mpisehatra politika sasany.[31]

Navoaka tamin'ny 29 jona 2018 ny didim-panjakana mihaika ny mpifidy ho an'ny fifidianana filoham-pirenena mialoha ny fotoana. Araka ny voalazan'ny lalàna dia nivoaka io andro io ihany ny didy mamaritra ny modelin'ny

[29] Ny foto-kevitra fampidirana ny kara-panondro biometrika sy ny fiantraikany amin'ny fisoratana anaran'ny mpifidy dia efa niadian-kevitra hatramin'ny taona 2016,: (i) ny volana aprily 2016, nandritra ny Iraka fanombanana ny ilaina amin'ny fifidianana notarihin'ny Firenena Mikambana; (ii) tamin'ny Septambra 2016, nandritra ireo lohahevitra noresahana tao anatin'ny atrikasa fifampidinihana ny fanatsarana ny rafitra ara-dalàna; (iii) tamin'ny desambra 2016, tao amin'ny paikady ho fanatsarana ny rafitra ara-dalàna amin'ny fizotry ny fifidianana; (iv) tamin'ny Septambra 2017, tao amin'ny tatitra fanombanana ny fampiharana ny drafitr'asan'ny taona 2016-21; ary, (v) ny 27 Novambra 2018, nandritra ny fanolorana orinasa alemana iray, manam-pahaizana momba ny biometria. Nandritra ny fifanakalozan-kevitra ny 29 Novambra 2018, dia nanambara ny filohany fa ny fampidirana ny biometria dia mitoetra ho zava-kendren'ny CENI mandra-pahatapitry ny fotoam-piasany.

[30] Araka ny voalazan'ny Talen'ny fahafaham-bahoaka sy ny raharaha politika (S/C Direction Générale de l'Intérieur / MID).

[31] Andininy faha-6 amin'ny Lalàna Fehizoro N° 2018-009 : rehefa nahavita nanefa ny adidiny amin'ny hetra ary nandoa ny karazana haba rehetra ; sy ny Didy N°16-HCC / D3 tamin'ny 3 May 2018

taratasy fanamarinana sasany ilain’ny kandidà ary ny fe-potoana hametrahana ny antontan-taratasy filatsahan-ko fidiana. 46 no voarain’ny HCC ny 21 aogositra, tamin’ny fikatonan’ny fe-potoana. Taorian'ny fanamarinana ny fepetra azo ekena dia nisy antontan-taratasy 10 tsy mifanaraka ka tsy nekena. [32]Ny lisitra faran’ny kandidà dia nakatona tamin'ny 22 Aogositra ary ny anaran'ireo kandidà 36 dia navoaka tao amin'ny Gazetim-panjakana. [33]

Tsy maintsy mandoa petra-bola fandraisana anjara amin’ny fandanian’ny Fitondram-panjakana amin'ny fikarakarana ny fifidianana filoham-pirenena ny mpifaninana, azo averina raha mahazo 10% amin'ny vato manan-kery ary raha miala, alohan'ny fe-potoana farany fametrahana ny filatsahan-kofidiana. Voafetra ho Ar 50.000.000 ny petra-bola (manodidina ny 12.500 Euros). [34]Raha mamaritra ny isan'ireo mpifaninana ny fametrahana petra-bola, ambony loatra ny fetran’ny famerenana ka tsy mifanaraka amin'ny fampiharana tsara iraisam-pirenena (eo anelanelan'ny 3 sy 5%). Ankoatr'izany, tsy misy lalàna milaza ny mikasika ny filatsahan-kofidiana nolavina. Efa tara be tao anatin’ny dingana ny HCC vao namaly ny fitakian’i Philippe Madiomanana Tsiranana, nangataka ny famerenana ny petra-bolany satria an’isan’ireo mpandray anjara 10 nolavina izy. [35]Nandidy ny famerenana ny HCC satria noho ny tsy fanekena ny firotsahany dia tsy voatery handray anjara amin’ny fandanian’ny fifidianana izy. [36]

Ny olom-boatendry eo amin’ny toerana ambony sivily sy miaramila, milatsaka ho fidiana amin’ny fifidianana filoham-pirenena dia voatery mametra-pialàna, [37]raha tsy izay dia tsy azo raisina ny filatsahany. Torak’izany koa ny kandidà manao fanambarana am-pahibemaso, manala-baraka ny fari-piadidina misahana ny fifidianana na ny rafim-pitsarana. Tsy voafaritra tsara ny fe-potoana ahazoana manao fampiakaran-draharaha amin’ny fanafoanana ny filatsahan-kofidiana. [38] Ny rafitra ara-dalàna mikasika ny fifanolanana amin’ny firotsahan-kofidiana filoham-pirenena dia mifarana amin’ny famerana ny zo hanao fampiakaran-draharaha mahomby. Ny HCC no manambara ny fanapahana fanilihina ho an'ny fifidianana filoham-pirenena, izay tsy azo hivalozana. [39]Talohan'ny latsa-bato tamin'ny fihodinana voalohany, ny HCC dia nanambara fanapahana roa tamina fangatahana mifandraika amin'ny fanilihina kandidà, izay nolavina noho ny fombafomba voadidy tsy narahina. [40]

*Araka ny fifanarahana iraisam-pirenena dia tsy tokony hiseho ho toy ny fepetra fanavakavahana ny fetran’ny isam-bato ahazoana famerenam-bola, raha hilatsaka ho fidiana. Manome soso-kevitra ny IVEFF noho izany mba faritana mazava tsara ny fe-potoana fitsipahana filatsahan-kofidiana.*

# VII. FAMPIELEZAN-KEVITRA

***Fijery ankapobeny ny fizotry ny fampielezan-kevitra***

Naharitra 30 andro ny fampielezan-kevitra fihodinana voalohany. Nanomboka ara-pomba ofisialy ny 8 oktobra, nifarana ny 5 novambra 2018 tamin’ny misasakalina, ny andron’ny 6 novambra voatokana ho an’ny fahanginana ara-pifidianana. Tapa-bolana ny tamin’ny fihodinana faharoa, teo anelanelan’ny 4 sy 17 desambra 2018 misasakalina, narahana ny andron’ny fahanginana ara-pifidianana ny 18 desambra. Nizotra tao anatin’ny fahatoniana politika tamin’ny ankapobeny teto amin’ny nosy ny fampielezan-kevitra fifidianana filoham-

[32] Didy n°2018-643 mametra ny fandraisan’anjaran’ny kandidà amin’ny fandanian’ny fanjakana amin’ny fifidianana filoham-pirenena mialoha ny fotoana ary ny fomba famerenana ny 29 jona 2018.

[33] Didim-panjakana laharana faha 26-HCC / D3 tamin'ny 22 aogositra 2018 manakatona ny lisitr'ireo kandidà ho an'ny fihodinana voalohan'ny fifidianana filoham-pirenena.

[34] Didim-panjakana N° 2018-643 mamaritra ny fandraisan’anjaran’ny kandidà amin’ny fandanian’ny Fitondram-panjakana tamin'ny fifidianana filoham-pirenena alohan’ny fotoana sy ny fepetran’ny fanonerana, ny 29 Jona 2018.

[35] Fanapahana N°25-HCC/D3.

[36] Fanapahana N°12-HCC/AR ny 14 desambra 2018.

[37] Voalazan’ny andininy faha-6 ao amin’ny Lalàna Fehizoro N°2018-008.

[38] Andininy 208 hatramin’ny 210 sy fanampin’ny Lalàna Fehizoro n°2018-008. Tsy voaresaky ny lalàna ny fe-potoana nefa ny fanapahana navoaka dia manondro fa ny fe-potoan’ny disadisam-pifidianana dia mihatra koa amin’ny fitsipahana filatsahana.

[39] Andininy 208, 209 sy 210-n’ny Lalàna Fehizoro N°2018-008.

[40] Fanapahana N°07-HCC/AR ny 22 aogositra 2018 sy fanapahana N°09-HCC/AR ny 5 septambra 2018.

pirenena na dia nisy aza tranga vitsy nampiasana herisetra tamin'ny tompon'andraikitra sasan'ny fampielezan-kevitry ny kandidà, nitarika fahafatesana 3 tsy nahy. [41]

***Ny Satan'ny fitondran-tena mendrika: kandidà 13 monja no nanaiky***

Nanao tolokevitra ny IVEFF tamin'ny 2013 ny mba handrindrana ny fitondrantenan'ny kandidà sy ny mpisehatra politika amin'ny fametrahana fitsipi-pitondrantena mendrika. Ho valin'izany sy mba hampitoniana ny fampielezan-kevitra, novolavolaina ny satan'ny fitondran-tena mendrika, mandrindra ny fitondran-tena sy ny fitsipika, aloha, mandritra sy aorian'ny latsa-bato, avy amin'ny fiaraha-miasan'ny andrim-panjakana maro sy ny fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena. [42]Ny 3 oktobra, kandidà 6 tamin'ireo 36 no nanao sonia ny Sata nandritry ny lanonana ofisialy. Ny omalin'ny fanombohana ny fampielezan-kevitra fihodinana voalohany anefa, kandidà fito hafa no nanao sonia, anisan'izany, ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina, hany nanao sonia tamin'ireo filoham-pirenena efatra taloha, izay no nampiakatra 13 ny tontalin'ny nanao sonia.

***Ny tsy fitovian'ny vola sy ny enti-manana***

Voamarika mafy tamin'ny tsy fitovian'ny enti-manana nampiasain'ny kandidà tsirairay ny fampilezan-kevitra fifidianana filoham-pirenena 2018. Ny kandidà telo tokoa, noheverina ho matanjaka, dia ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina avy amin'ny Hery Vaovaon'I Madagasikara (HVM), filoha taloha Marc Ravalomanana avy amin'ny Tiako i Madagasikara (TIM) sy ny filohan'ny Tetezamita Andry Rajoelina avy amin'ny Tanora malaGasy Vonona/Miaraka amin'ny Prézidà Andry Rajoelina (TGV/MAPAR) dia tsy nitsitsy tamin'ny enti-manana mba hahalany azy. Ireo kandidà ireo ihany no afaka nampiasa fiara manidina sy angidim-by ka afaka nitety ny vazantany rehetra; ankoatra izay ny fananany haino aman-jery afaka mandrakotra ny nosy iray manontolo dia nahafahany nitafa tamin'ny mpifidy rehetra. Ity tsy fitoviana ity no lesoka ho an'ny kandidà sisa izay tsy afaka nitety ny firenena iray manontolo. Noho izany, voafetra ny fahafantarana azy ireo noho ny tsy fampian'ny fitaovana teo am-pelatanany. Tamin'ny fihodinana voalohany, difotra avokoa ny ankamaroan'ny kandidà teo anoloan'ny fitaovana sy enti-manana mihoampapana nampiasain'ny kandidà Andry Rajoelina.

Efa ho ny roa ampahatelon'ny kandidà no afaka nanatanteraka malalaka ny fampielezan-keviny rehefa nahazo alalàna tamin'ny tompon'andraikitra ao an-toerana, ary ny am-pahatelony farany dia azo lazaina ho tsy nanao izany akory. Nisy tranga na fampitahorana tsikaritry ny IVEFF [43]nandritra ny fampielezan-kevitry ny fihodinana faharoa, nifanandrinan'i Marc Ravalomanana sy Andry Rajoelina.

***Ny fitsipiky ny tsy fiandanian'ny fitantanana sy ny mpiasam-panjakana ary ny fanajana izany***

Ny 2013, ny IVEFF dia nanamarika ny fahabangana sy fihevahevana ao amin'ny rafitra ara-dalàna momba ny tsy fiandanian'ny manampahefana ara-politika sy ara-panjakana nandritra ny vanim-potoan'ny fampielezan-kevitra. Sambany, tamin'ny 2018, ny rafitra ara-dalàna malagasy no nametraka fitsipika momba ny tsy fitanilan'ny mpiasam- panjakana amin'ny fizotry ny fifidianana. Nohajain'ireo kandidà izany tamin'ny ankapobeny, afa-tsy ireo kandidà telo matanjaka, nahitana ny fandraisan'anjaran'ny mpiasam-panjakana sy mpikambana ao amin'ny governemanta nandritra ny fampielezan-keviny tamin'ny fihodinana voalohany.[44] Nahamarika fampiasana fiaram-panjakana koa ny IVEFF, indrindra tamin'ny fampielezan-kevitry ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina.

***Fomba fiasam-panentanana nifandraika tamin'ny sarintanin'ny vondron'ny mpifidy isam-paritra***

[41] Nisy tranga-pahafatesana nandritra ny zotra-pifidianana: (i) ny 28 oktobra, vehivavy mpanaradian'ny kandidà Marc Ravalomanana, vokatry ny fanafihana azy teto Antananarivo; (ii) ny 14 desambra, lehilahy iray, mpanaradia an'io kandidà io ihany, nisy nanafika tany Morondava ary nodimandry ny 1 janoary 2019; sy (iii) ny 5 janoary, zaza iray sempotry ny enton'ny baomba mpandatsa-dranomaso natsipin'ny mpitandro filaminana mba hanaparitahana ny mpanao fihetsiketsehana.

[42] Ity tetikasa Fehezan-dalàna mifehy ny fitondran-tena tsara ity dia avy amin'ny fandrindram-piaraha-miasa teo amin'ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy, ny CENI, ny Vaomieram-pirenena mahaleotena momba ny Zon'olombelona, ny Filankevitra Ambony miaro ny Demokrasia sy ny tany tan-dalàna, ny BIANCO, ny SAMIFIN, ny Komity miaro ny fahamendrehana (CSI) ary mazava ho azy ny fiarahamonim-pirenena, anisan'izany ny ROHY, ny tetikasa FANDIO, ny Transparency International, Justice et Paix ary ny ONG TOLOTSOA.

[43] Tany Morondava ny 12 sy ny 13 desambra ; tany Antsiranana, mpanaradian'i Andry Rajoelina an-jatony no nanakan-dalana ny kandidà Ravalomanana izay nikasa hanao fivoriana tamin'io andro io.

[44] Nandritra ny fivorian'ny kandidà Hery Rajaonarimampianina sy ny kandidà Marc Ravalomanana.

Hetsika fampielezan-kevitra 250 teo no narahin'ny IVEFF maso ka ny roa am-pahatelony nandritra ny fihodinana voalohany, ny am-pahatelony fihodinana faharoa. Ny fampielezan-kevitry ny kandidà dia hita tamin'ny faritra 21 amin'ireo 22 voarakotry ny Iraka. Niezaka nifandray tamin'ny mpifidy mivantana, na tamin'ny alalan'ny ekipa fampielezan-kevitra sy ny komity mpanohana. Ny paikadin'ny fanentanana nataon'izy ireo dia nifandraika tamin'ny sarintanin'ny vondron'ny mpifidy isam-paritra.

Vao nisokatra ny fampielezan-kevitra dia nanao fivoriambe teny anivon'ny renivohitry ny distrika ireo kandidà matanjaka, ny sasany nanao valan-dresaka fifanakalozana amin'ny mpanara-dia sy ireo izay mety hifidy, fihaonan'ny samy mpanaradia, fihaonana ao amin'ny fokontany, fitsidihana isam-baravarana, fanentanana ara-pialam-boly, fivoriana eny an-kianja na tanin-olon-tsotra, ary indraindray aza any am-piangonana, filaharana, karnavaly ary fanentanana eny an-dalambe ho an'ny hafa. Ny sasany nanararaotra nampiasa ny teknolojia ka niara-niasa tamin'ny mpandraharahan'ny tambazotra finday mba andefasana SMS mampirisika hifidy azy ireo. [45] Etsy ankilany, rehefa nanakaiky ny andron'ny latsa-bato ka nihamafy ny fanentanana dia nisy kandidà folo teo ho eo hita teny an-kianja, nifandray tamin'ny mpifidy. Ny ambiny, tokony ho roapolo, dia mbola tsy hita maso saingy hita tamin'ny alàlan'ny afisy sy sary mipetaka amin'ny takelaka, satria tsy nanana fitaovana sy fanohanana ahafahana manao fampielezan-kevitra eny an-kianja vory vahoaka.

Nandritry ny fanentanana, nahatsikaritra tsy fanarahan-dalàna ny IVEFF, ohatra ny famerenana ny saran-dalan'ny mpanaradia tonga nanatrika ny fampielezan-kevitra, izay tranga tena mateti-piseho. [46] Tsikaritra koa ny tranga fanerena handray anjara amin'ny fampielezan-kevitry ny kandidà Hery Rajaonarimampianina. [47]Ankoatr'izay, nizara akanjo, kasikety, saina, elo sy lambaoany ireo kandidà telo matanjaka. Tamin'ny tranga hafa, nahita fizarana moto ho an'ny ben'ny tananan'ny firaisana, mpikambana ao amin'ny antoko politikan'ny HVM, ny IVEFF.

Ny lohahevitra noresahana sy nampitaina tamin'ny onjampeo sy fahitalavitra ary tamin'ny alalan'ny tambazotran-tserasera dia niompana tamin'ny ankapobeny tamin'ny fandriampahalemana, ny fampandrosoana, ny fitsinjarampahefana mahomby ary koa ny fampihavanam-pirenena. Tamin'ny latsa-bato faharoa dia nanamarika ny IVEFF fa nisafidy fomba fiasa hafa ireo kandidà roa tamin'ny fanaovana fanentanana manakaiky kokoa : isam-baravarana ka ny samy mpifidy no mifanentana eo amin'ny tanana iray. [48] Noho izany, nanolo ny solotenany tamin'ny tanana sasany ny foiben'ny ankolafy roa, indrindra tany amin'ny fokontany na distrika nananosarotra azy ny fahazoana ny valim-pifidianana tamin'ny fihodinana voalohany.

Nihena ny hetsika fampisehoana sy fialamboly fa niompana kokoa tamin'ny resaka fanazavana ny vontoatin'ny fandaharan'asa'ny kandidà ny fampielezan-kevitra, dia ny Initiative Emergence Madagascar (IEM) sy ny Madagascar Action Plan (MAP 2). Mba hikasihana mpifidy maro kokoa dia nanao hetsika teo anivon'ny kaominina sy ny fokotany noho ny teny amin'ny distrika ny ankolafy roa. Nandritra ny fandraisany fitenenana dia nampahatsiahy ny lasany ara-politika sy nansongadina ny traikefany handresen-dahatra ny mpifidy sady nanaratsy ny mpifaninana aminy ny kandidà. [49] Nampiasa modelin'ny biletà tokana ny kandidà roa ampianarana ny mpifidy amin'ny tokony atao hisorohana ny vato tsy manan-kery.

***Fiarovana ny fampielezan-kevitra, laharam-pahamehan'ny governemanta***

Anisan'ny laharam-pahamehan'ny governemanta mpisolo toerana ny fiarovana ny fampielezan-kevitra. Noho izany, ny mpitandro filaminana mivondrona ao amin'ny Organe Mixte de Conception (OMC) dia nivory, taloha

[45] Tamin'ny fihodinana voalohany, mpandraharaha tambazotra finday no nandefa SMS hampirisihina ny mpifidy handatsa-bato ho an'ny kandidà Andry Rajoelina. Torak'izany, ny iray tamin'ireo mpandraharaha, nandefa SMS mitovy amin'izany ho an'ny kandidà Marc Ravalomanana.

[46] Ny IVEFF dia nanamarika fa ny fandikan-dalàna dia avy amin'ireo kandidà telo lehibe amin'ity fifidianana ity: Hery Rajaonarimampianina, Andry Rajoelina sy Marc Ravalomanana.

[47] Araka ny voalazan'ny IVEFF, nandritra ny famoriam-bahoaka ho an'ny kandidà Hery Rajaonarimampianina tao Marovoay, faritra Boeny, dia nilaza ireo mpiambina ala fa noterena handray anjara tamin'ny fanentanana.

[48] Ohatra ny tranga tao Morondava, faritr'i Menabe, nikasa ny nampiasa ny « kily be » (fivoriana nenti-paharazana ao an-tanana) ny ankolafy roa tamin'ny latsa-bato faharoa.

[49] Tamin'ny fihodinana faharoa, nampahatsiahy ny zava-bitany nandritra ny fotoam-piasany tamin'ny mpanaradia azy sy ny mpifidy ny kandidà Marc Ravalomanana: fanamboaran-dalana; no sady nanaratsy ny mpifaninana aminy, izay DJ tsy mahavita mitantana firenena. Ny kandidà Andry Rajoelina kosa, nitanisa ny hadisoana tamin'ny fotoam-piasan'i Ravalomanana sy ny didin-kohehy lehibeny andresena lahatra ny mpifidy handatsa-bato ho azy.

sy nandritra ny fampielezan-kevitra mba hametrahana drafitra hiarovana ny dingana. Ankoatra izany, nandritra ny hetsika fampielezan-kevitra lehibe, navoaka ny mpitandro ny filaminana mba hiaro avy lavitra, fa tsy nitsabaka tamin'ny hetsika. Na dia izany aza, nisy hetsika fiarovana roa nanamarika ny fizotry ny fampielezan-kevitra voalohany, ka niteraka faharatrana sy fahasimban-javatra.[50] Ny fampielezan-kevitry ny fihodinana faharoa dia voatentina tranga na herisetra vitsivitsy.[51]

# VIII. HAINO AMAN-JERY

***Maroloko ny tontolon'ny haino aman-jery eto Madagasikara fa mbola anjakan'ny firehana politika***

Hatramin'ny fanalalahana ny sehatry haino aman-jery tamin'ny fiandohan'ny taona 90, nihanandroso ny tontolon'ny haino aman-jery tamin'ny firongatry ny fampahalalam-baovao maro. Miisa 200 ny onjampeo tsy miankina, 27 ny fahitalavitra – 6 an'ny fanjakana, 21 tsy miankina -, ary an-telopony ny gazety, mizara ho mpiseho isan'andro sy isan-kerinandro ; ny famoahana azy ireo dia mivangongo indrindra eto an-drenivohitra.

Noho ny fahamoran'ny fananganana onjampeo eo an-toerana sy fahazoan'ny mponina azy mora kokoa, ny onjampeo no haino aman-jery tena be mpampiasa indrindra eto Madagasikara. Nefa ny ankabeazan'ny haino aman-jery dia mivangongo eo am-pelatan'olom-bitsy matanjaka.[52] Mahatsapa ny IVEFF fa: (i) sarotra ny mamantatra ny tompon'ny orinasa fanaovan-gazety; (ii) voafetra ny fahaleovantenan'ny mpanao gazety mpikarama ; (iii) ary, ny fahasamihafan'ny fotokevitra hitondrana ny gazety dia voafetra. Manohintohina ny fahamaroana lafy ny vontoatin'ny fandaharana. Ankoatr'izay sy vokatr'izay, mbola anjakan'ny firehana politika ny haino aman-jery eto Madagasikara.

***Voarahona ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety na dia iantohan'ny Lalam-panorenana aza***

Miantoka ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety sy ny fanehoan-kevitra ny Lalam-panorenana sady mifanaraka amin'ny lalàna mamatotra an'i Madagasikara amin'ny Sata iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona sy ny fepetran'ny fifanekena iraisam-pirenena momba ny zo sivily sy politika.[53]

Zo ny fahalalahan'ny fampahalalam-baovao, na inona na inona fitaovana ampiasaina. Mifamatotra amin'ny adidy sy andraikitra ny fahombiazany, ary voafehy amina fombafomba, fepetra, na sazy voalazan'ny lalàna. Ny sivana rehetra dia voarara ary ny fampiharana ny asa fanaovan- gazety dia voafehin'ny lalàna.

Eto Madagasikara, voarara ny famoahana ny valin'ny fakan-kevitra amin'ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra sy ny andron'ny fahanginana. Nefa, ny omalin'ny fiantombohan'ny fampilezan-kevitra fihodinana voalohany, noraran'ny governemanta ny famoahana fakan-kevitra momba ny fifidianana filoham-pirenena 2018 notontosain'ny Fikambanana Friedrich Ebert (FES). [54] Noheveriny tsy "amin'ny fotoanany sy mampidi-doza » izany famoahana izany.

*Manolo-kevitra amin'ny fanamafisana ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety sy famoahan-kevitra ary fametrahana fitsipika mifehy ny fakan-kevitra ny IVEFF.*

***Mbola tsy feno ny rafitra ara-dalàna ankapobeny noho ny fahefam-panjakana mpifehy, izay mbola tsy miasa***

Voafehin'ny fehezan-dalànan'ny fifandraisana ny sehatry ny fifandraisana sy ny haino aman-jery.[55] Ny lalàna mifehy ny haino aman-jery dia voalaza ao amin'ny toko II ny fehezan-dalànan'ny fifandraisana, manorina ny

[50] Nandritra ny fanetsiketsehana ny mpanohana ny kandidà Andry Rajoelina, nisy fiara vaventy nitatitra mpanohana, nivadika ary nandratra olona maro tao Taolagnaro taorian'ny fihaonany tamin'ny 19 Oktobra 2018. Torak'izany, ny fidinana an-jambany ny helikopteran'ny kandidà Marc Ravalomanana tamin'ny famoriam-bahoaka tao Ihosy, ny 18 Oktobra 2018, dia nahatonga faharatran'olona am-polony noho ny vovoka sy ny fifanosehan'ireo mpanohana tonga teo.

[51] Tao Morondava, faritr'i Menabe, tompon'andraikitra roan'ny komity mpanohana ny «K25» ny kandidà Marc Ravalomanana (n°25) no naratra mafy ka naiditra hopitaly vokatry ny fanafihan'olon-tsy fantatra. Toy izany koa, ny takarivan'ny latsa-bato, mpanohana iray ny « K25 » tao Taolagnaro, faritr'Anosy, no naratra mafy vokatry ny tifitr'olon-tsy fantatra nandeha moto, raha izy vao nivoaka ny SRMV Taolagnaro iny.

[52] Tatitra mikasika ny fananana haino aman-jery -PEV Madagascar.

[53] Andininy 10 sy 11 ao amin'ny Lalam-panorenana sy PIDCP nosoniavin'i Madagasikara ny 21 jona 1971.

[54] Fanamarihana am-bava avy amin'ny Governemanta N°18/457-AE / M / NV tamin'ny 21 Septambra 2018.

[55] Lalàna n°2016-029 ny 14 jolay 2016 momban'ny fehezan-dalànan'ny fifandraisana.

Manam-pahefana Nasionaly ho an'ny Fitsipika momba ny Fifandraisana amin'ny haino aman-jery (ANRCM). Noho izany, ny andininy 51-53 no mamaritra ny asa, ny firafitra sy ny fomba fiasan'ny ANRCM, saingy, mbola tsy miasa izany hatramin'izao.

Hatramin'ny fifidianana ny fehezan-dalànan'ny fifandraisana, dia ny ministera no nifehy izany tamin'ny alalan'ny vaomiera manokana misahana ny serasera amin'ny haino aman-jery (CSCA), niarah-nitantana tamin'ny ministeran'ny Paositra sy ny fifandraisan-davitra. Rafitra tsy mahritra izy ity, napetraka mba hifehezana ny fifandraisana eo amin'ny haino aman-jery eo amin'ny toeran'ny 'Haut Conseil de l'Audiovisuel (HCA) voalazan'ny hitsivolana n°92/039 ny 1992. Satria mbola tsy voapetraka ny HCA nandritry ny roa taona, nanapakevitra tamin'ny didim-panjakana n°94/133 ny 1994 ny governemanta fa omena vonjimaika ny ministeran'ny fifandraisana, mitantana ny CSA, ny anjara asany. Mandrafitra ny CSA ny mpiasam-panjakana ambony avy amin'ny ministeran'ny fifandraisana sy ny fifandraisan-davitra, ny DIRM (direction de l'information sy ny la régulation des médias), ny ofisy malagasy misahana ny zon'ny mpamorona (OMDA) sy ny ARTEC (autorité de régulation des technologies de communications). Na izany aza, ampahatsiahivina fa nanantona ny fanomezan-dalana hanokatra haino aman-jery vaovao ny governemanta hatramin'ny. Ny fanomezan-dalana amin'ny asa fanitarana ihany no omena, ary izany dia mbola amin'ny anaran'ny CSA ihany mandra-piandra ny fotoana hiasan'ny ANRCM.

***Mbola mila hatsaraina ny fifehezana ny haino aman-jery mandritra ny fampilezan-kevitra***

Mandritry ny fampielezan-kevitra, ankoatry ny voalazan'ny fehezan-dalàna mifehy ny fifandraisana, mbola voafehin'ny lalam-pifidianana,[56] izay mametraka fanavahana eo amin'ny haino aman-jerim-panjakana sy tsy miankina, koa ny haino aman-jery.

Satria tsy mbola miasa ny Autorité Nationale de Régulation de la Communication Médiatisée, miandraikitra ny fifehezana ny haino aman-jery, dia ny CENI no mandamina ny fandalovan'ny kandidà ao amin'ny haino aman-jerim-panjakana.[57] Nomena azy tamin'ny alalan'ny didim-panjakana, nivoaka tamin'ny volana jolay 2018, ity andraikitra vaovao ity.

Noho izany, araka ny andininy 110 ao amin'ny Lalam-pifidianana, miantoka ny zo fidirana ao amin'ny haino aman-jerim-panjakana rehetra, ho an'ny mpirotsaka rehetra, ao anatin'ny fanajana ny fitsipiky ny fahasamihafan'ny fomba fisainana sy fanehoan-kevitra politika ny CENI. Mandritra io vanim-potoana io, ny radio sy televiziona rehetra dia mitandrina ny tsy hitanila ka hanome tombontsoa mitovy sy fandraisana ara-drariny ny kandidà ao anatin'ny fepetra fanomezana fotoam-pandaharana tsy miangatra.
Ny fitsipiky ny fitoviana dia tokony hajaina na amin'ny fotoana hitenenana na eo amin'ny fotoana handalovana. Ny fitsipiky ny fitoviana eo amin'ny fotoana handalovana dia tsy mihatra eo amin'ny fandaharana mivoy loha-hevutra manokana.

Nanangana laharana fandalovan'ny kadidà ao amin'ny haino aman-jerim-panjakana ny CENI taorian'ny antsapaka araka ny andininy 21 ao amin'ny didim-panjakana n°2018-640.

Ary farany, ny andininy 116 sy 117 ny lalàm-pifidianana no mandrindra ny haino aman-jery tsy miankina sy ny fampiasany ny teknolojia vaovao amin'ny fampahalalam-baovao sy ny tambajotra spsialy, ary manara-maso ny fitsipiky ny fitoviana sy fifandanjana eo amin'ny kandidà amin'ny famoahana ny hetsika fampielezan-kevitra. Ny fitsipiky ny fitoviana eo amin'ny fotoana handalovana dia tsy mihatra eo amin'ny fandaharana mivoy loha-hevutra manokana.
*Manome soso-kevitra ny IVEFF ny hametrahana ny Haute Autorité de la Communication Médiatisée sy hanamafisana ny fahaiza-miasany ara-dalàna sy ara-teknika, ahafahany hanatontosa feno ny anjara asany mpandrindra. .*

***Nandritra ny fampielezan-kevitra fihodinana voalohany, nanaja ny fandaharan'ny CENI ny haino aman-jerim-panjakana sy ny haino aman-jery tsy miankina nitanila***

Nandrakotra ny fampilezan-kevitra sy nandray anjara mavitrika tamin'ny fanabeazana olom-pirenena ny haino aman-jery. Teo amin'ny asany, niatrika fepetra henjana voalazan'ny Fehezan-dalàna mifehy ny serasera, manasazy mafy ny fandikan-dalàna eo amin'ny asa fanaovan-gazety izy ireo ; ao amin'ny andininy sasan'ny

[56] Andininy 111, 112 sy 115 amin'ny Lalàna Fehizoro n°2018-008.
[57] Noho ny fanarahana ny tolokevitry ny IVEFF tamin'ny 2013, natsangana ny ANRCM tamin'ny 2016, avy amin'ny fehezan-dalanan'ny fifandraisana, fa tsy mbola niasa izany tamin'ny 2018.

Fehezan-dalàna momba ny heloka bevava : fandikana ny fitsipi-pitondrantena, fanohintohinana ny fiainam-pirenena, ny fiainan'olon-tsotra, fanalam-baraka sy kabary fankahalàna.

Ny fanaraha-mason'ny IVEFF ny 8 oktobra hatramin'ny 6 novambra 2018 dia naneho fa ny haino aman-jerim-panjakana (TVM sy RNM) dia nanaja ny fandaminan'ny CENI ka niantoka ny fandalovan'ny kandidà, mitovy sy tsy andoavam-bola araka ny tetiandro-pandalovana napetrany.[58] Nandefa ihany koa, araka io tetiandro io ihany, ny adihevitry ny kandidà. Noho izany, nandefa adihevitra 6, nandraisana kandidà 6 anjara isaky ny fotoana ny TVM, ary ny RNM dia nikarakara 9, nahitana kandidà efatra isaky ny fihaonana.

Nahatsapana ihany koa ny fanaraha-maso fa ny fandrakofan'ny haino aman-jery tsy miankina dia nifantoka araka ny fironana politika amin'ny kandidà.[59] Na izany aza, nanamarika ny Iraka fa nanome efatra minitra isan'andro tsy andoavam-bola ho an'ny kandidà roa ny TVplus amin'ny fotoanan'ny fampahalalam-baovao. Mikasika ny haino aman-jery tsy miankina, [60] nanamarika ny IVEFF fa ny kandidà Hery Rajaonarimampianina, Andry Rajoelina sy Marc Ravalomanana no nibahana mihoatra ny androatokony ny fotoam-pandrakofana. Ny dokam-barotra andoavam-bola no mameno ny ampahatelon'ny fotoam-pandrakofan'ny haino aman-jery tsy miankina dia manamafy fa ny tombontsoa ara-bola no manjaka eo amin'ny tsy fiandaniana amin'ny asa fanaovan-gazety. Ary farany, nahatsapa ny IVEFF fa nanaja ny andro fahanginana, andro iray alohan'ny latsa-bato ny haino aman-jery.

***Fampielezan-kevitra fihodinana faharoa, fifanatrehan'ny kandidà: haino aman-jerim-panjakana, fomba fanao tsara tokony tazonina; haino aman-jery tsy miankina: fitanilana***

Tsy misy fepetra voalaza, na ao amin'ny lalàm-pifidianana na ao amin'ny fehezan-dalàna ny fifandraisana, mba handrindrana ny haino aman-jery anelanelan'ny fanambarana ny vokatra vonjimaikan'ny latsa-bato voalohany sy ny fanombohana ofisialy ny fampielezan-kevitra fihodinana faharoa (20 novambra hatramin'ny 3 desambra).

Talohan'ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra, nitatitra ny hetsiky ny kandidà roa, sady nanome vahana ny kandidà Andry Rajoelina ny haino aman-jery tsy miankina. Ny radio RDB ihany no tsy niangatra fa ny IBC dia tsy nitatitra izany. Midi Madagasikara sy L'Express de Madagascar dia nandrakotra manontolo ny kandidà Andry Rajoelina.

Nandritra ny fanentanana fihodinana faharoa, nandrakotra tsy nitanila ny kandidà roa araka ny fandaharana sy fitsipiky ny CENI ny haino aman-jerim-panjakana; nahazo anjaram-pitenenana dimy minitra isan'andro avy sy 45 minitra in-efatra, ny 5, 7, 12 sy 14 desambra. Nifanandrina tao anatin'ny fifanatrehana indroa, izay nalefa mivantana tamin'ny radio sy fahitalavitry ny fanjakana ny kandidà. Diso fanantenana ny IVEFF fa ny adihevitry ny kandidà na ireo solotenany, izay nomanina tany am-piandohana, dia navadika ho fandraisam-pitenenana 45 minitra.

Ho an'ny tsy miankina, ny fanaraha-mason'ny IVEFF dia naneho fa ny fandrakofana ny hetsiky ny kandidà dia nitanila tamin'ny iray na ny iray, afa-tsy ny radio RDB sy ny gazety Midi Madagasikara.[61] Nanome vahana ny

[58] Mandrakitra sy mandinika isan'andro ny fandaharan'ny TVM sy RNM, ny televiziona tsy miankina telo (TV Plus, IBC sy Viva), radio tsy miankina roa (Antsiva sy RDB), gazety roa mpiseho isan'andro (Midi Madagasikara sy L'Express de Madagascar) ny fanaraha-mason'ny IVEF.

[59] Ny IBC dia nanokana 86 % ny fandaharany ho an'ny kandidà Hery Rajaonarimampianina ary ny Viva 78 % ny fotoam-pandaharany ho an'ny kandidà Andry Rajoelina. Ny Tv plus dia nanome vahana ny kandidà Andry Rajoelina tamin'ny 57 % ny fandrakofany raha 9 % ho an'ny kandidà Hery Rajaonarimampianina. Ny Antsiva 22 % an'ny kandidà Hery Rajaonarimampianina ary 19 % an'ny kandidà Andry Rajoelina, 12 % an'ny kandidà André Mailhol, 9 % an'ny kandidà Marc Ravalomanana sy ny kandidà vehivavy Fanirisoa Ernaivo. Ny kandidà haha nahazo 1 sy 6 %. Tao amin'ny RDB, ny kandidà Andry Rajoelina nandrakotra ny 20 %, narahan'ny kandidà Hery Rajaonarimampianina, Marc Ravalomanana, Tabera Randriamanantsoa sy Marie Eliana Bezaza nahazo 20 %, 13 %, 11 % sy 6 % avy. Ny kandidà hafa nahazo 1 sy 4 %.

[60] Tao amin'ny L'Express de Madagascar, ny kandidà Hery Rajaonarimampianina, Andry Rajoelina sy Marc Ravalomanana nandrakotra avy 21 %, 17 % sy 17 %, Midi Madagasikara kosa nanome 37 % an'ny kandidà Andry Rajoelina raha 22 % ny an'ny kandidà Hery Rajaonarimampianina sy 19% ny kandidà Marc Ravalomanana.

[61] Viva TV nanome 83 % fotoam-pandaharana ho an'ny kandidà Andry Rajoelina raha 17 % ho an'ny kandidà Marc Ravalomanana. TV Plus dia niangatra ny kandidà Andry Rajoelina raha nanome 72 % ny fotoam-pandaharany raha 28 % fotsiny ho an'ny kandidà Marc Ravalomanana. IBC dia nanokana 61 % ny fotoam-pandaharany ho an'ny kandidà Marc Ravalomanana ary 39 % ho an'ny kandidà Andry Rajoelina. Ny radio Antsiva nanokana ny 70 % ny fotoam-pandaharany ho an'ny kandidà Andry Rajoelina ary ny 30 % ho an'ny kandidà Marc Ravalomanana. Ny gazety L'Express de Madagascar dia nanokana ny 70 % ny fandrakofana ho an'ny kandidà Andry Rajoelina ary 30 % ny an'ny kandidà Marc Ravalomanana.

kandidà Andry Rajoelina ny Viva TV, TV Plus, Antsiva sy l'Express de Madagascar, fa ny IBC kosa nanohana ny kandidà Marc Ravalomanana. Tsaokevitry ny fanaraha-maso: mifandraika amin'ny fampilezan-kevitra andoavam-bola, izay mameno 52% ny totalin'ny fandrakofana ao amin'ny gazety an-tsoratra sy 29 % ny haino aman-jery tsy miankina, ny fanarahana ny kandidà.

Nandritra ny fampielezan-kevitra, nandefa fandaharana fohy fanabeazana olom-pirenena, indrindra ny an'ny CENI, ny haino aman-jery. Na izany aza, nitentina fanompàna sy teny feno fankahalana avy amin'ny ankolafy roa ny fandrakofana fampielezan-kevitra tao amin'ny haino aman-jery tsy miankina.

Farany, nanaja ny andro fahanginana, andro iray alohan'ny latsa-bato, ny haino aman-jery naraha-maso, afa-tsy ny radio Antsiva, izay nanao tamberina ny fifidianana hatramin'ny 2002, no sady nanindry toe-javatra ratsy sasany mikasika ny kandidà Marc Ravalomanana, tamin'ny fampahalalam-baovao antoandro ny 18 desambra.

# IX. FANDRAISAN'ANJARAN'NY VEHIVAVY

Nanao sonia ny ankamaroan'ny fifanekena iraisam-pirenena mampiroborobo ny fitovian'ny lahy sy vavy Madagasikara. Eken'ny Lalàm-panorenana sy ny lalàna mifandraika amin'ny fandraisan'anjara eo amin'ny fiainana politika sy fiainam-pirenena ny fitsipika. Ny fitovian'ny lahy sy vavy eo amin'ny zo hifidy dia ekena mazava ao amin'ny Lalàmpanorenana [62] araka ny voalazan'ny lalàna : tokony hanome vahana ny fidirana mitovy amin'ny asam-panjakana sy amin'ny sehatry ny fiainana ara-politika, ekonomika, sosialy. Ankoatr'izany, ny antoko politika, amin'ny alàlan'ny tanjona sy ny asany, dia tokony hampihatra ny fanatanterahana ny fimirana lenta. [63] Na izany aza, mitohy ny tsy fitoviana ara-politika noho ny faneriterena ara-tsosialy, ara-tantara, ara-kolontsaina ary ara-nentin-drazana. Mbola marefo ny rafitra ara-dalàna amin'izany ka tsy mandrisika ny fampiharana ny fepetra ilaina.

Mihoatra ny 50% ny mponina ny vehivavy araka ny lisi-pifidianana nofaranan'ny CENI, 46,05 % ny mpifidy. Ity fisian'ny vehivavy amin'ny maha mpifidy ity dia tsy voataratra tamin'ny isan'ny filatsahan-kofidiana. Vehivavy dimy no nilatsaka ho fidiana filoham-pirenena tamin'ny kandidà 36 nifaninana. Tamin'ny fihodinana voalohany, tsy nisy kandidà vehivavy na iray aza nahazo mihoatra ny 1% ny vato manan-kery. Ankoatr'izay, 2% [64] ny tontalin'ny isa azon'izy dimy vavy. Mbola tsy ampy ny isan'ny vehivavy eo amin'ny sehatra politika sy ny fari-piadidina misahana ny fifidianana. Nanamarika ny tsy fitovian'ny lahy sy vavy ny IVEFF teo amin'ny fanendrena ny mpikambana sivy ny CENI, na dia tsy misy rafitra mametraka izany aza.[65] Ny hany kaomisera vehivavy no voatendry farany.[66] Mbola iharan'ny tsy fampitoviana ny fandraisana anjaran'ny vehivavy ao amin'ny fiparitahan'ny CENI nefa mandrafitra ny 25 % ny mpikambana ihany izy ireo.[67] Ankoatr'izay, nahatsapa ny IVEFF fa ny fitsipiky ny fimirana lenta dia voahaja eo anivon'ny HCC.

Nanamarika ny IVEFF fa misy vehivavy mitazona toerana ambony eo amin'ny fitantanan-draharaha sy politika eto an-drenivohitra. Mihalefy izany ivelan'ny tanan-dehibe izay vitsy an'isa ny vehivavy ary mazàna voafetra ny andraikiny. Ny lahatenin'ny kandidà dia zara raha niresaka na tamin'ny ampahany monja ny olan'ny fitovian'ny lahy sy vavy ary ny fidiran'ny vehivavy an-tsehatra dia mbola mahalana. Izany dia hitan'ny IVEFF ny andron'ny fifidianana. Tany amin'ny birao naraha-maso, iray ampaha-telon'ny mpikambana ny vehivavy izay tsy mitantana afa-tsy birao iray amin'ny enina. Toy izany koa, 36 % ny solotenan'ny kandidà monja ny vehivavy. Maromaro kosa ny vehivavy (43%) eo anivon'ny fikambanan'ny fiarahamonimpirenena.

---

[62] Andininy 5 sy 6 ny Lalam-panorenana.

[63] Andininy 11 sy 12 ao amin'ny lalàna nº 2011-012 mifandraika amin'ny antoko politika.

[64] Ny kandidà vehivavy Marie Eliana Pascaline Manasy Bezaza nahazo 0,82 % narahan'ny kanidà Saraha Rabeharisoa nahazo 0,48 %, Fanirisoa Ernaivo nahazo 0,28 %, Arlette Ramaroson nahazo 0,25 %, sy, Roseline Emma Rasolovoahangy nahazo 0,17 %.

[65] Didim-panjakana n°2015-1404 (andininy 2 sy manaraka) mametra ny fomba fanendrena sy fifidianana ny mpikamban'ny CENI.

[66] Ao amin'ny tompon'andraikitry ny mpiasa teknika fito ao amin'ny CENI, mpitan-tsoratra mpanatanteraka, mpitan-tsoratra mpanatanteraka lefitra na tale, tsy misy afa-tsy vehivavy iray.

[67] Ny tsirairay amin'ny vaomieran'ny faritany 6, ny faritra 22, ary ny distrika 119 dia voarafitra mpikambana telo nofinidin'ny CENI : faritany 1, faritra 1 sy distrika 21 no tantanana vehivavy.

*Ny IVEFF dia mamporisika : (i) ny fandraisana fepetra fandrisihana momba ny asa fifidianana sy fanendrena; (ii) fanamafisana ny rafitra fanaraha-maso; ary (iii) fampiharana paikady momba ny fimirana lenta sy amin'ny zotra-pifidianana.*

# X. ZON'OLOMBELONA SY VONDRON'OLONA MAREFO

Nanao sonia ny ankabeazan'ny lalàna iraisam-pirenena mikasika ny fiarovana ny zo sy ireo mampiroborobo manokana ny fitovian'ny lahy sy vavy i Madagasikara.[68] Ny zon'ny isam-batan'olona, ny fahalalahana fototra iantohan'ny lalàm-panorenana sy ny lalàna no mandamina ny fampiharana izany. Misy dingana ara-dalàna sasany momba ny zon'olombelona voatsikaritra, fa ny andrim-panjakana miantoka ny fanajana ireny no tara vao niasa. Toy izany ny Fitsarana ambony (HCJ) izay tsy niasa raha tsy ny 18 oktobra 2018.[69] Ity fitsarana ity, izay heverina ho fitsarana ara-pitsarana sy ara-politika, dia efa nanomboka nisahana ireo raharaha napetraka.[70] Ankoatr'izay, ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra Ambony momba ny Fiarovana ny Demokrasia sy ny tany tan-dalàna (HCDDED) dia voafidy hatramin'ny 2016, fa ny rafitra ihany no miasa hatramin'ny Aprily 2018.[71] Tao anatin'ny fanaraha-mason'ny fifidianana, ny HCDDED dia nahita tsy fanarahan-dalàna ary nisy fitarainana napetraky ny antoko politika sasany tamin'ny rafitra momba ny zotra-pifidianana. [72]

Manana vaomiera nasionaly mahaleotena misahana ny zon'olombena (CNIDH) amin'izay Madagascar, rafitra natsangana tamin'ny 2014, voatery niandry hatramin'ny faran'ny 2017 vao nomena toe-bola. Naharay fitarainana 90 eo ho eo izy hatramin'izay, ny iray momba ny fifidianana, nefa ny anjara asany dia mijanona ho mpanolo-tsaina.[73] Tamin'ny latsa-bato roa**,** nandefa solotena 11 tamin'ny faritra 11 ny CINDH. Ny ompa sy ozona nataon'ny kandidà Fanirisoa Ernaivo tamin'ny polisy tao Mahamasina, nitarika ny fampiatoana ity mpitsara teo amin'ny asan'ny Substitut du Procureur azy, Fanapahan'ny Ministeran'ny Fitsarana ny 31 oktobra 2018,[74] nahatonga ny CNIDH nandray fitenenana ka niangavy ny kandidà hamehy tena sy hanaja ny fahamendrehan'ny hafa. [75] Ny 6 desambra 2018 ny CNIDH no nanolotra ny tatitra isan-taona voalohany, manindry, ankoatra ny lafiny teknika, ny tsy fahampian'ny olona sy ny vola, hanatanterahany ny asany sy ny tsy fisian'ny rafitra fanerena mba hanamora ny fampiharana ny fanapahan-keviny.[76] Mikasika ny fikorontanana teny amin'ny kianjan'ny 13 mey, [77]niantso ho amin'ny fahatoniana ny CNIDH ary nanainga ny mponina sy ny mpandray anjara rehetra amin'ny fifidianana hiandry am-pilaminana ny vali-pifidianana avy amin'ny HCC izay tokony hahavita mamaly ny fangatahana an-kalalahana. [78]

***Fifidianana voamariky ny tahan'ny fandraisan'anjara ambanin'ny vonron'olona marefo sasany***

Mbola mitohy ny fanavahana na dia voalazan'ny lalàna aza ny fitsipiky ny fitovian-jo amin'ny latsa-bato, ny fepetra ahazoana milatsaka sy ny fandraisana anjara amin'ny fiainana politika. Ny lalàna vaovao momba ny fifidianana dia manome alalana ny olona manana fahasembanana, hisafidy olona iray amin'ny mpifidy, mba hanampy azy. Mbola tsy ampy sy banga ny lalàna, ohatra ny tsy fisian'ny fepetra manokana mba hahafahan'ireo mpifidy manana fahasembanana miditra amin'ireo toerana hanaovana fifidianana ary

[68] Jereo. Rafitra ara-dalàna. Ny fenitra malalaka mifandraika amin'ny fifanarahana momba ny zon'ny olona manana fasembanana ny 13 desambra 2006 dia nekena mba hohamafisin'ny lalàna n°2017-042 ny 12 desambra 2017.

[69] Datin'ny fianianan'ny mpikambana vaovao.

[70] Nandritry ny fotoam-pifidianana, nahazo vaovao mikasika fitarainana enina napetraka tao amin'ny Fitsarana ambony ka ny telo nafindra tany amin'ny Antenimierampirenena. Filoham-pirenena roa teo aloha no voasika (ny kandidà Hery Rajaonarimpianina sy ny kandidà Andry Rajoelina) sy praiminista taloha (ny kandidà Olivier Mahafaly). Ny raharahan'ity farany dia nambaran'ny Antenimierampirenena tsy azo raisina ka nitarika tsy fanenjehana.

[71] Didim-panjakana n° 2018-256 ny 23 martsa 2018 milaza ny fanendrena sy fifidianana ny mpikamban'ny HCDDED.

[72] Napetraky ny kandidà Jean Omer Beriziky sy Lalatiana Ravalomanana amin'ny anaran'ny vondrona MFP (Manda ho an'ny Firaisam-Pirenena); ny fitarainana dia mikasika ny tsy fetezan'ny lisi-pifidianana, ny tsy fandriam-pahalemana sy ahiahy hisian'ny korontana aorian'ny latsa-bato noho ny fisoratan-tena mialoha ho mpandresy, ny kandidà iray.

[73] Napetraka ny 22 novambra mikasika fanaparam-pahefana nitranga tao amin'ny distrikan'I Maevatanana, faritr'i Betsiboka.

[74] Fanapahana n° 56/2018 mikasika fampiatoana mpitsara iray araka ny andininy faha-60 amin'ny Satan'ny Fitsarana.

[75] CNIDH, Filazana ny 31 octobre 2018.

[76] Araka ny andininy 19 ny lalàna n° 2014-007 ny 22 jolay 2014 mikasika ny fananganana ny CNIDH, namoaka ny tatitra isan-taonan'ny asany ny Kaomisiona ary nanolotra izany tamin'ny Antenimiera.

hampihatra ny zon'izy ireo amin'ny fomba tsy miankina. [77] Birao fandatsaham-bato maro notsidihina nandritra ny latsa-bato dia voatombana ratsy satria tsy azo idiran'ny olona manan-kilema. Nitatitra ny fiarahamonimpirenena fa ny filàna manokan'ireny olona ireny dia tsy voadinika loatra ka mahatonga azy ho voahilika eo amin'ny dingana sy ny lahatenim-panentanan'ny kandidà. Toy izany koa ny gadra mbola tsy voatsara sy ny marary eny amin'ny hopitaly izay manana zo hifidy araka votoatin'ny lalàna iraisam-pirenena. Nahatsapa ny tsy fisian'ny fepetra fampiharana miantoka ny fandraisanan anjaran'ireny vondrona marefo ireny koa ny tsy fisian'ny rafitra ara-dalàna manamora ny fametrahan'ny CENI rafitra manokana ahafahan'izy ireo mampiasa ny zony hifidy. [78]

*Ny IVEFF dia manantitrantitra ny maha-zava-dehibe ny famisavisana vahaolana hafa ho an'ireo vondrona marefo ary hanao fanentanana momba ny filànan'izireo manokana mba hampitomboana ny fandraisany anjara sy ny isany eo amin'ny fiainana politika*

# XI. FANARAHA-MASO NASIONALY SY IRAISAM-PIRENENA

Manome alalana ny mpanara-maso sy solotenan'ny kandidà haka dika mitovy amin'ny tatitra misy ny valim-pifidianan'ny birao narahany maso ny lalàm-pifidianana. Ao amin'ny andininy 188, tsy mamaritra mazava ny anjara asan'ny mpanara-maso iraisam-pirenena mandritra ny fanisana ny vato ao amin'ireo 119 birao ao amin'ny distrika ny lalàna. Ankoatr'izay, ny CENI dia nankatoa fikambanana nasionaly sy iraisam-pirenena 45 handinika ny fifidianana filoham-pirenena roa.

***Fanaraha-maso nasionaly voamariky ny fanapariahana rafitra samihafa avy amin'ny fiarahamonim-pirenena***

Niara-niasa ny KMF/CNOE sy ny Commission épiscopale Justice & Paix (CEJP), hanisana ireo mpilatsaka an-tsitrapo ao amin'ny tambajotrany, hanapariahana manerana ny nosy ny mpanara-maso avy amin'ny faritra an-tanan-dehibe sy ambanivohitra. Nandefa mpanara-maso mihoatra ny 1300 fihodinana voalohany, sahabo 1800 ny fihodinana faharoa ny KMF/CNOE. Noho ny tsy fisian'ny famatsiam-bola, voatery nampihena ny isan'ny mpilatsaka an-tsitrapo teo anelanelan'ny latsa-bato roa: 5200 lasa 900 latsaka ny CEJP. Niara-niasa tamin'ny CNOE sy CEJP ny Liberty 32 tamin'ny fihodinana roa, nandefa mpanara-maso 150, ny foibe sosialy Arrupe, sambany vao nanara-maso fifidianana, nitondra mpilatsaka an-tsitrapo 200.

Ny fanaraha-maso *Safidy,* ao amin'ny tetikasa FANOA vatsian'ny vondrona eoropeana, no iraka mpanara-maso nasionaly lehibe indrindra. Manodidina ny 7 350 mpanara-maso, isaky ny latsa-bato, avy amina fikambanana an-jatony ao amin'ny distrika 34 nilatsahany, mandrafitra koa ny saika 40 % ny mpifidy ; nametraka foibem-pikirakirana, voarindrana singa mpanara-maso, ahafahana mandray sy mandinika ny tatitry ny mpanara-maso, ary koa mamaha eo no eo ny olàna maro voamarika, niaraka tamin'ny CENI, ny CNIDH, ny mpitandro ny filaminana ary ny tetikasa PEV.

Nahazo traikefa tamin'ny fihodinana voalohany, vokatry ny fanapariahana mpanara-maso efa ho 250 ny andron'ny latsa-bato, ny tetikasa PEV dia nanavao tamin'ny fihodinana faharoa, ny hetsiny mbola tsy fahita (latsa-bato voalohany), tamin'ny fitondrana indray tao amin'ny foibem-pitantanany ny vondron'ny solotenan'ny mpitandro filaminana sy ny CENI, mpandray anjara amin'ny rafitra fanairana malaky sy valiny haingana. Nahazo famatsiam-bola vaovao avy amin'ny Vondrona eoropeana ny tetikasa ahafahany manitatra ny asany amin'ny fifidianana solombavambahoaka kasaina amin'ny 2019, ka handrakotra faritra 22 fa tsy 15 intsony.

***Famaroan'ny iraka fanaraha-maso iraisam-pirenena***

Mba handrakofana manontolo ny fifidianana filoham-pirenena dia nanaparitaka iraka fanaraha-mason'ny fifidianana ny Vondrona afrikana. Iraka izay nahitana ekipa mpitantana sy mpanara-maso manodidina ny 50 : fihodinana voalohany, nihena ho 35 : fihodinana faharoa. Ny vaomieran'ny fampandrosoana ny Atsimon'i

[77] Andininy 158 ny lalàna Fehizoro nº 2018-008.

[78] Amin'ny fanamorana ny fidirana ao amin'ny birao fandatsaham-bato, amin'ny fametrahana birao manokana, sy amin'ny fampidirana fampiasana biletà voatokana ho an'ny jamba sns.

Afrika dia nametraka, isaky ny fihodinana, mpanara-maso 50 eo ho eo. Ny OIF sy ny Vaomieran'ny Ranomasimbe Indiana (COI) dia nanaparitaka iraka fampahalalam-baovao sy fifandraisana voarafitra olona 10 hatramin'ny 15, nandritra ny fihodinana roa (OIF), ary fihodinana faharoa ihany (COI). Farany, ny masoivohon'i Kanadà, Korea atsimo, Etazonia sy Japana dia nandefa mpanara-maso diplomatika. Ny fanambarana mialoha navoakan'ireo iraka ireo dia naneho fitoviam-pijery teo amin'ny fahitana ny zotra-pifidianana.

Ny iraky ny Commonwealth of the Independent States-Election Monitoring Organization (CIS-EMO)[79] sy ny Association for Free Research and International Cooperation (AFRIC),[80] teto tamin'ny fihodinana voalohany, niaraka tamin'ny mpanara-maso 50 avy, tsy nahazo ny fanavaozana ny fankatoavana azy ireo hanara-maso ny fihodinana faharoa noho ny andraikiny tamin'ny hetsika fakan-kevitra nandritra ny fihodinana voalohany, tsapa ary noraran'ny CENI.

# XII. LATSA-BATO SY FANEKENA /FANANGONANA NY VOKATRA

## A. Latsa-bato

***Latsa-bato tanatin'ny fahatoniana***

Nanaraka ny fisokafana, ny fifidianana, ny fikatonana ary ny fanisam-bato tamin'ny fihodinana voalohany sy faharoa, tao amin'ny birao efa ho 650, sy 577 miparitaka amin'ny faritra, afa-tsy Melaky ny IVEFF. Efa ho 42 % ny birao notsidihina dia an-tanan-dehibe, anefa ny mpifidy dia mizara 23 % amin'ny faritra an-tanan-dehibe ary 77 % amin'ny faritra ambanivohitra. Nanara-maso ny latsa-baton'ny ho efa 5 700 sy 5 000 mpifidy tamin'ny fihodinana voalohany sy faharoa ny IVEFF.

Tamin'ny vanim-potoanan'ny orana, ny rivodoza mihitsy aza no natao ny fihodinana faharoan'ny fifidianana filoham-pirenena ny 19 décembre. Mampahatsiahy ny IVEFF fa ny lalàna dia milaza fa tokony amin'ny vanim-potoana mainandro no atao ny fifidianana, nandika izany ho toy ny safidy mba hifanaraka amin'ny Lalàm-panorenana anefa ny HCC. Na izany aza anefa, nahita ny IVEFF fa tony ny andro tamin'ny latsa-bato saika manerana ny faritra rehetra, ary tsy nisy fiantraikany tamin'ny fihodinana voalohany ny toetrandro. Nalahelo noho ny asan-jiolahy nitranga tamin'ny fihodinana faharoa, tao amin'ny distrikan'Ankazoabo, faritra Atsimo-Andrefana, izay namonoana mpikambana roan'ny birao fandatsaham-bato, ny IVEFF.

Dimy sy enina monja tamin'ny fanaraha-maso ny tranga-na biraom-pifidianana no tsy nahitana solotenan'ny kandidà nandritra ny fihodinana voalohany sy faharoa, nefa ny an'ny mpanara-maso nasionaly dia hita tamin'ny 44 % sy 40 % ny tranga. Momba ny fiparitahan'ny vondrona telo lehibe mpanara-maso indray nahita ny fahatongavan'izy ireo ny IVEFF tamin'ny fihodinana voalohany sy faharoa: (i) KMF/CNOE : tamin'ny 11 % sy 9 % ny tranga, (ii) CEJP : tamin'ny 16 % sy 7 % ny tranga, ary (iii) ny Fanaraha-maso *Safidy* : tamin'ny 20 % sy 23 % ny tranga.

Nandritry ny fihodinana voalohany, indrindra tao amin'ny foibem-pifidianana misy birao maromaro, nahatsapana fisavoritahana tamin'ny fijerena ny anaran'ny mpifidy tao amin'ny lisitra nisy teo ivelan'ny birao, noho ireo lisitra ireo no tokony nahafahana nizara, tamin'ny fotoana farany, ny kara-pifidianana.

Nanomboka tamin'ny fanokafana hatramin'ny fanakatonana, nizotra tao anaty fahatoniana ny fihodinana roa, nilamina sy nangarahara ny latsa-bato sy ny fanisam-bato. Tamin'ny fihodinana faharoa, nihena ny tahan'ny

[79] Ny CIS-EMO dia fikambanana nitsangana tany Rosia tamin'ny 2003, tantanan'i Aleksei Kochtkov. Ity fikambanana tsy miankina ity dia mikendry ny hampiroborobo ny fiarovana sy ny fampandrosoana ny Ivon-toeran'ny Fifidianana sy ny fanaraha-maso sosialy any amin'ny firenena demokratika an-dalam-pandrosoana, (Www.cis-emo.net).

[80] AFRIC dia rafitra mirindra sy fikambanana manam-pahaizana sy mpikatroka afrikana, miasa ho an'ny fampielezana ny vaovao marina sy manan-danja momban'ny olana afrikana izay mitaky vahaolana Afrikana. AFRIC dia tantanan'ny dokotera mozambikana José Matemulane, (Www.afric.online). Ireo fikambanana roa ireo dia nanentana mpanaramaso iraisam-pirenena mihoatra ny 50 tao anatin'ny fiaraha-miasa nandritra ny fihodinana voalohany.

fandraisana anjara ary nihatsotra ny fizotra, nahatsapa fanatsarana isaky ny dingana ny IVEFF, indrindra tamin'ny fisokafana sy fanakatonana noho ny endriny teknika kokoa.

***Fomba fanokafana tsotra kokoa tamin'ny fihodinana faharoa***

Ny fahataran'ny fanokafana ny birao tamin'ny fihodinana voalohany dia voafetra (manodidina ny 95 % ny fanokafana dia teo anelanelan'ny tamin'ny 6 ora sy 7 ora), vitsy ny fihetsika fanakanana na fihenjanana. Tranga iray, tamin'ny fihodinana faharoa, izany hoe latsaky ny 2 % ny fanaraha-mason'ny IVEFF, no nisokatra tara mihoatra ny adiny iray. Ny fahatarana latsaky ny antsasakadiny, saika ny antsasa-manilan'ny naraha-maso, dia nifandraika kokoa tamin'ny fanomanana sy fikarakarana fa tsy ny tsy fahampian'ny fitaovana. Na dia nahomby, tsy nisy fitohanana, sy nilamina kokoa aza ny fizotran'ny fihodinana faharoa, diso fanantenana ny IVEFF satria tsy voasoratra ao anaty tatitra ny isan'ny biletà voaray, izany dia tsy voamarin'ny mpikambana ao amin'ny birao raha tsy tranga iray amin'ny roa.

***Zotra-pifidianana notsorina araka ny fomba fiasa mitovy tamin'ny fihodinana roa***

Nandritry ny fifidianana sy fanisam-bato, nanatrika teo ny mpikambana dimy tamin'ny 91,4 % sy 92,5 % ny tranga, fihodinana voalohany sy faharoa, afaka miasa ny birao na dia mpikambana telo fotsiny aza no tonga. Ny dingana anisan'izay tena saropady, toy ny fanasoniavan'ny mpikambana roa ny ao an-damosin'ny biletà, ny sonian'ny mpifidy eo amin'ny lisitra votokana amin'izany, ny fampiasana ny ranomainty tsy mety kosehina na ny tsiambaratelon'ny latsa-bato dia hita hatrany ho an'ny fihodinana roa tamin'ny mihoatra ny 95 % ny naraha-maso.

Isaky ny latsa-bato, naraha-maso hatrany ny fijerena ny taratasy fanamarinana ny anaran'ny mpifidy tamin'ny 80 % mihoatra ny tranga, fa ny an'ny ranomainty dia tamin'ny ampahatelon'ny tranga ihany. Nanatri-maso tranga vitsy nahitana mpifidy mahazo alalana hifidy nefa tsy mitondra taratasy fanamarinana (tsisy kara-pifidianana – safidy neken'ny CENI - tsisy karapanondro mihitsy aza), nefa voasoratra ao anaty lisitra, ny IVEFF. Farany, tsy nisy tranga fampiasana taratasy hosoka (karapanondro na kara-pifidianana) tany amin'ny birao fandatsaham-bato, notaterina tamin'ny IVEFF

Nahita ny fisian'ny *lisitra mena* ny IVEFF – isorohana ny latsa-baton'ny tsy ampy taona sy ny an'ireo voasoratra anarana mihoatra ny indray mandeha, vitsy kokoa tamin'ny fihodianana faharoa raha oharina tamin'ny voalohany (6,4 % sy 12 %). Tamin'ny fihodianana voalohany, ny kandidà efatra Hery Rajaonarimampianina, Andry Rajoelina, Marc Ravalomanana sy André Mailhol dia nanaparitaka solotena: 72 %, 94 %, 79 %, sy 32 %. Tsy nisy kandidà hafa nametraka solotena mihoatra ny 5 % tamin'ny biraom-pifidianana. Nampitombo ny isan'ny solotenany ny kandidà Andry Rajoelina (98%) sy ny kandidà Marc Ravalomanana (92 %), tamin'ny fihodinana faharoa.

Nampahafantarin'ny ratsamangaika tamin'ny toerana iray ny IVEFF ny ezaka nataon'izy ireo tamin'ny fihodinana faharoa, nanoloany lisitra sasany voaatitra tany amin'ny birao tsy izy. Farany, tsy nanatri-maso tranga-na biletà efa misy valiny araka izay novozoina tamin'ny tambajotra sosialy ny IVEFF.

***Fanatsarana lehibe nandritra ny fanisana, indrindra tamin'ny famenoana ny tatitra***

Tamin'ny fihodinana voalohany, nanamarika ny fandraisana fanapahan-kevitra tsaran'ny mpiasan'ny CENI, izay namela hatrany nifidy, na dia tamin'ny 5 ora aza, ireo efa nilahatra, ny IVEFF. Izany tranga-pilaharana izany dia hita tamin'ny ampahatelon'ny birao naraha-maso. Tamin'ny fihodinana faharoa, zava-teloloha no nifanohitra tamin'ny fihodinana voalohany, dia: (i) ny saika tsy fisian'ny mpifidy miandry handatsa-bato eo anoloan'ny varavaran'ny birao amin'ny fotoanan'ny fanakatonana, (ii) ny fahavitsian'ny olom-pirenena liana hanatrika ny dingana fanisam-bato, fotoanam-bahoaka raha ny tokony ho izy anefa, ary farany (iii) fitondran'ny mpikamban'ny birao ny asa fanisana tam-pilaminana, sy tam-hamatorana kokoa, indrindra ny famenoana ny tatitra nahatonga ny fahamarinan'ny vokatra.

Tamin'ny fihodinana faharoa dia nanamarika ny IVEFF fa ny fanoratana - izay tokony natao - ao amin'ny tatitra ny isan'ny biletà tsy niasa, ny isan'ny sonia eo amin'ny lisitra fanaovana izany, ny isan'ny vato nofoanana, dia tsy voahaja afa-tsy tamin'ny tranga telo amin'ny dimy, telo amin'ny efatra sy efatra amin'ny dimy. Diso fanantenana ny IVEFF fa ny valopy tsy azo sokafana voatokana ho an'ny biletà nofoanana sy tsy nampiasaina

dia tsy niasa afa-tsy tamin'ny telo ampaha-efatry ny tranga naraha-maso. Nihatsara izany rehetra izany teo anelanelan'ny latsa-bato roa. Raha nahazo dika mitovy ny tatitra ny solotena tamin'ny saika ny tranga rehetra naraha-maso, diso fanantenana kosa ny IVEFF fa isaky ny latsa-bato dia tsy natao peta-drindrina ivelan'ny birao ny tatitra afa-tsy tranga roa tamin'ny dimy tamin'ny latsa-bato roa.

## B. Fanangonana ny vokatra

***Fitondrana ny fikirakirana ny vokatra tamin'ny fangaraharana ho an'ny latsa-bato roa***
Nahita fanangonana ny vokatra tamin'ny SRMV efa ho 50 amin'ny 119, sady matotra no mangarahara tamin'ny tranga telo amin'ny efatra, isaky ny faran'ny latsa-bato, ny IVEFF. Nanamarika ny fahasarotan'ny fanaovana tsara, karazana asa telo miaraka ny IVEFF (fandraisana, fanamarinana, fanoratana sy famindrana amin'ny solosaina amin'ny alalan'ny zanabolana na internet) amin'ny fotoana hisian'ny fahatapahan-jiro na tsy fahampian'ny fifandraisana internet, arakaraky ny toerana. Ny fomba fiasa dia heverina ho sarotra, miverimberina aza noho ny fampahalalana efa hita ao amin'ny solosaina.

Nitombo be ny isan'ny solotenan'ny kandidà teo anelanelan'ny fihodinana roa, 48 % tonga 80 % ho an'ny kandidà Andry Rajoelina, ary 27 % tonga 73 % ho an'ny kandidà Marc Ravalomanana, tsikaritra farafaharatsiny indray mandeha tamin'ny fandalovan'ny IVEFF teny amin'ny SRMV. Toe-javatra mitovy amin'izany ihany no tsapa, fa amin'ny ampahany kely kokoa, teo anivon'ny mpanara-maso nasionaly, nisy fitomboana (37 % lasa 52 %). Ny IVEFF dia manamarika tsara ny hetsiky ny CENI nampahatsiahy an'ireo filohan'ny SRMV ny hanome ny mpanara-maso iraisam-pirenena zo mitovy amin'ny fanaraha-maso amin'ny solotenan'ny kandidà sy ny mpanara-maso nasionaly.

***Fanangonana nahomby tao amin'ny CENI : fitantanana ny vokatra nihatsara tamin'ny latsa-bato faharoa***
Na dia teo aza ny mety fivadibadihan'ny toetrandro sy ny fiantraikan'izany tamin'ny fandefasana ny voka-pifidianana teo anelanelan'ny fihodinana roa, nahatsapa ny IVEFF tamin'ny fihodinana voalohany, fa SRMV roa ihany no namarana dieny ny andro faharoa, ny asany. Avy teo, 19, 39, sy 59 hafa no nahaefa ny asany, ny andro fahatelo, fahaefatra sy fahadimin'ny dingana. Ny fikatonana teo anelanelan'ny andro faharoa sy fahadimy dia nikasika: 9, 37, 55 sy 18 SRMV tamin'ny latsa-bato faharoa. Nandray ny vokatra nalefa farany, mirakitra an'isan'izany ny tatitra an-taratasy sy ny biletà, ny CENI ny 16 novambra tamin'ny latsa-bato voalohany, ary tamin'ny faharoa, ny vokatra telo nalefa farany dia tonga ny 26 desambra.

Ny famoahana ny vokatra ampahany vonjimaikan'ny CENI, tao amin'ny kaonty Facebook na ny tranonkalany, nantsoiny hoe fironana, tamin'ny latsa-bato faharoa, dia nifototra tamin'ny valin'ny tatitra nampitaina. Noho izany, ny alin'ny 7 hifoha 8 novambra, sy ny takarivan'ny 19 desambra, ny vokatra voalohan'ny latsa-bato voalohany sy faharoa dia efa azo nojerena, tsy tamin'ny fahitalavitra be velarana ao amin'ny foiben'ny CENI fotsiny fa nampitain'ny haino aman-jery samihafa koa. Fotoana fohy avy eo, nanaraka ny vokatra isam-paritany, isam-paritra sy isaky ny distrika, nefa ny SRMV sasany mbola nanohy ny asany.

Noho izany, rehefa avy nanamarina ny tatitra an-taratasy ny CENI dia namoaka ny vokatra vonjimaikan'ny latsa-baton'ny 7 novambra sy ny 19 desambra, ny 17 novambra sy 27 desambra, izany hoe folo sy valo andro taorian'ny latsa-bato, naneho tamin'izany ny fe-potoana fohy indrindra tamina fifidianana nasionaly hatramin'ny tsy nikarakaran'ny MID fifidianana intsony.[81]

***Fanangonana tao amin'ny CENI narahan'ny solotenan'ny kandidà akaiky***
Tamin'ny fihodinana voalohany, nanomboka tamin'ny 12 novambra, isan-kariva, dia nomen'ny CENI an'ireo mpandray anjara ny vokatry ny tatitra voamarina amin'ny endriny elektronika, mamaly noho izany, ao anatin'ny hamehana nefa amin'ny fangaraharana, ny fangatahan'ny kandidà Marc Ravalomanana. Ny 13 novambra, nanajanona ny fanaraha-masony ny solotenan'ny kandidà Andry Rajoelina, tsy afa-po tamin'ny tsy nafahany nanao ny fanamarinana sy ny fanaraha-maso informatika ny vokatra taorian'ny nangatahany izany.

[81] Tamin'ny 2013, fihodinana voalohany, namoaka ny valin'ny 20 000 tatitra teo ho eo ny CENI-T tao anatin'ny 13 andro (1 540 tatitra voamarina isanandro); ary tamin'ny 2018, fihodinana voalohany ihany, ny CENI, tamin'ny ho efa 24 850 tatitra dia tsy nila afa-tsy 10 andro (2 450 tatitra isanandro).

Mba hisorohana ny an-kamehana hita tamin'ny fihodinana voalohany, nomen'ny CENI dieny ny 20 desambra ny antonta-taratasin'ny vokatra voamarina, ary koa ny sarin'ny dika mitovy ny tatitra indroa isaky ny 24 ora. Ny 22 Desambra, ny CENI dia nanaiky ny fampitahana voalohany ny vokatra voamarina teny amin'ny biraom-pifidianana nangatahan'ny ekipan'ny kandida Marc Ravalomanana. Avy eo nisy ny fampitahana faharoa, tamin'ity indray dia nitarina tamin'ny fanamarinana ny bileta sy ny lisitra misy ny sonia ny mpifidy, ary dia nekena ny harivan'ny 24 desambra ka hatramin'ny 26 desambra rehefa vita ny asan'ny CENI.

Isaky ny latsa-bato, ny TVM, ny RNM, ary ny solontenan'ny tranokalam-baovao, moov.mg sy actu.orange.mg dia namoaka tsy tapaka ny vokatra ofisialy. Farany, manamarika ny IVEFF fa ny CENI dia nanavao ny zava-bitany tamin'ny fihodinana voalohany tamin'ny famoahana ny vokatra tamin'ny endrika vaovao manamora ny famakiana an'izany isaky ny birao fandatsaham-bato, toy izany ohatra, ny fampitahana ny isa azo tamin'ny vokatry ny fiodinana voalohany isaky ny faritra.

***Manaiky ny fanaraha-maso iraisam-pirenena ny fitaovana informatika mikirakira ny vokatra ny CENI.***
Nomarihan'ny IVEFF ny fiantsoan'ny CENI mpanara-maso sy mpanamarina tsy miankina sy iraisam-pirenena tamin'ny 3 sy 6 desambra, miaraka amin'ny fanohanan'ny manam-pahaizana avy amin'ny orinasa mpanadihady ao Londres sy ny Firenena Mikambana, ny rindrambaikon'ny fikirirakirana ny voka-pifidianana teo anatrehan'ireo teknisiana solotenan'ny kandidà.
Neken'ny solontenan'ny kandidà roa ny fepetra momba ny fitsipi-pitondran-tena mendrika, ny IVEFF dia nanamarika fa ny asa fanaraha-maso dia nanambara tamin'ny 7 Desambra, nandritra ny famerenana ampahibe-maso, fa ireo rafitra mpikirakira roa, ao amin'ny SRMV sy CENI dia mora ampiasaina sy azo antoka. Ny fandraisan'ny CENI ny soso-kevitra fohy ezaka mikasika ny fanatsarana ny rafitra fiarovana dia nanehoany fa mendrika hitokisana hamoaka vokatra azo antoka izy.

Mampahatsiahy ny IVEFF fa tamin'ny fiodinana voalohany, 29 tamin'ny kandidà 36, dia tsy nahita fihovana afa tsy 0,01 % eo ho eo tamin'ny voka-pifidianana azony raha ny elanelan'ny vokatra vonjimaikan'ny CENI sy ny vokatra faran'ny HCC, na dia samy mampiasa rindrambaiko samihafa aza izy roa tonta. Ny hany fiovana maromaro ny vokatra (0,01 ka hatramin'ny 0,06%) dia nohamarinina tamin'ny fanitsiana nataon'ny HCC noho ny elanelana tamin'ny fitanana an-tsoratra ny voka-pifidianana tao anaty ny antonta taratasy mirakitra izany.

***Fandrindrana nohamfisina teo amin'ny CENI sy ny HCC taorian'ny fihodinana voalohany***
Mba hanatsara ny collecte ny tatitra sy takelaka fanisana sy fanaovan-tsonia voatokana ho azy, nanokatra masoivoho tao amin'ny CENI ny HCC nandritry ny fikirakirana ny vokatry ny fihodinana faharoa. Nampiditra lehiben'ny sampan-draharaha informatika vaovao koa ny HCC tamin'ny septambra 2018, nefa nanana ny rindrambaikom-pikirakiranany manokana izy, ary izy ihany no nandray an-tsoratra, tamin'ny solosaina, ny vokatra rehetra avy amin'ny tatitra an-taratasy.[82]

# XIII. VOKATRA

***Efa ho antsasa-tapitrisa ny isam-bato nampisaraka ny kandidà tamin'ny fihodinana faharoa tamin'ny tahan'ny fandraisaina anjara ambany indrindra teo amin'ny tantaran'ny firenena***
Ny fanampiny 5 sy 9-12 dia maneho ny vokatry ny fihodinana voalohany sy faharoan'ny fifidianana filoham-pirenena ny 7 novambra 2018 isam-paritra. Teo anivon'ny firenena, raha latsaky ny 200 000 vato no nampisaraka ny kandidà roa tafakatra izay nanangona mihoatra ny telo ampahaefatry ny vato manan-kery, 525 000 vato mihoatra kosa no nanelanelana ny kandidà voalohany tamin'ny faharoa. Ny tahan'ny fandraisana anjaran'ny latsa-bato voalohan'ny fifidiana 2018 dia tafakatra 53,95 %. Nisy fihenana manan-danja toy ny tamin'ny 2013, hita tamin'ny fihodinana faharoa, fandraisana anjara 48,09 % ny 2018. [83] Ny fanazavana ny

[82] Nahazo fampitaovana informatika vaovao avy amin'ny tetikasa SACEM ny Fitsarana ny 18 oktobra.
[83] Ny fihodinana faharoa tamin'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny 2013, raha nampiarahana tamin'ny fifidianana solombava-bahoaka ra, dia nahitana fihenan'ny taha ny taham-pandraisana anjara (61,56% vs 51,72%).

fihenan’ny tahan’ny fandraisana anjara dia tokony fijerena, anisan’izany, ny isan’ny olona maty nefa tsy mbola voafafa, misy dikany kokoa, raha ny tokony ho izy, enin-taona aorian’ny fanavaozana ny lisi-pifidianana.

| Libellés | Fihodinana voalohany Fanapahana HCC 28.11.2018 | | Fihodinana faharoa Fanapahana HCC 08.01.2019 | |
|---|---|---|---|---|
| Voasoratra | 9 949 083[84] | | 9 913 599 | |
| Nifidy | 5 367 550 | | 4 767 887 | |
| Vato fotsy & maty | 386 946 | | 119 557 | |
| Vato manan-kery | 4 980 604 | | 4 647 785 | |
| Tahan’ny fandraisan-anjara | 53,95 % | | 48,09 % | |
| **H. R. n°12** | 439 070 | 8,82 % | | |
| **A. R. n°13** | 1 954 023 | **39,23 %** | 2 587 035 | **55,66 %** |
| **M. R. n°25** | 1 760 837 | **35,35 %** | 2 061 051 | **44,34 %** |
| **Kandidà hafa (x33)** | 825 907 | 16,60 % | | |

# XIV. NY HCC SY NY DISADISAM-PIFIDIANANA

Tamin’ny faran’ny Tetezamita sy ny fampiharana ny lalàna vaoavao mifehy ny fifidianana, araka ny Lalàm-panorenana, nandray indray ny anjara asan’ny mpitsara tokan’ny fifidianana nasionaly ny HCC,[85] hany manam-pahefana manambara ny vokatra faran’ny fifidianana filoham-pirenena sy mihaino ny fangatahana rehetra na ny fanoherana mikasika ny fifidianana, ny fizotrany ary ny vokatry ny fifidianana filoham-pirenena.

Nandritra ny dingana rehetra, nanao ezaka lehibe ny HCC hampahafantatra ny vahoaka ny fitsipika ara-dalàna azo ampiharina amin'ny fifidianana, tamin'ny famoahana andiana filazana amin'ny: i) hevitra momba ny zo hifidy sy zo ho mpifidy; (ii) famaritana ara-dalàna ny hevitry ny mpifidy nesorina tamin'ny lisi-pifidianana ; (iii) fampiharana ny fanavaozana manokana ny lisi-pifidianana, izay najanona ary ny foto-kevitry ny tsy fikitihana ny lisitra alohan'ny fifidianana, izay noraisina nanomboka tamin'ny 2012 ; (iv) lisitra sy toerana misy ny biraom-pifidianana; (v) ireo hevi-dehibe amin'ny fifandirana fifidianana; (vi) Sata mifehy ny fitondran-tena tsara, tsy misy fanerena ary mirakitra fanoloran-tena hanaiky ny vokatry ny fifidianana na hanohitra izany amin'ny alàlan'ny lalàna; (vii) fandavana ara-dalàna ny fisintonana filatsahan-kofidiana aorian'ny fotoana farany hametrahana fangatahana; (vii) famaranana ny fampielezan-kevitra amin'ny latsa-bato voalohany sy ny andro fahanginana (viii) fahaiza-manaon'ny CENI sy HCC, irery mamoaka sy manambara ny valiny, miantso ny kandidà, mpanohana ny kandidà ary ny haino aman-jery mba hisorohana ny fanodinkodinana saim-bahoaka; (ix) fampiharana ny foto-kevitry ny andro malalaka ho amin'ny fe-potoana voatondron'ny lalàna; (x) asa natao tao amin'ny HCC; (xi) lahatenin'ny filohan'ny HCC; (xii) fahamarinan'ny daty fanentanana fihodinana faharoa; (xii) vaovao diso nampitain'ny haino aman-jery sasany momba ny daty nanambarana ny vokatra farany tamin'ny fihodinana faharoa; (xiii) ireo fitsipika sy fitaovan'ny fampielezan-kevitra; (xiv) fahamalinan’ny mpandray anjara mba hisorohana ny kolikoly amin'ny fifidianana.[86]
Etsy andaniny, ny IVEFF dia nanamarika ny fahanginan'ny HCC tamin'ny fanapahan-kevitry ny CENI mba hamela ny mpifidy voasoratra, manana kara-panondro fa tsy misy kara-pifidianana, handatsa-bato, fomba fanao iray nampitaina fotoana fohy talohan’ny fihodinana faharoa.[87]
Ny ampitson’ny famoahana ny vokatra vonjimaika fihodinana voalohany, nandray fanapahan-kevitra an-kamehana mikasika ny fitsipiky ny andro malalaka ny HCC,[88] nahafahana nanitatra ny fe-potoan’ny

[84]Ny fanampiana voasoratra ao anatin'ny antonta taratasy mirakitra ny vokatra dia tsy voahitsy ao amin'ny fanisan’ny HCC.
.
[85] Andininy 114 hatramin’ny 120 ao amin’ny Lalàm-panorenana.
[86] Jereo. Fanampiny : tetiandron’ny fifidianana ho an’ny daty sy ny lohatenin’ny filazana samihafan’ny HCC.
[87] Mifanohitra amin’ny andininy 154, 163-164, 195 Lalàna Fehizoro n° 2018-008.
[88] Filazana ny 19 novambra 2018 mikasika ny fe-potoana.

fampiakaran-draharaha hanoherana ny vokatra.[89] Ny andron'ny famoahana ny vokatra vonjimaika fihodinana faharoa, nampahafantatra ny vahoaka ny HCC fa nanomboka ny fikirakirana ny vokatra hatramin'ny 21 desambra ary ny antontan-taratasim-pifidianana fanampiny dia angatahina amin'ny CENI raha ilaina izany. Tamin'ny fihodinana faharoa, nanontany tena ny IVEFF mikasika ny fifanolanana amin'ny fotoana farany, momba ny fanitsiana ny fe-potoana nataon'ny HCC.[90] Tamin'ny filazana iray nivoaka ny andro talohan'ny fanambaràna ny valiny dia nanazava ny andraikiny ny HCC amin'ny fikirakirana ny vokatra ary nampahatsiahy ny tsy fitanilany amin'ny famaliana ny fangatahana na dia teo aza ny ezaka fanerena sy fandrahonana natao azy. [91]

***Fe-potoana fametrahana fangatahana heverina ho fohy loatra iantohana fampiakaran-draharaha mahomby***

Ny zo hampiaka-draharaha any amin'ny HCC dia misokatra ho an'ny mpifidy rehetra voasoratra sy nandatsa-bato, mpanara-maso nasionaly rehetra, kandidà sy ny solotenany rehetra.[92] Ny fampiakaran-draharaha dia tokony hiompana amin'ny fanarahan-dalàn'ny zotran'ny fampielezan-kevitra na ny latsa-bato eo anivon'ny birao misy ny mpangataka. Manome fe-potoana, ampitson'ny latsa-bato hatramin'ny famoahana ny vokatra vonjimaika ny lalàna hampiakaran-draharaha mikasika ny fifidianana, sy roa andro aorian'ny famoahana ny vokatra vonjimaika hanoherana izany.[93]

Ny fandraisana ny fangatahana fihodinana voalohany dia nifarana ny 20 novambra 2018 tamin'ny misasakalina ary nanana 7 andro ny HCC hitsara ny fangatahana sy hanambara ny vokatra farany. Tamin'ny fihodinana faharoa, nifarana ny 31 desambra tamin'ny 4 ora hariva ny fe-potoana fangatahana. Manamarika ny IVEFF fa ny fe-potoana voafetra ny fifanolanana dia tsy miantoka ny fahombiazana araka ny fenitra iraisam-pirenena ary manakana ny HCC hanao fanadihadiana, takian'ny famahana ny fifanolanana.

Tao amin'ny Fanapahana mikasika ny fanambarana vokatra farany latsa-bato voalohany,[94] nitsara fangatahana 14 ny HCC, ka ny sivy tsy azo raisina noho ny tsy fanarahana ny fombafomba. Fangatahana roa no voatsara mitombina, amin'ny ampahany, nitondra fanitsiana vokatra tamin'ny birao roa, ireo hafa dia nolavina noho ny antony, tsy mitombina. Sady nitsara ny fangatahana ny HCC no nanamarina sy nanisa ny biletà voalaza fotsy sy tsy manan-kery tamin'ny 133 birao. Nanapa-kevitra ny hanaja ny fikasana hifidin'ny mpandatsa-bato na dia tsy mipetraka amin'ny toerana voatondro amin'izany aza ny lakroa (lakroa eo amin'ny sary famantarana na ny sarin'ny kandidà dia nekena).[95] Ity fanitsiana ity dia nidika fanekena 4 379 vato nozaraina tamin'ireo kandidà.

Tao amin'ny Fanapahany mikasika ny fanambarana ny vokatra farany fihodinana faharoa,[96] nitsara 305 fangatahana ny HCC, anisan'izany 73 napetraky ny ankolafin'ny kandidà Andry Rajoelina sy 209 avy amin'ny « K25 ». Fangatahana hafa avy amin'ny mpanara-maso nasionaly sy iraisam-pirenena. Nilaza ho tsy mahefa ny HCC tamin'ny fangatahana fanafoanana ny fanapahan-kevitry ny CENI momba ny mpanara-maso iraisam-pirenenan'ny CIS-EMO.[97] Ny fampiakaran-draharaha tamin'ny ankapobeny dia nikasika ny fanafoanana fifidianana na valiny sy fanafoanana ny vato azon'ny kandidà tamina birao sasany. Fangatahana roa mikasika ny fanafoanana firotsahan-kofidiana kandidà. Anisan'ireo 305 fangatahana, 232 no nahazo fanapahana malaky. Ny hafa, notsaraina miaraka. Fangatahana an-droapolony nolavina noho ny fombafomba voadidy arahina.[98] Fangatahana roa no noraisina fa nitombina ka nitarika fanafoanana vokatra tamina birao roa,[99] sy fanitsiana

---

[89] Manana fe-potoana sivy andro ny HCC aorian'ny famoahan'ny CENI ny vokatra vonjimaika, hanambarany ny vokatra farany. Ny fe-potoana fampiakaran-draharaha hanoherana ny vokatra vonjimaika dia voafetra ho roa andro aorian'ny fivoahany.

[90] Ny 28 desambra, nametra ny daty fandraisana ny fangatahana ny 29 desambra 2018, daty nahemotra ny 31 desambra ny ampitson'io, fampiharana ny rafitry ny fe-potoan'ny andro malalaka nampiharina tamin'ny latsa-bato voalohany. Ny 3 janoary 2019, nilaza ny HCC fa hanambara ny vokatra farany ny 8 janoary.

[91] Filazana ny 28 sy 29 desambra sy ny 3 sy 7 janoary.

[92] Andininy 202 ao amin'ny Lalàna Fehizoro nº 2018-008.

[93] Andinin'ny Lalàna Fehizoro nº 2018-008 sy andininy 66 Lalàna Fehizoro nº 2018-009.

[94] Fanapahana n°11-HCC/AR ny 28 novambra 2018 mikasika ny fanambarana ny vokatra ofisialy, fihodinana voalohany.

[95] Mifanohitra amin'ny andininy 156 fa araka ny andininy 171 Lalàna Fehizoro nº 2018-008.

[96] Fanapahana n°01-HCC/AR ny 8 janoary 2019 mikasika ny fanambarana ny vokatra ofisialy fihodidina faharoa.

[97] Araka ny andininy 200 Lalàna Fehizoro nº 2018-008, afa-tsy ny famoahana ny vokatra vonjimaika, ny Filankevitry ny Fitondram-panjakana dia manam-pahaizana hahafantatra voalohany sy farany ny fampiakaran-draharaha amin'ny asa sy ny fanapahan-kevitry ny CENI.

[98] Raha tsy misy ny antontan-taratasy fangatahana, ny dika mitovy ara-dalànan'ny karatry ny mpifidy, ny fangatahana misy dikany roa na ny tsy fisian'ny antony amin'izay novelabelarina. Andininy 1-4 ny Fanapahana n°01-HCC/AR ny 8 janoary 2019.

[99] Andininy 28 ny Fanapahana n°01-HCC/AR ny 8 janoary 2019.

vokatra tamina birao iray. Ny sisa ambiny nodinihina dia tsy noraisina noho ny tsy fisian'ny porofo [100] na, voalaza tsy mitombina noho ny hosoka tsy voaporofo sy ny tsy fahampian'ny fiantraikany amin'ny fahadiovan'ny latsa-bato. Tsiahivina fa ny fanapahan'ny HCC dia tokony misy vontoantony ary tsy azo hivalozana,[101] diso fanatenana anefa ny IVEFF fa tsy naka fotoana ny HCC handinihina amin'ny antsipirihany ny fangatahana napetraka.

Nampitain'ny HCC tany amin'ny Ministera ny raharaha heloka bevava mba hanenjehana ny tsy fanarahan-dalàna.[102] Nolavin'ny HCC ny fangatahan'ny mpisolovava vitsivitsy hanao fanazavana am-bava, izay heveriny tsy ilaina satria efa mazava tsara ny voasoratra ary ankoatr'izay, fohy ny fotoana hitsarana ny fangatahana. Diso fanantenana ny IVEFF tamin'ny tsy fangaraharan'ny asan'ny HCC nandritra ny fikirakirana ny vokatra sy ny fangatahana napetraka ary ny fandavany hanome ny Iraka ny lisitry ny fangatahana, mifanohitra tamin'ny fihodinana voalohany. Nandritra ny fitsarana ny fangatahana, valopy misy valim-pifidianana efatra ihany no nalain'ny HCC tany amin'ny CENI, hanamarinana ny vokatry ny biraom-pifidianana.

*Mba hiantohana ny fahombiazan'ny fampiakaran-draharaha, ny IVEFF dia mampahatsiahy fa ilaina ny manome fe-potoana lava kokoa hanaovana fanadihadiana sy hitsarana. Mba hanamafisana ny fahatokisana amin'ny dingana, ny fiarovana ny ara-dalàna dia tokony voaantoka ihany koa amin'ny famaritana ara-dalàna ny porofo.*

Teo anelanelan'ny fihodinana roa, raharaha efatra no notsarain'ny Fitsarana ambaratonga voalohan'i Taolagnaro sy Mahajanga, ary roa, Antananarivo.[103] Ny 17 desambra, nandray fitarainana mikasika fanalam-baraka avy amin'ny kandidà Andry Rajoelina, izay nalefany any amin'ny Fitsarana, ny CENI. Nametraka fitoriana olon-tsy fantatra ihany koa ny CENI mikasika ny trangan-javatra niseho ny marainan'ny latsa-bato, nikendry ny fahaverezan'ny biletà tao amin'ny biraon'ny kaominina Ambohipo.

Ny 3 janvoary 2019, andro fahatelon'ny fihetsiketsehan'ny mpanara-dia ny kandidà Marc Ravalomanana teo amin'ny kianjan'ny 13 may, nametraka fitoriana tao amin'ny TPI Antananarivo momba ny olona fito ny avy ao amin'ny primatiora, mikasika fandraisana anjara amina fihetsiketsehana voarara sy fanohintohinana ny filaminana anatin'ny firenena.[104] Andro vitsivitsy taty aoriana, nandrara ny fivoahana any ivelany, ny efatra amin'ireo olona fito voalaza ireo, ny MID.[105] Ny kandidà Andry Rajoelina, nanaja ny ara-dalàna, dia nanohitra ny tsy fanarahan-dàlan'ilay antsoina hoe "fifanandrinana" nataon'ny KMMR (Komitin'ny Mpanohana ny kandidà Marc Ravalomanana) niaraka tamin'ny CENI.[106] Tsy nisy fitsarana heloka bevava navoakan'ny TPI ara-potoana mba hisy fiantraikany amin'ny fizotry ny fifidianana.

[100] Ny ankamaroan'ny fangatahana dia nolavina noho ny tsy fisian'ny porofo ary ny mpahay lalàna dia milaza fa noho ny fahateren'ny fe-potoana hametrahana fangatahana, tsy ampy ny fotoana hanangonana ny porofo takiana.
[101] Andininy 120 ao amin'ny Lalàm-panorenana.
[102] Andininy 29 ny Fanapahana n°01-HCC/AR ny 8 janoary 2019.
[103] Ho an'ireto roa farany, ny 14 desambra, nametraka fitoriana mikasika ny fitarainan'ny mpifidy momba ny fanaovana hosoka amin'ny kara-pifidianana ny antoko TIM.
[104] Mbola Joseph Rajaonah, Fidèle Razarapiera, Harry Laurent Rahajason, Eliane Virginie Bezara (Ninie Donia), Fernand Cello, James Ratsima, Fanirisoa Ernaivo ary ireo rehetra voakasik'izany.
[105] Fanapahana 002 MID/SG/DGAT/DIE/SCE mikasika an'i Mbola Joseph Rajaonah, Fidèle Razarapiera, Harry Laurent Rahajason sy Fanirisoa Ernaivo ny 8 janoary 2019.
[106] Ny ekipa mpahay lalànan'ny kandidà dia nampahafantatra ny fametrahana fitoriana ao amin'ny TPI Antananarivo an'ny: (i) gazety efatra izay nanala-baraka azy; (ii) mpandefa sms mampirisika ny mpifidy handatsa-bato ho an'ny kandidà Andry Rajoelina, sandaina vola; sy, (iii) mpisolovava iray ny kandidà Marc Ravalomanana, sady filoha lefitry ny Antenimierampirenena, naka an-keriny kara-pifidianana.

# XV. TOLO-KEVITRA

| N. | TOE-DRAHARAHA | TOLO-KEVITRA | LALANA VOAKASIK'IZANY | MPANDRAY ANJARA | RAFITRA IRAISAM-PIRENENA SY NY FOMBA FANAO MENDRIKA |
|---|---|---|---|---|---|
| **TOE-DRAHARAHA POLITIKA** | | | | | |
| **1** | Fangatahana fanamafisana ny anjara andraikitry ny mpanohitra nandritra ny fifidianana.<br><br>***[Pejy 8]***<br><br>S | - Fanomezan-danja ny fanoherana eny amin'ny Antenimiera amin'ny fanamafisana ny zony voafaritry ny lalàna mba hahafahany mandray ny andraikitra tandrify azy eny amin'ny parlemanta ka ahafahany manara-maso marina sy manao tolo-dalàna.<br><br>- Ny fampiharana ny fametrahana ny fananganana ny satan'ny mpanohitra ao amin'ny Antenimieram-pirenena amin'ny alàlan'ny fampiatoana ny satan'ny Filohan'ny mpanohitra ao amin'ny Biraon'ny antenimiera. | Lalàna laharana 2001-013 mikasika ny satan'ny mpanohitra sy ny antoko mpanohitra<br>Art.6<br>- Fanehoana ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana Laharana. 01-HCC / AV tamin'ny 12 Janoary 2017 | Antenimiera | ***Zo sy fahafahana handray anjara amin'ny raharaham-pirenena sy hanana andraikitra***<br>*Sata Afrikana Mikasika ny Demokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara,*<br>*Toko 3, Andininy 3: "Fanamafisana ny tontolo politika maro loko, toy ny fankatoavana ny andraikitra, ny zo ary ny adidin'ny antoko politika mitsangana ara-dalàna, anisan'izany ny antoko mpanohitra politika izay tokony omena ny sata sy toerany manokana izay harovan'ny lalàna manankery."*<br><br>*- Fanambarana tao Bamako noraisina tamin'ny 3 novambra 2000, and. 2, al.5; sy and. 4, al.14: "Mba hampandraisana anjara ny antoko politika rehetra, ny mpanohitra sy ny maro an'isa, eo amin'ny sehatra politika any amin'ny faritra rehetra, ka mifanaraka amin'ny lalàna, mba ahafahana mandaminana tsy misy rahoraho ny tsy fitovizam-pijery sy ny fahasamihafan'ny tanjona. (…)* |
| ***SEHATRA ARA-DALANA*** | | | | | |
| **2** | **Fahabangana sy tsy fahampian'ny lalàna mikasika ny famantsiam-bolan'ny fampielezan-kevitra**.<br>- Hita fa nisy fahabangana teo amin'ny lalàna mikasika ny famerana ny famatsiam-bola amin'ny fandaniana amin'ny fampielezan-kevitra.<br>-Tsy misy lalàna famaizana voafaritra mialoha raha misy fandikana ny fepetra voalazan'ny lalàm-pifidianana mifandraika amin'ny famatsiam-bolan'ny fampielezan-kevitra.<br>-Ny Vaomiera mpanara-maso ny famatsiam- | Tolo-kevitra lahara-pamehana<br>**- Fanavaozana ny lalàna mba hifehezana sy hanaraha-maso ny loharanom-bolan'ny kandidà ara-potoana ary tokony ho ferana ny fandaniana ho ataony mandritry ny fampielezan-kevitra.**<br><br>**- Omena fahefana sy fitaovana ampy ny Vaomiera mpanara-maso ny famatsiam-bola eo amin'ny tontolo politika (CCVP) hanatanterahana ny andraikiny toy ny andripanjakana mahaleo tena ary izany dia ao anatin'ny fotoana mampiety azy.**<br>**- Fanasaziana araka ny lalàna, mifanentana sy mampihemotra raha misy tsy fanarahan-dalàna, ohatra ny amin'ny hetsika fampielezan-** | Lalàna fehizoro Laharana 2018-008, Toko II<br>Lalàna Laharana 2016-020 momba ny ady amin'ny kolikoly | Mpanao lalàna<br>Antenimiera<br>HCC | ***Fisorohana ny kolikoly/ Ny ara-drariny mandritra ny fampielezan-kevitra***<br>*-Sata Afrikana Mikasika ny Demaokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara, Toko II,and.9:*<br>*«Fampiroboroboana ny fisorohana sy ny ady amin'ny kolikoly araka ny fepetra voalazan'ny Fifanarahan'ny Vondrona afrikanina momba ny fisorohana sy ny ady amin'ny kolikoly, natao tany Maputo, Mozambika tamin'ny jolay 2003. »*<br>*- Fifanarahana iraisam-pirenena momba ny zo sivily sy politika (PIDCP), and. 25 : «Ny olom-pirenena tsirairay dia manana ny zo sy ny fahafahana, tsy misy* |

| N. | TOE-DRAHARAHA | TOLO-KEVITRA | LALANA VOAKASIK'IZANY | MPANDRAY ANJARA | RAFITRA IRAISAM-PIRENENA SY NY FOMBA FANAO MENDRIKA |
|---|---|---|---|---|---|
| | bola eo amin'ny tontolo politika (CCVP) dia tsy ampy fitaovana hanatanterahana antsakany sy andavany ny iraka nampiandraiketina azy.<br><br>***[Pejy 11 sy 12]*** | **kevitra ivelan'ny fe-potoana voafaritry ny lalàna.**<br>**- Hamafisina ny fanaraha-maso ny fiaviana sy ny loharanom-bolan'ny kandidà ary ny fandaniana ataony mandritra ny fampielezan-kevitra.** | | | *fanavakavahana voalaza ao amin'ny Andininy faha-2 ary tsy misy fepetra amerana tsy amin'antony: Mandray anjara amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena, mivantana na amin'ny alalan'ny solontenany voafidy malalaka;b) hifidy sy ho fidiana, amin'ny fifidianana tsy tapaka sy marina, amin'ny alalana fifidianana andraisan'ny rehetra anjara, latsabato tsy mitanila sy miafina, miantoka ny fanehoana ny fahalalahana maneho ny safidin'ny mpifidy; d) Ny fahafahana, araka ny fepetra ankapobeny momba ny fitovian-jo,mandray anjara amin'ny asam-panjakan'ny fireneny. » sy ny fanehoan-kevitra ankapobeny laharana faha 25, andalana 19 :*<br>*«Araky ny andalana b), ny fifidianana mangarahara sy malalaka dia tsy maintsy tanterahana mandritry ny fotoam-pifidianana voavaritry ny lalàna ary manome zo ny olona ampy taona rehetra hifidy. Ny olona mifidy dia tokony afaka hifidy izay kandidà tiany.*<br>*«Araky ny andalana b), ny fifidianana mangarahara sy malalaka dia tsy maintsy tanterahana mandritry ny fotoam-pifidianana voavaritry ny lalàna ary manome zo ny olona ampy taona rehetra hifidy. Ny olona mifidy dia tokony afaka hifidy izay kandidà tiany, sy mankasitraka na mitsipaka ny soso-kevitra atolotra amin'ny fitsapakevi-bahoaka, ary tokony ho afaka hanohana na hanohitra ny governemanta ary tsy tokony hisy fanohintohinana ny zony, na izay mety hanova na hanakana ny fanehoana malalaka ny sitrapon'ireo mpifidy. Ny olom-pirenena tsirairay dia tokony ho afaka hanana ny safidiny manokana, tokony tsy hiaran'ny herisetra na ny fandrahonana, na teritery, na tambazana fanomezana na fetsifetsena.*<br>*. Azo ekena ny famerana amin'ny ara-drariny ny fandaniana mandritra ny fampielezan-kevitra, raha ilaina, mba hisian'ny safidy malalaky ny mpifidy sy tsy hanafoana ny dingam-panovàna na koa fihemorana raha toa ka mihoam-papana ny fandaniana ho an'ny kandidà na antoko. Ny vokatry ny fifidianana madio dia tokony hajaina sy ampiharina. »* |

| N. | TOE-DRAHARAHA | TOLO-KEVITRA | LALANA VOAKASIK'IZANY | MPANDRAY ANJARA | RAFITRA IRAISAM-PIRENENA SY NY FOMBA FANAO MENDRIKA |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | *- Fifanarahana teo amin'ny firenena mpikambana ao amin'ny Vondrona Afrikana momba ny fisorohana sy ady amin'ny kolikoly, And. 10: Mety azo hamarinina ny famerana amin'ny ara-drariny ny fandaniana amin'ny fampielezan-kevitra raha ilaina izany mba hahazoana antoka fa latsa-bato malalaka no misy na ho an'ny mpifidy na ho an'ny lamina demôkratika izay simba noho ny fandaniana mihoampapana ho an'ny tombotsoan'ny kandidà na antoko. Ny valin'ny fifidianana madio dia tokony hajaina sy ampiharina.* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| ***ADMINISTRATION ÉLECTORALE*** | | | | | |
| 3 | ***Manjavozavo ny momba ny CENI sy ny andraikiny.***<br>Araka ny Lalàm-panorenana, ny CENI dia rafitra mahaleo tena izay ary voafatotry ny lalàna ny asa iandraiketany sy ny fomba fiasany.<br>Tsy rafipanjakana toy ny Fitsarana Tampony, ny Fitsarana ambony ary ny Fitsarana Avo ny CENI.<br>Tamin'ny tetezamita taona 2013, ny Vaomieram-pirenena misahana ny fifidianana (CENI-T) dia tompon'andraikitra tamin'ny fametrahana ny tetiandron'ny fifidianana.<br><br>**[Pejy 13 sy 14]** | **Tolo-kevitra lahara-pahamehana**<br><br>**Fanatsaràna ny sata mifehy ny CENI amin'ny alàlan'ny :**<br>**(i) Fanomezana azy ny sata mifehy ny rafipanjakana araka ny voalazan'ny andininy faha-40 amin'ny Lalàm-panorenana ho an'ny rafitra hafa.**<br><br>**(ii) Fametrahana azy ho tompon'andraikitra amin'ny fametrahana ny tetiandron'ny fifidianana ho fanamafisana ny fahaleovan-tenany bebe kokoa.** | Lalàm-panorenana, and. 5 sy 40<br><br>Lalàna Laharana 2015-020, lohateny Voalohany, fepetra ankapobeny, and. voalohany sy manaraka | Mpanao lalàna<br><br>CENI | ***Ny Fanjakana dia tokony handray ny fepetra rehetra ahatanteraka ny zo***<br>*- PIDCP, and. 25 sy ny Toromarika ankapobeny n°25, para. : « Tokony hiorina ny fahefam-pifidianana tsy miankina, hanara-maso ny fizotry ny fifidianana ary hiantohana ny fanaovana izany amin'ny fepetra ara-drariny sy tsy manavakavaka, araka ny lalàna napetraka, izay mifanaraka amin'ny Fifanekena ».*<br>*- Sata Afrikana Mikasika ny Demaokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara, and. 17.2: « Hamorona sy hanamafy ny rafitra nasionaly mba handaminana, amin'ny fotoana haingana indrindra, ny fifandirana amin'ny fifidianana. »*<br>*- Fitsipika sy toro lalanan'ny SADC, mifehy ny fifidianana demaokratika, al. 4.1.9: « Manaja sy miantoka ny tsy fiandaniana sy ny fiankinana (…), ireo sampan-draharaha misahana ny fifidianana, ary ireo andrim-panjakana hafa ".*<br>*- Fanambarana tao Bamako, and. 8: « Mahazo antoka fa ny fikarakarana ny fifidianana (...) dia tanterahana anaty mangarahara tanteraka ary tafiditra ao amin'ny fahaiza-manaon'ireo sampan-draharaha azo itokisana ary ekan'ny rehetra ny fahaleovan-tenany".* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| 4 | ***Ilaina ny manamafy ny faheleovantenan'ny CENI sy ny ratsamangaikany (olona mpanampy sy toerana azy manokana)***<br><br>***[Pejy 13 sy 14]*** | **Tolo-kevitra lahara-pahamehana**<br><br>**Manamafy ny fahaleovantena sy ny enti-manana amin'ny asa ary ny fisongadinan'ny Vaomieram-pifidianan'ny distrika sy kaominina :**<br>**(i) amin'ny famelana ny CENI hampiditra, tsy ny mpikambana ao aminy fosiny, fa mpiasa mpitan-tsoratra ihany koa, sy,**<br>**(ii) amin'ny fametrahana azy amin'ny toerana mitokana: ivelan'ny tranom-panjakana na ny an'ny SRMV. .** | Lalàna n°2015-020 ; Lohateny VI, fizaram-paritra, and. 80 sy manaraka<br><br>Lalàna n°2018-008, momba ny foiben'ny SRMV, and. 185 sy 186. | Gouvernement<br><br>CENI | ***Ny Fanjakana dia tokony handray ny fepetra rehetra ahatanteraka ny zo***<br>*- Fanambaran'ny Vondrona afrikana momba ny fitsipika mifehy ny fifidianana demaokratika any Afrika, toko II.4.e « ny fifidianana demokratika dia tokony ho karakarain'ny par rafitra fifidianana tsy miangatra, tsy manavaka, mahefa sy manana mpiasa voahofana tsara ary manana fitaovana ampy »,*<br>*Toko III.g: « Miahy amin'ny fisian'ny fitaovana sy ny loharanom-bola ampy tsara hikarakarana fifidianana demokratika (…) ».* |
| 5 | ***Lisi-pifidianana azo antoka sy tsy mialon-jafy.***<br>- Hatramin'ny 2002 fara-faharatsiny, ny rafi-pitantanana ny fifidianana dia manome alalana hifidy, tsy misy kara-pifidianana raha vao vantany ka mitondra kara-panondro na voasoratra ao amin'ny lisi-pifidianana ny mpifidy, mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ny lalàna izany, izay milaza fa tokony, na hitondra kara-pifidianana na fanamarinana ny fisoratana anarana ao amin'ny rejisitry ny fanisana ny mpifidy ao @ Fokontany ny mpifidy. | **Tolo-kevitra lahara-pahamehana**<br><br>**1) Manao fandalinana azo tsapain-tanana momba ny fametrahana rafitra famoahana karapanondro nasionaly izay hisy fiantraikany koa amin'ny fananganana lisi-pifidianana azo antoka sy tsy mananavaka :**<br>**(i) ny fampidirana karatra famantarana tokana toy izany dia tokony ampiditra ny fanatanterahana ny fanavaozana ny lisi-pifidianana ho an'ny fanavaozana mora kokoa ;**<br>**(ii) azo eritreretina ny fanafoanana ny kara-pifidianana.** | Lalàna Fehizoro n°2018-008, (i) mikasika ny lisi-pifidianana: and. 7 sy manaraka ; (ii) momba ny fanavaozana ny lisi-pifidianana : and. 43 sy 44 ; (iii) momba ny kara-pifidianana: and. 45 sy manaraka ; (iv) momba ny antontan-taratasy ilaina aseho ao amin'ny birao rehefa hifidy, and. 154 sy manaraka. | Governemanta<br><br>Ministeran'ny Atitany<br><br>Administration territoriale<br><br>Mpanao lalàna<br><br>CENI<br><br>Mpisehatry ny fanjakana, ivelan'ny fanjakana tsy miankina sy amin'ny sehatra maro<br><br>Mpiara-miasa teknika sy mpamatsy vola<br><br>Antoko politika | ***Zo sy fahafahana mifidy/ Tany tan-dalàna/ Fifidianana andraisan'ny rehetra anjara***<br>*- PIDCP, and. 25 : Ny olom-pirenena tsirairay dia manana ny zo sy ny fahafahana, tsy misy fanavakavahana voalaza ao amin'ny Andininy faha-2 ary tsy misy fepetra amerana tsy amin'antony, (…)b) "hifidy sy ho fidiana, amin'ny fifidianana tsy tapaka sy marina, amin'ny alalana fifidianana andraisan'ny rehetra anjara, latsabato tsy mitanila sy miafina, miantoka ny fanehoana ny fahalalahana maneho ny safidin'ny mpifidy"*<br>*- Komitin'ny Zon'olombenin'ny ONU (CCPR), Toromarika ankapobeny, para. 11: "Ireo firenena dia tokony handray fepetra mahomby mba hahazoana antoka fa manana fahafahana hampihatra io zo io ny olona rehetra izay mahafeno fepetra rehefa ilaina ny fisoratana anarana hifidy, tokony hamoraina izany ary tsy tokony hisy sakana tsy an'antony amin'ny fisoratana anarana."*<br>*- Sata Afrikana ny Zon'olombelona sy ny vahoaka, and. 13 al.1: « Ny olom-pirenena dia manan-jo handray anjara malalaka amin'ny fitantanana ny fireneny, na mivantana, (…) ».*<br>*- Sata Afrikana Mikasika ny Demaokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara, art. 3 alinéa 7: « ny fandraisan'anjara ny olom-pirenena amin'ny dingana demokratika sy fampandrosoana ary ny fitantana ny raharaham-pirenena».*<br>*- Fanambaran'ny Vondrona Afrikana momba ny fitsipika mifehy ny fifidianana demokratika, IV.3: « Ny* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | -Ny Malagasy monina any ivelany dia tsy afaka mifidy.<br><br>-Vitsy ny isan'ny vehivavy sy ny tanora<br><br>-Tsy afaka mifidy ny olona voafonja vonjimaika sy | **2) Manao dinik'asa mikasika ny fahafahan'ny Malagasy monina any ivelany hifidy.**<br><br>3) Hatsaraina ny fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ny tanora. Jereo. Fanoratana anarana ny mpifidy.<br><br>4) Hatsaraina ny endrika ho an'ny daholoben'ny fifidianana amin'ny fijerena ireo sokajin'olona marefo indrindra. Jereo Zon'olombelona sy vondron'olona | | Fiarahamonimpirenena | *« ny olompirenena tsirairay dia manana zo handray anjara feno amin'ny dingan'ny fifidianana anatin'izany ny zo hifidy (…) ».*<br>*- Fitsipika sy toro lalanan'ny SADC mifehy ny fifidianana demokratika, al 4.1.7: « Miantoka tontolo fifaninana misokatra, tsy manilika na iza na iza amin'ny fifidianana na manakana azy tsy hifidy amin'ny fomba tsy ara-drariny (…) ».*<br>*- Fanambarana tao Bamako, and. 7: « Mifantoka amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpandray anjara sy ny rafitra rehetra mifandraika amin'ny fizotry ny fifidianana, miaraka amin'ny fifantohana amin'ny fametrahana sata sivily sy lisi-pifidianana azo antoka».*<br>*- Tatitra mikasika ny zava-misy amin'ny fampiharana ny demaokrasia, ny zo sy ny fahalalahana ao amin'ny tany miteny frantsay 2012, ny Delegasionan'ny fandriampahalemana, ny demaokrasia sy ny zon'olombelona(DDHDP) ny fikambanana iraisampirenenan'ny tany miteny frantsay (OIF) : « fiheverana ny fampiasana ny biometria hanampy mivantana amin'ny lisi-pifidianana azo itokisana sy ankolaka ny fikarakarana fifidianana malalaka, azo antoka sy mangarahara, manatontosa noho izany ny tanjona iray kendren'ny Fanambarana tao Bamako ny 3 novambra 2000 ».*<br><br>*- PIDCP, and.25 sy ny Toromarika Ankapobeny no 25, para.11: « Ireo firenena dia tokony handray fepetra mahomby mba hahazoana antoka fa manana fahafahana hampihatra io zo io ny olona rehetra izay mahafeno fepetra rehefa ilaina ny fisoratana anarana hifidy, tokony hamoraina izany ary tsy tokony hisy sakana tsy an'antony amin'ny fisoratana anarana».*<br>*- Fitsipika sy toro lalanan'ny SADC, mifehy ny fifidianana demaokratika, al 4.1.8: « Mampirisaka ny fanaovana fanombanana matetika ny fandraisan'anjara ny olom-pirenena mipetraka any ivelany amin'ny fifidianana nasionaly».* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | marary eny @hopitaly<br>***[Pejy 15-19/ 26-28]*** | marefo. | | | |
| 6 | ***Vatofotsy nahitsin'ny HCC taorian'ny fihodinana voalohany, fa tsy misy antsipirian'ny fomba fiasa. Tsy mazava ny famaritana ny vatofotsy.***<br>Araka ny CENI, tokony hametraka ny safidiny amin'ny alalan'ny lakroa na lavotondro eo amin'ny faritra voatokana amin'izany ny mpifidy.<br>***[Pejy 36]*** | **Tolo-kevitra lahara-pahamehana**<br>**Tondroina mazava tsara ny faritra tokony asian'ny mpifidy lakroa ao amin'ny biletà tokana, mba hampanan-kery ny vato.**<br>**- Mba hahazoana kokoa ny fikasan'ny mpifidy eo amin'ny fanondroany ny safidiny, afaka manatanteraka fanaraha-maso amina santionana biletà fihodinana voalohany sy faharoa ny CENI sy ny HCC;**<br>**- Ankoatry ny fampiasana lavotondro, ny fanamarihana ny biletà amin'ny alalan'ny karazana marika iray, lakroa, dia azo hitarina.** | Lalàna Fehizoro n°2018-008, and. 156. | Mpanao lalàna<br>CENI, HCC<br>Antoko politika<br>Fiarahamonimpirenena | ***Zo sy fahafahana hifidy/Fanjakana tan-dalàna/ Fahadiovan'ny fifidianana hitarafana ny fanehoana malalaka ny sitrapon'ny mpividy***<br>*- Fifanarahana iraisam-pirenena momba ny zo sivily sy politika (PIDCP) : and. 25 sy ny Toromarika Ankapobeny no 25, para 10 : « Ny zo handatsa-bato amin'ny fifidianana sy ny fitsapankevi-bahoaka dia tokony voalazan'ny lalàna ary tsy azo anaovana afa-tsy faneriterena ara-drariny, toy ny fametrahana taona farafahakeliny ho an'ny fampiasana ny zo hifidy. Tsy mety ny mametra ny zo hifidy noho ny fahasembanana ara-batana na hametrahana fepetra fahaizana mamaky tena sy manoratra, fianarana na harena (…) ».* |
| 7 | ***Mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana tra-pahasahiranana nandritry ny fanisam-bato,*** anisan'izany ny famenoana ny fitanana an-tsoratra, eny na ny famonosana ny fitaovam-pifidianana aza.<br>***[Pejy 31 sy 32]*** | **Tolo-kevitra lahara-pahamehana**<br>**Atao ny hahatamàna ny olom-pirenena izay miasa toy ny filoha sy / na filoha lefitra tao amin'ny birao fandatsaham-bato, eny na dia hampanaovana fihofanana hafa noho ny an'ny mpikambana sasan'ny birao aza izy ireo. Fihofanana izay hamafisina amin'ny fitaovana mora azo sy mora ampiasaina kokoa, ary hiompana amin'ny famenoana ny fitanana an-tsoratra sy ny fandefasana ny fitaovam-pifidianana.**<br>**- Manangana tahirin-kevitra momba ny mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato izay afaka hanamora ny asa fanofana fiomanana amin'ny dingana mialoha ny fifidianana.** | Lalàna Fehizoro n°2018-008, (i) mikasika ny filohan'ny birao: and. 139 sy manaraka.<br>Fanapahan-kevitry ny CENI. | CENI<br>Antoko politika<br>Fiarahamonimpirenena | ***Ny Fanjakana dia tokony handray ny fepetra rehetra ahatanteraka ny zo***<br>*- Sata Afrikana Mikasika ny Demaokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara, and.17 al 1: « Mamorona sy manamafy rafi-pifidianana nasionaly mahaleo tena sy tsy miandany, hikaraka ny fitantanana ny fifidianana ».*<br>*- Fanambaran'ny Vondrona Afrikana momba ny fitsipika mifehy ny fifidianana demokratika,*<br>*Toko II.4. E « ny fifidianana demokratika dia tokony ho karakarain'ny par rafitra fifidianana tsy miangatra, tsy manavaka, mahefa sy manana mpiasa voahofana tsara ary manana fitaovana ampy ».* |
| 8 | ***Tsy misy toerana napetraka amin'ny fitananana an-tsoratra handraisana manokana ny isan'ny biletà voaray, ny tsy*** | Hatsaraina ny endriky ny taratasy ao amin'ny fitanana an-tsoratry ny birao mba hanampiana: i) ny isan'ireo vatom-pifidianana azo ampiasaina amin'ny | Lalàna Fehizoro n°2018-008, momba ny fanisam-bato, and. 165 sy | CENI<br>Fiarahamonimpire | ***Fangaraharana sy ny fahazoam-baovao***<br>*Sata Afrikana Mikasika ny Demaokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara, and.12 al. 1 :* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | ***nampiasaina ary ny nofoanana taorian'ny latsa-bato.***<br><br>***[Page 32]*** | fanombohan'ny fifidianana, (ii) ny isan'ireo vatom-pifidianana mbola tsy nampiasaina, (iii) ny isan'ireo vatom-pifidianana nofoanana. | manaraka.<br><br>Fanapahan-kevitry ny CENI. | nena | *« Mampiroborobo ny fitantanana tsara, anisan'izany ny fangaraharana sy ny adidy manao tatitra.*<br>*- Sata Afrikana Mikasika ny Demaokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara, and. 2 al. 13 :*<br>*« Mampiroborobo ny fomba tsara indrindra amin'ny fikarakarana fifidianana mba hisian'ny fahamarinan-toerana politika sy ny fitantana tsara.».* |
| 9 | ***Ny tsy fisian'ny peta-drindrina mampiseho ny vokatra amin'ny biraom-pifidianana, na dia eo aza ny fepetra voalazan'ny lalàna momba ny fifidianana.***<br><br>Ny tranonkalan'ny CENI dia tsy mamoaka ny fivoriana fanapahan-kevitry ny rafitra na ny tatitry ny Birao sy ny fivoriambe rehetra.<br><br>***[Pejy 16/31 sy 32]*** | Hamafisina ny fepetran'ny fangaharahana sy ny fomba fanarahana ao amin'ny CENI, izay efa misy, mba ampiharina matetika kokoa, rehefa nodinihina ny anton'ny fandikan-dalàna:<br>(i) Apetaka eny amin'ny biraom-pifidianana rehetra, sy eny anivon'ny kaomina, ho fandrefesana ny fangaharahan'ny fomba fanarahana ny vato ny dika mitovy ny vokatra, araka ny didin'ny lalàna;<br>(ii) Tohizana hatrany ny fanaovana sonia roa ao an-damosin'ny biletà iantohana ny fomba fanarahana ; ary hazavaina ny andininy 120 ny lalàna momba ny fanomezana nomerao ny karinen'ny biletà, fa tsy amin'ny biletà;<br>(iii) Hamafisina ny famoahana ny fivoriana fanapahan-kevitry ny CENI, ny tatitry ny fivorian'ny birao sy ny fivoriambe. | Lalàna Fehizoro n°2008-008, momba ny fanisam-bato, art.180. | CENI sy ny ratsamangaikany<br><br>Fiarahamonimpire nena | ***Fangaraharana sy ny fahazoam-baovao***<br>*- Komitin'ny Zon'olombenin'ny Firenena Mikambana (CCPR), Toromarika Ankapobeny 34, para 19 : « Ho fanatanterahana ny zo amin'ny fampahalalam-baovao, ny firenena mpandray anjara rehetra dia tokony havitrika amin'ny fametrahana ho an'ny daholobe ny vaovao rehetra avy ao amin'ny governemanta izay mahaliana ny rehetra. Ny firenena mpandray anjara dia tokony hanao izay ho afany rehetra mba ho mora, haingana, mahomby ary azo ampiharina ny fahazoana ny vaovao.*<br>*».*<br>*- Sata Afrikana ny Zon'olombelona sy ny vahoaka, and.9 : « Manana zo amin'ny fampahalalam-baovao ny tsirairay ».* |
| 10 | ***Fandraisan'ny CENI, an-kamehana, fepetra amin'ny fangaraharana mba hamaliana ny fitakian'ny kandidà roa nandritra ny fikirakirana ny vokatra isaky ny fihodinan'ny fifidianana.***<br><br>***[Pejy 32-34]*** | Tolo-kevitra lahara-pahamehana<br><br>**Manara-maso ara-dalàna ny fizotran'ny famoahana vokatra vonjimaika ampahany, sady manohy hatrany ny fomba mangarahara naseho nandritra ny fikirakirana ny valiny.** | Lalàna Fehizoro n°2008-008, momba ny fanambarana ny vokatra, and.191 sy manaraka.<br>Lalàna Fehizoro n°2018-009 : fanambarana ny vokatra, and. 60 sy manaraka.<br><br>Fanapahan-kevitry ny CENI. | CENI<br><br>Antoko politika<br><br>Fiarahamonimpire nena | ***Fangaraharana sy fazahoam-baovao***<br>*- Komitin'ny Zon'olombenin'ny Firenena Mikambana(CCPR), Toromarika ankapobeny, para 19 : « Ho fanatanterahana ny zo amin'ny fampahalalam-baovao, ny firenena mpandray anjara rehetra dia tokony havitrika amin'ny fametrahana ho an'ny daholobe ny vaovao rehetra avy ao amin'ny governemanta izay mahaliana ny rehetra. Ny firenena mpandray anjara dia tokony hanao izay ho afany rehetra mba ho mora, haingana, mahomby ary azo ampiharina ny fahazoana ny vaovao.».*<br>*Sata Afrikana Mikasika ny Demaokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara, and. 2 al. 13 : Mampiroborobo ny fomba tsara indrindra amin'ny fikarakarana fifidianana mba hisian'ny fahamarinan-toerana* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | *politika sy ny fitantana tsara».* |
| ***FANORATANA ANARANA NY MPIFIDY*** | | | | | |
| **11** | ***Tahan'ny fanoratana anarana sy fandraisan'anjaran'ny mpifidy sasany, voakiana mazàna.***<br><br>Araka ny OIF, tsy nitombo ny tahan'ny fisoratana anaran'ny vehivavy sy ny tanora tao amin'ny lisi-pifidianana teo anelanelan'ny 2013 sy 2018, mbola manome fahasamihafana mafy ara-jeografika.<br><br>Ny tahan'ny fandraisana anjara tamin'ny fihodinana roa no ambany indrindra teo amin'ny tantaran'ny firenena, indrindra raha oharina amin'ny 2013, araka ny toe-javatra mitovy.<br><br>***[Pejy 16-19]*** | Entanina ireo sokajy marefo amin'ny mponina, indrindra ny vehivavy sy ny tanora, amin'ny isan'ny solotenany ao amin'ny lisi-pifidianana, eny na ny fandraisan'izy ireo anjara amin'ny fifidianana, aorian'ny fandinihana lalina:<br>(i) any amin'ny faritra ahitana ny tsy fahampian'ny isan'ny solotenan'ny vehivavy sy ny tanora ambony indrindra ao amin'ny dingan'ny fanoratana anaran'ny mpifidy;<br>(ii) ny fitondrantenan'ny mpifidy araka ny faritry ny toeram-ponenana, an-tanàn-dehibe na ambanivohitra;<br>(iii) Tokony ampidirina ao amin'ny tetibolan'ny CENI ny hetsika hanamafisana ny fanabeazana olom-pirenena sy ara-pifidianana, miaraka amin'ny fanohanan'ny fiarahamonimpirenena ihany koa amin'ny sehatry ny fiaraha-monina. | | CENI<br><br>Ministeran'ny Fanambeazam-pirenena<br><br>Ministeran'ny Tanora<br><br>Fiarahamonim-pirenena<br><br>Antoko politika<br><br>Haino aman-jery<br>Mpiara-miasa teknika sy ara-bola | ***Zo sy Fahafahana hifidy /Fifidianana andraisan'ny rehetra anjara***<br>*- Sata Afrikana Mikasika ny Demaokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara (art. 12 al. 4: « mampiditra ao amin'ny fandaharam-pianarana ny fanabeazam-pirenena momba ny demaokrasia sy ny fandriampalemana ary mamolavola fandaharan'asa sy hetsika mety).*<br>*- Fanambaran'ny Vondrona Afrikana momba ny fitsipika mifehy ny fifidianana demokratika any Afrika, Fitsipika III.e: « Mampiroborobo ny fanabeazana olom-pirenena sy ny fanabeazana ny mpifidy amin'ny fitsipika sy soa toavina demokratika, miara-miasa akaiky amin'ny fiarahamonim-pirenena sy ny mpandray anjara hafa voakasik'izany ».*<br>*- Fitsipika sy toro lalanan'ny SADC, mifehy ny fifidianana demaokratika, ali4.1.10: « Mitandrina mba hanamafy ny fahazaimanao sy enti-manan'ny olom-pirenena azo fidiana ny fanabeazana ny mpifidy ary mamporisika azy ireo hahazo ny fizotry ny fifidianana sy ny rafitra demokratika. ».* |
| ***FANORATANA NY FIROTSAHAN-KOFIDIANA*** | | | | | |
| **12** | ***Tsy fahampian'ny fahazavan'ny voalazan'ny lalàna mikasika ny didy fanafoanana ny firotsahan-kofidiana.***<br><br>***[Pejy 19 sy 20]*** | Ovàna ny voalazan'ny lalàna mba hanazavana ny tranga sy fepetran'ny fanafoanana ny firotsahan-kofidiana ary koa ny fe-potoana hitsipahana izany. | Lalàna fehizoro nº 2018-008, art.208-210,<br>Lalàna fehizoro nº 2018-009 | Mpanao Lalàna<br>Antenimieram-pirenena<br>HCC | ***Zo sy fahafahana handray anjara amin'ny raharaham-pirenena ary hitazona andraikitra/ Fanjakana tan-dalàna***<br>*- PIDCP, and. 25 : «Ny olom-pirenena tsirairay dia manana ny zo sy ny fahafahana, tsy misy fanavakavahana voalaza ao amin'ny Andininy faha-2 ary tsy misy fepetra amerana tsy amin'antony: Mandray anjara amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena, mivantana na amin'ny alalan'ny solontenany voafidy malalaka;b) hifidy sy ho fidiana, amin'ny fifidianana tsy tapaka sy marina, amin'ny alalana fifidianana andraisan'ny rehetra anjara, latsabato tsy mitanila sy miafina, miantoka ny fanehoana ny fahalalahana maneho ny safidin'ny mpifidy; d) Ny fahafahana, araka ny fepetra* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | *ankapobeny momba ny fitovian-jo,mandray anjara amin'ny asam-panjakan'ny fireneny. » sy ny Toromarika Ankapobeny n°25, para. 4 et 19 :*<br>*4. 4. Ny fepetra rehetra ampiharina amin'ny fanatanterahana ny zo arovan'ny andininy faha-25 dia tokony hiorina amin'ny fepetra mazava sy azo ekena. Noho izany, azo atao ny mampiakatra ny taona farany ambany mba ho azo fidiana na tendrena amina toerana manokana amin'ny asam-panjakana na ampiasa ny zo andatsa-bato izay tokony hositrahan'ny olon-dehibe tsirairay. Ny fampiharana ireo zon'ireo olom-pirenena ireo dia tsy azo ahantona fotsiny na foanana afa-tsy noho ny antony voalazan'ny lalàna, izay antonony sy tanjona. Noho izany, azo atao ny manamarina ny fandavana ny zo hifidy na fiasana amin'ny fanjakana ho an'ny olona iray izay manana fahasembanana ara-tsaina.*<br>*19. « Araka ny al. b), Ny fifidianana madio sy malalaka dia tokony atao matetika ao anatin'ny rafitry nylalàna, izay miantoka ny fampiharana ny zo hifidy. Ny olona manana zo hifidy dia tokony handatsa-bato ho an'ny kandidà izay tiany amin'ny fifidianana ary eny sa tsia amin'ny fitsapan-kevi-bahoaka, sy tokony halalaka hanohana na hanohitra ny governemanta tsy misy faneriterena na inona endriny na inona, izay mety handiso na hanelingelina ny fanehoan-kevitra malalaky ny sitrapon'ny mpifidy. Ireto farany dia tokonyhanana ny heviny an-kalalahana, tsy misy herisetra na fandrahonana herisetra, faneriterena, fanolorana fanomezana na fidirana an-tsehatra rehetra hanodinkodinan-tsaina. Azo atao ny mandidy ny fetra sahaza ny fandaniana voatokana amin'ny fampielezan-kevitra raha ilaina izany, mba hahazoana antoka fa tsy hiantraika amin'ny safidy malalaky ny mpandatsa-bato na handiso ny dingana demaokratika noho ny fandaniana mihoampampan'ny kandidà na ny antoko. Ny vokatry ny fifidianana marina dia tokony hajaina sy ampiharina."* |
| **13** | ***Fifanoherana sy fahabangana mikasika ny petra-bolan'ny firotsahan-kofidiana.***<br>Ny tahan'ny vato azo, takiana ho an'ny fanonerana ny petra-bola (10 %) dia avo loatra ary tsy mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena (3 – 5 | Ampidinina ny fetran'ny vato azo ho amin'ny famerenana ny petra-bola, 10% alatsaka 5%, izay isan-jato takian'ny lalàna iraisam-pirenena ary hazavaina fa ampiharina amin'ny kandidà nahazo 10% ihany izany. | Lalàna Fehizoro n° 2018-009, and.9<br>HCC- Fanapahana n° 12-HCC/AR ny 14 desambra 2018 | Mpanao lalàna<br>Antenimiera<br>HCC | ***Zo sy fahafahana handray anjara amin'ny raharaham-pirenena ary hitazona andraikitra Fanjakana tan-dalàna/Fifidianana andraisan'ny rehetra anjara/***<br>*- «Ny olom-pirenena tsirairay dia manana ny zo sy ny fahafahana, tsy misy fanavakavahana voalaza ao* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | %).<br><br>Ankoatr'izany, raha misy fitsipahana firotsahan-kofidiana, dia tokony mandeha ho azy ary haingana ny famerenana ny petra-bola.<br><br>***[Pejy 19 sy 20]*** | | | | *amin'ny Andininy faha-2 ary tsy misy fepetra amerana tsy amin'antony: a) Mandray anjara amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena, mivantana na amin'ny alalan'ny solontenany voafidy malalaka;b) hifidy sy ho fidiana, amin'ny fifidianana tsy tapaka sy marina, amin'ny alalana fifidianana andraisan'ny rehetra anjara, latsabato tsy mitanila sy miafina, miantoka ny fanehoana ny fahalalahana maneho ny safidin'ny mpifidy; d) Ny fahafahana, araka ny fepetra ankapobeny momba ny fitovian-jo,mandray anjara amin'ny asam-panjakan'ny fireneny. » sy ny Toromarika Ankapobeny n°25, para. 4 et para.19 :*<br><br>*Para. 4: « Ny fepetra rehetra ampiharina amin'ny fanatanterahana ny zo arovan'ny andininy faha-25 dia tokony hiorina amin'ny fepetra mazava sy azo ekena. Noho izany, azo atao ny mampiakatra ny taona farany ambany mba ho azo fidiana na tendrena amina toerana manokana amin'ny asam-panjakana na ampiasa ny zo andatsa-bato izay tokony hositrahan'ny olon-dehibe tsirairay hanaiky 1 / noraisin'ny Komity tamin'ny fivoriana 1510 (fivoriana dimampolo amby dimampolo), ny 12 jolay 1996. CCPR / C / 21 / Rev.1 / Add.7 pejy 3. Ny fampiharana ireo zon'ireo olom-pirenena ireo dia tsy azo ahantona fotsiny na foanana afa-tsy noho ny antony voalazan'ny lalàna, izay antonony sy tanjona. Noho izany, azo atao ny manamarina ny fandavana ny zo hifidy na fiasana amin'ny fanjakana ho an'ny olona iray izay manana fahasembanana ara-tsaina. »*<br><br>*-Para. 16: «Ny fepetra mikasika ny daty hametrahana ny firosahan-kofidiana, ny saran'ny firotsahana na ny antoka takiana dia tokony ho ara-drariny sy tsy manavakavaka. Raha misy antony azo antoka fa ny andraikitry ny olom-boafidy dia tsy tsy mifanaraka amin'ny toerana sasantsasanyy (ohatra mpiasa ny Fitsarana, manamboninahitra, mpiandraikitra ambony, mpiasam-panjakana), ny fepetra hisorohana ny fifanggroana ny tombontsoa dia tsy tokony hampihemotra ny zon'ny olona arovan'ny andalana (b). Ny antony hanonganana olom-boafidy amin'ny asa hiandraiketany dia tokony hiorina amin'ny antony mazava, sy tsy mirona sy ara-drariny ary manomana mialoha fepetra tsy mitalina »* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| ***HAINO AMAN-JERY*** | | | | | |
| **14** | ***Fiatrehana ny fandikan-dalàna sy fahasarotan'ny asa fanaovan-gazety.*** <br> Eo amin 'ny fanaovana ny asany, dia miatrika ny voalazan'ny fehezan-dalàna 2016 manery, momba ny fifandraisana, ary manasazy mafy ny fandikan-dalàna eo amin'ny asa fanaovan-gazety, ampifandraisaina amin'ny fehezan-dalànan'ny heloka bevava, ao amin'ny andininy sasany, toy ny fanohintohinana ny fitondran-tena mendrika, ny fahamendrehan'ny firenena, ny fiainana manokana. <br><br> ***[Pejy 23 sy 25]*** | - Iantohana ny fahalalahana mamoaka hevitra sy ny fahalalahan'ny gazery. <br> - Foanana ny fanasaziana mpanao gazety amin'ny fandikan-dalàna eo amin'ny asa fanaovan-gazety toy ny fanohintohinana ny fitondran-tena mendrika, ny fahamendrehan'ny firenena, ny fiainana manokana. <br> - Havaozina ny sazy ara-bola voalazan'ny fehezan-dalànan'ny fifandraisana, amin'ny fijerena ny tolo-kevitra nataon'ny Hetsika ho an'ny Fahafahana maneho hevitra. | Lalàna n°2016 – 029 mikasika ny fehezan-dalana Fifandraisana, and.27, 33. <br><br> Fehezan-dalàna ny heloha bevava, and.59, 60 | Antenimiera | ***Fahalalahana maneho hevitra sy fahalalaham-pitenenana*** <br> *- Fifanekena iraisam-pirenena momba ny zo sivily sy politika, and.19: "- Fifanekena iraisam-pirenena momba ny zo sivily sy politika, art.19: "1. Tsy misy olona tokony hananana fanahiana noho ny heviny. 2. Ny olon-drehetra dia manan-jo hanana fahalalahana miteny; Anisan'izany zo izany ny fahafahana mitady, mandray sy mizara fampahalalana sy hevitra isan-karazany, na inona na inona sisin-tany, amin'ny endrika am-bava, soratra, dika na artistika, na amin'ny fomba hafa amin'ny safidiny. "* <br> *- Sata Afrikana ny Zon'olombelona sy ny vahoaka, and.9 : « Ny olona tsirairay dia manan-jo hahazo vaovao. Ny olona tsirairay dia manan-jo haneho sy hampiely ny fomba fijeriny mifanaraka amin'ny lalàna sy fitsipika. »* <br> *- Fanambarana iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona, faha-19: « Ny olon-drehetra dia manan-jo hanana fahalalahana maneho hevitra, izay midika fa tsy tokony atahotra amin'ny heviny, handray ary hanaparitaka, tsy misy fijerna sisintany, fampahalalana sy hevitra avy amin'ny na inona na inona fanehoana izany. »* |
| **15** | ***Tsy misy tompon'andraikitry ny fanaraha-mason'ny haino aman-jery ao amin'ny rafitra ofisialy mandritra ny fifidianana.*** <br><br> Mbola tsy miasa ny Fahefana Avo misahana ny Fifandraisana amin'ny Haino aman-jery, voalazan'ny fehezan-dalànan'ny fifandraisana sy ny Lalàna Fehizoro nº 2018-008, izay tompon'andraikitra manara-maso ny sehatry ny haino aman-jery. Noho izany, ny CENI no nandray ny anjara asan'ny mpanara-maso nandritry ny fampielezan-kevitry ny fifidianana 2018. <br><br> ***[Pejy 23 sy 24]*** | - Fametrahana ny Fahefana Avo misahana ny Fifandraisana amin'ny Haino aman-jery sady fiantohana ny fahaleovantenany manoloana ny fahefana mpanatanteraka. Etsy an-danin'izay, tokony hamafifina ny fahaiza-manao eo amin'ny lafiny asa, lalàna sy teknika ahafahany manatanterak feno ny anjara asany amin'ny maha-mpanara-maso azy. | Loi n°2016 – 029 mikasika ny fehezan-dalanan'ny Fifandraisana <br> Fehezan-dalanan'ny Fifandraisana, Toko II, and. 51, 52 sy 53 <br> Lalàna Fehizoro nº 2018-008, and.92, 111-116 | Antenimiera <br> ANRCM | ***Fahalalahana maneho hevitra sy fahalalaham-pitenenana/*** <br> ***Ny Fanjakana dia tokony handray ny fepetra ilaina mba hisitrahana ny zo*** <br> *- Fifanekena iraisam-pirenena momba ny zo sivily sy politika, and.19: "- Fifanekena iraisam-pirenena momba ny zo sivily sy politika, art.19: "1. Tsy misy olona tokony hananana fanahiana noho ny heviny. 2. Ny olon-drehetra dia manan-jo hanana fahalalahana miteny; Anisan'izany zo izany ny fahafahana mitady, mandray sy mizara fampahalalana sy hevitra isan-karazany, na inona na inona sisin-tany, amin'ny endrika am-bava, soratra, dika na artistika, na amin'ny fomba hafa amin'ny safidiny. "* <br> *- Sata Afrikana Mikasika ny Demokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara, Toko VII and.17 : « Manao izay mety mba hanana fidirana mitovy ao amin'ny haino* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | *aman-jerim-panjakana ny kandidà sy ny antoko, mandritra ny fifidianana."*<br>*- Fanambarana iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona, faha-19: « Ny olon-drehetra dia manan-jo hanana fahalalahana maneho hevitra, izay midika fa tsy tokony atahotra amin'ny heviny, handray ary hanaparitaka, tsy misy fijerna sisintany, fampahalalana sy hevitra avy amin'ny na inona na inona fanehoana izany. »*<br>*- Fanambarana miaraka momba ny haino aman-jery sy ny fifidianana nataon'ny Mpitatitra manokana ny Firenena Mikambana mikasika ny fampiroboroboana sy fiarovana ny zo ho an'ny fahalalahana maneho hevitra sy ny fanehoan-kevitra, ny solontenan'ny OSCE momba ny fahalalahan'ny fampitam-baovao, ny Mpitatitra manokana OEA ho an'ny Fahalalahana maneho hevitra ary ny Mpitatitra manokana momba ny fahalalahana maneho hevitra sy ny fahazoana ny vaovaon'ny Vaomiera Afrikana momba ny zon'olombelona sy ny vahoaka.* |
| **16** | ***Nandritra ny fampielezan-kevitra : fifangaroana teo amin'ny vaovao/ny firehan-kevitry ny haino aman-jery sy ny propagandy.***<br>Amin'ny ankapobeny, tsy nanao fanavahana mazava tamin'ny vaovao, ny tsanga-keviny sy ny propagandy (andoavam-bola) ny haino aman-jery amin'ny fotoan'ny fampahalalam-baovao. Ankoatr'izay, nandritry ny fampielezan-kevitra ho an'ny fifidianana 2018, ny tombotsoa no nanjaka tamin'ny famoahana ny vaovaon'ny haino aman-jery tsy miankina, izay lasa mpandraharaha, ary izany, na amin'ny fanomezana ampaha-potoana handoavam-bola, na amin'ny fivarotana ny fandrakofana ny famoriam-bahoakan'ny kandidà.<br>***[Pejy 25 sy 26]*** | - Fanavahana ny vaovao sy ny propagandy.<br>- Fanerena ny haino aman-jery hamoaka mazava tsara ny maha dokam-barotra ny hafatra, ary hamaritra ny fepetra momba ny fandefasana dokam-barotra politika.<br>- Fanavaozana ny fepetra fidirana amin'ny haino aman-jery tsy miankina, amin'ny fanomezana fahafahana mividy fotoana fanaovana dokam-barotra ho an'ny antoko mpifaninana rehetra, amin'ny fepetra sy sarany mitovy. | Satan'ny Etika<br>Lalàna Fehizoro n°2018-008 | Ny mpanao gazety, ny holafitry ny mpanao gazety, ny haino aman-jery sy ny GEPIMM (Groupement des Éditeurs de Presse d'Information Multimédia de Madagascar)<br>Antenimiera | ***Fisorohana ny kolikoly/Fitoviana amin'ny vanim-potoanan'ny fampielezan-kevitra/ Fangaharahana sy fahazoana vaovao.***<br>*- Ny Satan'ny Etika tao Munich 1971.*<br>*- Fanambarana miaraka momba ny haino aman-jery sy ny fifidianana nataon'ny Mpitatitra manokana ny Firenena Mikambana mikasika ny fampiroboroboana sy fiarovana ny zo ho an'ny fahalalahana maneho hevitra sy ny fanehoan-kevitra* |
| **17** | ***Fahabangana amin'ny ampahany eo amin'ny lalàna momba ny fanaraha-maso ny fakan-kevitra.*** | - Havaozina ny lalàm-pifidianana hampidirana lalàna manokana mifehy ny fakan-kevitra (vanim-potoana, | Lalàna fehizoro n°2018-008, and.118, 228 | Antenimiera, Governemanta sy CENI | ***Fahalalahana maneho hevitra sy fahalalahana miteny / Fanjakana tan-dalàna***<br>*-Fanambarana iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona, and-19: « Ny tsirairay dia manana zo* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | Ny lalàm-pifidianana dia tsy mandrara ny fakan-kevitra raha tsy amin'ny vanim-potoan'ny fampielezan-kevitra sy ny andron'ny tsy fanehoan-kevitra mandritry ny fandatsaham-bato. Misy fahabangana eo amin'ny lalàna ho an'ny vanim-potoana mialoha ny fanentanana sy ny andron'ny fifidianana ary koa alohan'ny famoahana ny vokatra vonjimaikan'ny CENI sy ny fanambaran'ny HCC ny vokatra farany.<br><br>***[Pejy 23]*** | fepetra, sazy).<br>Ny lalàm-pifidianana dia tsy mandrara ny fakan-kevitra raha tsy amin'ny vanim-potoan'ny fampielezan-kevitra sy ny andron'ny tsy fanehoan-kevitra mandritry ny fandatsaham-bato. Misy fahabangana eo amin'ny lalàna ho an'ny vanim-potoana mialoha ny fanentanana sy ny andron'ny fifidianana ary koa alohan'ny famoahana ny vokatra vonjimaikan'ny CENI sy ny fanambaran'ny HCC ny vokatra farany. | | | *amin'ny fahafahana maneho hevitra, izay midika zo tsy tokony hiahiahy momba ny heviny sy zo hitady, zo handray ary hampiely, tsy misy fijerena sisin-tany, ny vaovao sy ny hevitra na inona na inona fomba fanehoana izany.»*<br>*- Fifanekena iraisam-pirenena momba ny zo sivily sy politika, and.19: "- Fifanekena iraisam-pirenena momba ny zo sivily sy politika, art.19: "1. Tsy misy olona tokony hananana fanahiana noho ny heviny. 2. Ny olon-drehetra dia manan-jo hanana fahalalahana miteny; Anisan'izany zo izany ny fahafahana mitady, mandray sy mizara fampahalalana sy hevitra isan-karazany, na inona na inona sisin-tany, amin'ny endrika am-bava, soratra, dika na artistika, na amin'ny fomba hafa amin'ny safidiny. "*<br>*- Sata Afrikana ny Zon'olombelona sy ny vahoaka, and.9 : " Ny olon-drehetra dia manan-jo hahazo vaovao. Ny olon-drehetra dia manan-jo haneho sy hampiely ny fomba fijeriny mifanaraka amin'ny lalàna sy fitsipika."* |
| **18** | ***Fitovian'ny fotoana omena ny kandidà, ho faritana.***<br>Ny lalàm-pifidianana, ao amin'ny andininy 110, 116 sy 117, dia milaza fa ny fitsipiky ny fitovian'ny fotoana omena ny kandidà dia tsy mihatra amin'ny fandaharana mivohy fandaharana natokana ho an'ny propagandy.<br><br>***[Pejy 24]*** | - Avaozina ny lalàm-pifidianana mba hampidirana ny fandaharana natokana ho an'ny propagandy ao amin'ny fotoana omena ny kandidà ary havahana araky ny karazana fifidianana. | Lalàna fehizoro n°2018-008, and.110, 116 sy 117 | Antenimiera, Governemanta sy CENI | ***Fahalalahana maneho hevitra sy fahalalahana miteny / Fisorohana ny kolikoly/ Fitoviana amin'ny vanim-potoan'ny fampielezan-kevitra***<br>*- Fifanekena iraisam-pirenena momba ny zo sivily sy politika, and.19: "- Fifanekena iraisam-pirenena momba ny zo sivily sy politika, art.19: "1. Tsy misy olona tokony hananana fanahiana noho ny heviny. 2. Ny olon-drehetra dia manan-jo hanana fahalalahana miteny; Anisan'izany zo izany ny fahafahana mitady, mandray sy mizara fampahalalana sy hevitra isan-karazany, na inona na inona sisin-tany, amin'ny endrika am-bava, soratra, dika na artistika, na amin'ny fomba hafa amin'ny safidiny. "*<br>*- Sata Afrikana Mikasika ny Demokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara, chapitre VII art.17 : « Atao izay hitovian'ny fidiran'ny antoko sy kandidà mandray anjara amin'ny fifidianana ao amin'ny haino aman-jerim-panjakana mandritry ny fifidianana."*<br>*- Fanambarana miaraka momba ny haino aman-jery sy fifidianana avy amin'ny mpanao tatitra manokan'ny Firenena mikambana amin'ny* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | *fammpiroboroboana ny fiarovana ny zo amin'ny fahalalahana haneho hevitra : « Ny fanavakavahana rehetra ataon'ny haino aman-jery, mifototra amina firehana politika na antony hafa fantatra, amin'ny fanomezana na fampandoavana dokam-barotra poiltika, dia tsy ara-dalàna illégale raha eken'ny lalàna ireny dokam-barotra ireny».*<br>*- Fanambarana iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona, and.19 : « Ny tsirairay dia manana zo amin'ny fahafahana maneho hevitra, izay midika zo tsy tokony hiahiahy momba ny heviny sy zo hitady, zo handray ary hampiely, tsy misy fijerena sisin-tany, ny vaovao sy ny hevitra na inona na inona fomba fanehoana izany. "* |
| ***FANDRAISAN'ANJARAN'NY VEHIVAVY*** | | | | | |
| **19** | ***Solon-tena tsy mifandanjan'ny vehivavy ao amin'ny fiainana politika sy amin'ny toeran'ny olom-boafidy, ary indrindra ao amin'ny CENI sy ny fanaraha-mason'ny fifidianana.***<br><br>***[Pejy 8/ 26 sy 27]*** | - Dinihina ny fampidirana fepetra mampirisika ho an'ny toeran'ny olom-boafidy ary mametraka fepetra fanampiny mba hiantohana ny fanaraha-maso sy fanombanana ireo fepetra noraisin'ny CNIDH na fikambanana mbola ho faritana.<br><br>-Manao hetsika fanentanana nasionaly momba ny tombontsoa azo amin'ny fampiroboroboana ny miralenta sy ny fampiharana azy. | Lalàna fehizoro n° 2018-008<br>Lalàna mametraka ny fepetra fampiroboroboana ny fitovian'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fidirana amin'ny asa fanendrena sy fifidianana. | Mpanao lalàna<br>Antenimiera<br>HCC<br>CNIDH<br>Fiarahamonimpirenena<br>Mpiara-miasa teknika sy mpamatsy vola | ***Fandraisana anjaran'ny vehivavy eo amin'ny fiainam-pirenena***<br>*- Fanambarana iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona, and. 2, 7 sy 21 para.2 :*<br>*And.2 : « Ny tsirairay dia afaka mampiasa ny zo sy fahalalahana rehetra ambara ao amin'ity fanambarana ity tsy misy fanavakavahana na inona na inona, anisan'izany ny firazanana, loko, lahy sy vavy, fiteny, fivavahana, hevitra politika na hevitra hafa (avy amin'ny fiirenena na fiaraha-monina), harena, na toe-javatra hafa […]. »*<br>*And. 7: « Ny rehetra dia mitovy eo anatrehan'ny lalàna ary manana zo, tsy an-kanavaka, amin'ny fiarovan'ny lalàna, mitovy. Ny rehetra dia manan zo fiarovana mitovy, amin'ny fanavahana rehetra izay mandika ity fanambarana ity sy amin'izay mety hahtonga izany fanavahana izany. »*<br>*And. 21 para. 2: « Ny tsirairay dia manana zo hiditra, ao anaty fepetra tsy miangatra, amin'ny asam-panjakana ao amin'ny fireneny. »*<br>*- Fifanarahana mikasika ny fanavakavahana amin'ny endriny rehetra atao amin'ny vehivavy (CEDEF), sasin-teny, and. 4 para.1: « Ny fandraisan'ny Firenena mpandray anjara fepetra manokana, amin'ny fotoana voafetra, mikendry hanafaingana ny fametrahana fitoviana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy, dia tsy raisina ho toy ny fanavakavahana araka izay voafaritra ao amin'ity Fifanarahana ity, saingy tsy* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | *tokony hiteraka fihazonana tsy fitoviana na fari-pitsipika samihafa; ireo fepetra ireo dia tokony hofoanana raha vantany vao tratra ny tanjona eo amin'ny fitoviana."*<br>*Sy and. 7 :*<br>*"Ny Firenena mpandray anjara dia mandray ny fepetra mifanaraka amin'izany mba hanafoanana ny fanavakavahana atao amin'ny vehivavy eo amin'ny fiainana potilika sy fiainam-bahoaka, ary indrindra hanome toky azy ireo, amin'ny fepetra mitovy amin'ny lehilahy, ny zo : a) hifidy amin'ny fifidianana sy fitsapan-kevi-bahoaka rehetra sy ho azo fidiana amin'ny rafi-panjakana rehetra ; b) handray anjara amin'ny famolavolana ny politikan'ny fanjakana sy amin'ny fanatanterahana izany, mitazona biraom-panjakana ary manatanteraka ny asam-panjakana amin'ny ambaratonga rehetran'ny governemanta ; d)handray anjara amin'ny fikambanana tsy miankina amin'ny governemanta, mifandraika amin'ny fiainam-bahoaka sy ara-politikan'ny firenena."*<br><br>*Sy ny fanamarihana ankapobeny n° 23 : « Fiainana politika sy fiainam-bahoaka : "Ny Firenena mpandray anjara dia mandray ny fepetra mifanaraka amin'izany mba hanafoanana ny fanavakavahana atao amin'ny vehivavy eo amin'ny fiainana potilika sy fiainam-bahoaka, ary indrindra hanome toky azy ireo, amin'ny fepetra mitovy amin'ny lehilahy, ny zo : a) hifidy amin'ny fifidianana sy fitsapan-kevi-bahoaka rehetra sy ho azo fidiana amin'ny rafi-panjakana rehetra ; b) handray anjara amin'ny famolavolana ny politikan'ny fanjakana sy amin'ny fanatanterahana izany, mitazona biraom-panjakana ary manatanteraka ny asam-panjakana amin'ny ambaratonga rehetran'ny governemanta ; d)handray anjara amin'ny fikambanana tsy miankina amin'ny governemanta, mifandraika amin'ny fiainam-bahoaka sy ara-politikan'ny firenena."*<br>*- PIDCP, and. 3: « Ny firenena mpandray anjara amin'ity Fifanekena ity dia manao ezaka mba hiantohana ny zo mitovy ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny fisitrahany ny zo sivily sy politika rehetra voalaza ao amin'ity Fifanekena ity. »*<br>*- Sata Afrikana Mikasika ny Demokrasia, Fifidianana* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | *ary Fitantanana Tsara, Toko II, and. 2, para. 11: « Mampiroborobo ny miralenta sy ny fitoviana eo amin'ny fitantanana sy ny fandrosoana. » Sy toko III, and. 3 para. 6: « Fampiroboroboana ny fitovian'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny sehatra tsy miankina amin'ny fanjakana. »*<br>*- Firaketana ny sata afrikanina momba ny zon'olombelona sy ny vahoaka momba ny zon'ny vehivavy, and. 2 sy and.9*<br>*« Fampiroboroboana ny fitovian'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny sehatra tsy miankina amin'ny fanjakana. "*<br>*And.2 : «Miady amin'ny fanavakavahana atao amin'ny vehivavy amin'ny endriny rehetra amin'ny alalan'ny fananganana fepetra araka ny lalàna, ny rafitra ary ny fepetra hafa ny fanjakana. Noho izany, dia: a) apetraka amin'ny lalàm-panorenana sy ny lalàna hafa, raha mbola tsy vita izany, ny fitsipiky ny fitoviana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy, ary hiantohana ny fampiharana izany; b) mandany sy mampihatra amin'ny fomba mahomby ny fepetra ara-dalàna, anisan'izany ireo mandrara sy mamehy ny endrika fanavakavahana rehetra, sy ny fanao ratsy izay mampidi-doza ny fahasalamana sy fahasambaran'ny vehivavy; c) ny olan'ny vehivavy dia ampidirina ao amin'ny fanapahan-kevitra politika, ny lalàna, ny fampandrosoana, ny drafitra, ny fandaharan'asa fampandrosoana, ary amin'ny lafiny hafa rehetra amin'ny fiainana; d) mandray fepetra tsara hanitsiana ny lafiny izay mbola ahitana fanavakavahana atao amin'ny vehivavy; 5 e) tohanana ny fandraisana andraikitra eo amin'ny faritra, eo amin'ny firenena, eo amin'ny kontinanta hikendrena hanaofoanana ny endrika fanavakavahana rehetra atao amin'ny vehivavy.. 2. « Ireo firenena dia manolo-tena amin'ny fanovàna ny kisarisary sy ny fomba fitondran-tena ara-piarahamonina sy ara-kolotsainan'ny vehivavy sy ny lehilahy. Mametraka fanabeazana olom-pirenena amin'ny alàlan'ny paikadin'ny fampahalalam-baovao, fanabeazana sy fifandraisana, mba hahazoana manafoana ny fanao ara-kolontsaina sy nentim-paharazana mamoehatra rehetra ary fanao hafa mifototra amin'ny hevitra fahamboniana na fahambaniana, na amin'ny anjara asa heverina ho an'ny vehivavy sy ny lehilahy. » And. 9 : 2. « 1. Ny firenena dia manao hetsika manokana ho fampiroboroboana ny fitantanana sy fandraisana* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | *anjara mitovy ho an'ny vehivavy eo amin'ny fiainam-pireneny, amin'ny alàlan'ny hetsika manamafy sy ny lalàna nasionaly ary fepetra hafa mba ahazoana antoka fa: a) Ny vehivavy dia mandray anjara amin'ny fifidianana rehetra tsy misy fanavakavahana; b) Ny vehivavy dia mitovy amin'ny lehilahy amin'ny ambaratonga rehetra, ao amin'ny zotram-pifidianana; (c) ny vehivavy dia mpiara-miasa mitovy amin'ny lehilahy amin'ny sehatra rehetra amin'ny fampandrosoana sy ny fampiharana ny politikan'ny fampandrosoana ny governemanta. 2. Ny Fanjakana dia manome antoka ny fisoratana anarana sy ny fandraisana anjaran'ny vehivavy eo amin'ny ambaratonga rehetra amin'ny fanapahan-kevitra. "- Fifanarahana mikasika ny miralenta sy fampandrosoanan' ny SADC tamin'ny 2007.* |
| ***ZON'OLOMBELONA SY VONDRON'NY OLONA MAREFO*** | | | | | |
| **20** | ***Sokajina mpifidy voahilika amin'ny zotra-pifidianana noho ny zava-misy.***<br>Ny olona migadra vonjimaika sy ireo marary eny amin'ny hopitaly dia tsy afaka nandray anjara tamin'ny fifidianana satria tsy afaka nandalo ny dingan'ny fanoratana anarana sy ny fandatsaham-bato ny andron'ny fifidianana.<br><br>***[Pejy 27 sy 28]*** | - Mampiditra fepetra ao amin'ny lalàna ahafahan'ny CENI mampihatra rafitra iantohana ny fidiran'ny olona migadra vonjimaika sy ireo marary eny amin'ny hopitaly ao amin'ny dingan'ny fifidianana (dingana fanoratana anaran'ny mpifidy sy fizakany ny zo hifidy ny andron'ny latsa-bato). | Lalàna fehizoro nº 2018-008 | | ***Zo sy fahafahana mifidy/ Fifidianana andraisan'ny rehetra anjara***<br>*- PIDCP art. 2 para.1: "Ireo firenena mpandray anjara eto amin'izao fifanekena izao dia manaiky hanaja sy hiantoka ny olona tsirairay ao amin'ny faritaniny ary hanaiky ny fahefany amin'ny zon'izy ireo araky ny Fifanekena amin'izao fotoana izao, tsy misy fahasamihafany na inona na inona, anisan'izany ny firazanana, loko, firaisana fiteny, fivavahana, hevitra politika na fanehoan-kevitra hafa momba ny fiaviana na fiaraha-monina, harena, fahaterahana na toe-javatra hafa."- PIDCP and. 10 para.2: « 1. Ny olona tsirairay izay very fahalalahana dia amin'ny maha olombelona sy amin'ny fanajana ny fahamendrehana amin'ny maha olombelona. »*<br>*- PIDCP and. 25 : « «Ny olom-pirenena tsirairay dia manana ny zo sy ny fahafahana, tsy misy fanavakavahana voalaza ao amin'ny Andininy faha-2 ary tsy misy fepetra amerana tsy amin'antony: Mandray anjara amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena, mivantana na amin'ny alalan'ny solontenany voafidy malalaka;b) hifidy sy ho fidiana, amin'ny fifidianana tsy tapaka sy marina, amin'ny alalana fifidianana andraisan'ny rehetra anjara, latsabato tsy mitanila sy miafina, miantoka ny fanehoana ny fahalalahana maneho ny safidin'ny* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | *mpifidy; d) Ny fahafahana, araka ny fepetra ankapobeny momba ny fitovian-jo,mandray anjara amin'ny asam-panjakan'ny fireneny. »*<br>*Sy ny Toromarika Ankapobeny no 25,*<br>*Para.11: « Ireo firenena dia tokony handray fepetra mahomby mba hahazoana antoka fa manana fahafahana hampihatra io zo io ny olona rehetra izay mahafeno fepetra rehefa ilaina ny fisoratana anarana hifidy, tokony hamoraina izany ary tsy tokony hisy sakana tsy an'antony amin'ny fisoratana anarana. Raha ampiharina amin'ny fisoratana anarana ny fepetra misy ny toeram-ponenana, dia tsara kokoa ny mandanjalanja izany mba tsy hiteraka fanilihana an'ireo tsy manan-kialofana. Ny fanelingelenana ny fizotran'ny fisoratana anarana na ny fitsapan-kevitra, ary koa ny fampitahorana na faneriterena ny mpifidy, dia tokony ho voararan'ny lalàna heloka bevava, ary tokony hampiharina tanteraka ireo lalàna ireo. Fanentanana momba ny fanabeazana sy fanoratana anaran'ny mpifidy dia ilaina mba hiantohana ny fampiharana ny zon'ny fizarana 25 amin'ny alalan'ny fiarahamonina voamarina."* |
| **21** | ***Tsy nojerena tsara ny filàna manokan'ny olona voan'ny fahasembanana (PSH).***<br><br>Ny olona sembana na ny mpifidy be taona na sahirana rehefa mandeha dia tojo sakana rehefa hiditra ao amin'ny toerana hanaovana fandatsaham-bato sy ampihatra ny zony amin'ny herin'ny tenany.<br><br>***[PEJY 28]*** | Atao izay mety mba ahafahan'ny olona tsy dia afaka mihetsika loatra, hidirana ny toeram-pifidianana ka hisitraka ny zony hifidy amin'ny herin'ny tenany izy ireo. Maminavina vahaolana hafa ho an'ireo tsy afaka mamonjy ny toeram-pifidianana. Manao fanentanana ho an'ny daholobe momba ny zo manokana sy ny filana manokan'ireo sokajy ireo mba hampitomboina ny fandraisany anjara sy ny fisoloan-tenany eo amin'ny fiainana politika. | Lalàna Fehizoro nº 2018-008, and.158 | Mpanao lalàna<br>Antenimiera<br>HCC<br>CENI<br>Fiarahamonimpirenena | ***Zo sy fahafahana mifidy/ Fifidianana andraisan'ny rehetra anjara***<br>*- PIDCP, and. 25 sy ny Toromarika Ankapobeny no 25, para. 20*<br>*And.25 : « «Ny olom-pirenena tsirairay dia manana ny zo sy ny fahafahana, tsy misy fanavakavahana voalaza ao amin'ny Andininy faha-2 ary tsy misy fepetra amerana tsy amin'antony: Mandray anjara amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena, mivantana na amin'ny alalan'ny solontenany voafidy malalaka;b) hifidy sy ho fidiana, amin'ny fifidianana tsy tapaka sy marina, amin'ny alalana fifidianana andraisan'ny rehetra anjara, latsabato tsy mitanila sy miafina, miantoka ny fanehoana ny fahalalahana maneho ny safidin'ny mpifidy; d) Ny fahafahana, araka ny fepetra ankapobeny momba ny fitovian-jo,mandray anjara amin'ny asam-panjakan'ny fireneny. »*<br>*Toromarika Ankapobeny no 25, para.20 : « […] Ny fanampiana omena ny kilemaina, ny jamba ary ny tsy mahay taratasy dia tokony hahaleo tena. Ny mpifidy dia tokony hahafantatra tsara ireo antoka ireo. »* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | *-Fifanarahana mikasika ny zon'ny olona manana fahasembanana, Andininy faha 29 : « Fandraisana anjara amin'ny fiainana politika sy fiainam-bahoaka. »* |
| ***FANARAHA-MASO NY FIFIDIANANA*** | | | | | |
| **22** | ***Tsy voalaza ao amin'ny lalàna ny fahatongavan'ny mpanara-maso iraisam-pirenena mandritra ny fikirakirana ny vokatra.***<br><br>Satria tsy volazan'ny lalàm-pifidianana ny momba ny fahatongavan'ny mpanara-maso iraisam-pirenena nandritra ny dingana fikirakirana ny vokatra tao amin'ny SRMV, dia namoaka torolàlana ho an'ny filohan'ny SRMV ny CENI ny 14 desambra 2018, mangataka azy ireo hamela io sokajy mpanara-maso io hjery ny dingana.<br>***[Pejy 29 sy 32]*** | Avaozina ny andininy 188 amin'ny Lalàna Fehizoro N° 2008-008 mba hiantohana, mandritra ny fizotran'ny fikirakirana ny vokatra ao amin'ny SRMV, ny fidiran'ny mpanara-maso iraisam-pirenena (fa tsy ny eto an-toerana fotsiny ihany). | Lalàna Fehizoro n°2018-008, art. 188. | Mpanao lalàna<br>CENI<br><br>Fiarahamonimpirenena | ***Firenena tan-dalàna/ Ny fanjakana dia tokony mandray ny fepetra ilaina mba hisitrahana ny zo***<br>***Fangaraharana sy fahazoana vaovao***<br>*- Sata Afrikana Mikasika ny Demokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara,*<br>*Toko II, al. 4 : « Ny fifidianana demokratika dia tokony hokarakaraina ampahalalahana sy amin'ny fomba mangarahara.»*<br>*- Sata Afrikana Mikasika ny Demokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara (art. 19 al. 2 : « Ny firenena mpandray anjara dia miantoka ny fiarovana ny iraka fanaraha-maso ny fifidianana, ny fahazoana malalaka ny vaovao, ny tsy fitsabatsahana amin'ny asany, ny fivezivezena malalaka ary ny fiaraha-miasa feno amin'ny iraka mpanar-maso ny fifidianana. »*<br>*- Fitsipika sy toro lalanan'ny SADC, mifehy ny fifidianana demaokratika, al. 2.1.4 : « Manandratra ny fangaraharan'ny fifidianana amin'ny alàlan'ny fametrahana ny fototry ny fanaraha-maso tsy mialon-jafy ny fifidianana nasionaly (…) ».*<br>*Fitsipika sy toro lalanan'ny SADC, mifehy ny fifidianana demaokratika, al. 4.1.6 : « Manome lanja ireo fepetra ilaina mba hampiroboroboana ny mangarahara (…) ».*<br>*-Fanambarana ny fitsipika momba ny fandinihana ny fifidianana iraisam-pirenena, and.12b*<br>*« Miantoka ny fidiran'ny iraka iraisam-pirenena momba ny fifidianana amin'ny dingana rehetra ny fifidianana sy amin'ireo teknolojim-pifidianana, indrindra ny teknolojia elektronika. (…) ».* |
| **23** | ***Fifandrindrana eo amin'ny vondron'ny mpanara-maso nasionaly.*** | Manamafy ny rafitra fanaraha-maso nasionaly mba hiroso any amin'ny fandrindrana sy fandaminana bebe kokoa, amin'ny:<br>(i) fisafidianana ireo birao fandatsaham-bato ahitana | | Fiarahamonimpirenena<br>Mpiara-miasa teknika sy | ***Fomba fanao tsara***<br>*- Sata Afrikana Mikasika ny Demokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara, art. 12 al. 3 : « famoronana ny fepetra araka ny lalàna izay mampiroborobo ny* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | *Ny fandrosoana efa naharitradia nisy teo amin'ny fifandrindran'ny vondrona mpanara-maso nasionaly* tamin'ny alalan'ny, anisan'izany, fifanakalozana ny taratasy fanaraha-maso, ny zava-baovao izay nametrahana voalohany, vondron'olona vitsy nanao fiambenana.<br><br>***[Pejy 29]*** | toe-javatra tsy fahita, fihetsika tsy mahazatra ataon'ny mpifidy (fandraisana anjara ambany sy ambony);<br>(ii) fanamorana ny fametrahana vondron'olona vitsy manao fiambenana. | | mpamatsy vola | *fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena ».*<br>*- Fitsipika sy toro lalanan'ny SADC, mifehy ny fifidianana demaokratika, al. 2.1.4 : « Mampiroborobo ny fahamarinan'ny fifidianana amin'ny fametrahana fototra sahaza ho fanaraha-maso tsy mialonjafy ny fifidianana(…) ».*<br>*- Fitsipika sy toro lalanan'ny SADC, mifehy ny fifidianana demaokratika, al. 4.1.1 : « famporisihana ny fandraisan'anjara feno ny olom-pirenena amin'ny zotra demokratika sy fampandrosoana ».* |
| ***DISADISAM-PIFIDIANANA SY DINGANA MANOKANN'NY HCC FANANGONANA NY VOKATRA*** | | | | | |
| **24** | ***Fe-potoana sy rafitra ampiharin'ny HCC an-kamehana « amin'ny fotoana farany », amin'ny dingan'ny famoahana ny vokatra vonjimaika.***<br><br>***[Pejy 34 sy 35]*** | **Tolo-kevitra lahara-pahamehana**<br><br>**Hazavaina ny fitsipiky ny fetr'andro ao antin'ny fehezan-dalàna mba iantohana araka ny lalàna ao anaty dingana mazava sy voafaritra mialoha.** | Lalàna Fehizoro nº 2018-008<br>Lalàna Fehizoro nº 2018-009 | Mpanao lalàna<br>Antenimiera<br>HCC | ***Tany tan-dalàna Zo ho an'ny fampiakaran-draharaha mahomby /Tokony handray fepetra ny Fanjakana***<br>*- PIDCP, and. 2 para. 2 sy 3, and.25 sy ny Toromarika Ankapobeny nº 25, paragraphe 20*<br>*And.2. para.2 : « Ny Firenena mpandray anjara amin'ity fifanekena ity dia manaiky hanao, araka ny fepetran'ny lalàm-panorenana sy ny fepetra voalazan'ny Fifanekena, fandaminana tokony ahafahana mandany lalàna na fepetra hafa toy izany mba hanatanterahana ny zo eken'ny Fifanarahanaizay mety mbola tsy mihatra.»*<br>*- PIDCP, and. 2 para.3 :*<br>*And.2 para.3 : « Ny firenena mpandray anjara amin'ity fifanekena ity dia vonona: a) Hiantoka ny fahafan' izay olona manana zo sy fahalalahana (eken'io fifanarahana io) voahitsakitsaka, hametraka fampiakarana, eny na dia nataon'ny olona nandritra ny fanaovan'ny adidiny ofisialy aza izany fanitsakitsahana izany.; b) Hiantoka fa ny fahefana mahefa, ara-pitsarana,ara-pitantanana na fahefana mpanao lalàna, na izay fahafana hafa mahefa araka ny lalàm-panjakana, dia handidy amin'ny zon'ny mpanaraka ary hampivelatra ny fahafahana hampiaka-draharaha; c) hiantoka tsara ny fanaraha-maso sahaza ataon'ireo manam-pahefana mahefa amin'ny fampiakarana*<br>*And. 25 : « Ny olom-pirenena tsirairay dia manana ny zo sy ny fahafahana, tsy misy ny fanavakavahana voarakitra ao amin'ny Andininy faha-2 ary tsy misy famerana tsy misy antony: a) ny mandray anjara* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | *amin'ny fitantanana ny raharaham-bahoaka, na mivantana na amin'ny solontena voafidy malalaka; b) ny mifidy sy ny ho voafidy, amin'ny fifidianana tsy tapaka sy marina, amin'ny fifidianana manerantany sy mitovy ary amin'ny latsa-bato miafina, manome toky ny fahalalahana maneho ny sitrapon'ny mpifidy; d) Ny fahazoana miditra, amin'ny fepetra ankapobeny momba ny fitoviana, amin'ny asam-panjakana ao amin'ny fireneny. » Toromarika Ankapobeny n° 25, Para.20: « […] Tokony hisy fanadihadiana mahaleotena amin'ny fifidianana sy ny fanisana vato ary ny fahafahana manao fampiakaran- draharaha eo amin'ny fitsarana na fomba hafa mitovy amin'izany mba hisian'ny fatokisan'ny mpifidy amin'ny fiarovana ny fifidianana sy ny fanisana ny vato. Ny fanampiana ny kilemaina, ny jamba ary ny tsy mahay taratasy dia tokony hahaleo tena. Tokony hahafantatra momba ireo antoka ireo ny mpifidy. »*<br>*- Sata Afrikana Mikasika ny Demaokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara, and. 17.2: « Hamorona sy hanamafy ny rafitra nasionaly mba handaminana, amin'ny fotoana haingana indrindra, ny fifandirana amin'ny fifidianana. »*<br>*- Fanambarana manerantany ny zon'olombelona. and.8: « Ny rehetra dia manana zo amin'ny fampakaran-draharaha mahomby eo anivon'ny fitsaram-pirenena tompon'andraikitra manoloana ny fanitsakitsahana ny zo fototra voafaritry ny lalàm-panorenana na ny lalàna.* |
| **25** | ***Daty farany ho an'ny fampakarana sy handresy, fohy loatra.***<br>Ny fotoana voafetra amin'ny fitarainana sy ny fotoana hanapahana ny fangatahana dia tena fohy. Mila fotoana ampy hitsarana ny fampiakarana.<br>***[Pejy 35 sy 36]*** | **<u>Tolo-kevitra lahara-pahamehana</u>**<br>**-Mametraka fe-potoana ampy hametrahana fangatahana, hanadihadiana, hitsarana iantohana ny fahombiazan'ny fampiakarana.**<br>**- Ampitoviana ny fe-potoan'ny fampiakarana momba ny fifidianana sy ny valiny, satria ny fanoherana ny vokatra dia mety ary tokony miainga amin'ny fifanolanana amin'ny fifidianana.** | Didy hitsivolana n° 2001-003 Lalàna Fehizoro mikasika ny HCC, and.27 sy 35<br>Lalàna Fehizoro n° 2018-008, and.202<br>Lalàna Fehizoro n° 2018-009, and.66 | Mpanao lalàna<br>Antenimiera<br>HCC | ***Zo amin'ny fampiakarana mahomby***<br>*- PIDCP, and. 2 para.3 :*<br>*And.2 para.3 : « Ny firenena mpandray anjara amin'ity fifanekena ity dia vonona: a) Hiantoka ny fahafan' izay olona manana zo sy fahalalahana (eken'io fifanarahana io) voahitsakitsaka, hametraka fampiakarana, eny na dia nataon'ny olona nandritra ny fanaovan'ny adidiny ofisialy aza izany fanitsakitsahana izany.; b) Hiantoka fa ny fahefana mahefa, ara-pitsarana,ara-pitantanana na fahefana mpanao lalàna, na izay fahafana hafa mahefa araka ny lalàm-panjakana, dia handidy amin'ny zon'ny mpanaraka ary hampivelatra ny fahafahana hampiaka-draharaha; c) hiantoka tsara ny fanaraha-maso sahaza ataon'ireo manam-pahefana mahefa* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | *amin'ny fampiakarana rehetra nekena ho ara-drariny. »*<br>*Sy ny Toromarika Ankapobeny n° 32, para.19, sy PIDCP, and. 25 « Ny olom-pirenena tsirairay dia manana ny zo sy ny fahafahana, tsy misy ny fanavakavahana voarakitra ao amin'ny Andininy faha-2 ary tsy misy famerana tsy misy antony: a) ny mandray anjara amin'ny fitantanana ny raharaham-bahoaka, na mivantana na amin'ny solontena voafidy malalaka; b) ny mifidy sy ny ho voafidy, amin'ny fifidianana tsy tapaka sy marina, amin'ny fifidianana manerantany sy mitovy ary amin'ny latsa-bato miafina, manome toky ny fahalalahana maneho ny sitrapon'ny mpifidy; d) Ny fahazoana miditra, amin'ny fepetra ankapobeny momba ny fitoviana, amin'ny asam-panjakana ao amin'ny fireneny. »*<br>*- Fanambarana manerantany ny zon'olombelona. and.8: « Ny rehetra dia manana zo amin'ny fampakaran-draharaha mahomby eo anivon'ny fitsaram-pirenena tompon'andraikitra manoloana ny fanitsakitsahana ny zo fototra voafaritry ny lalàm-panorenana na ny lalàna.*<br>*»*<br>*- Sata Afrikana Mikasika ny Demaokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara, and. 17.2: « Hamorona sy hanamafy ny rafitra nasionaly mba handaminana, amin'ny fotoana haingana indrindra, ny fifandirana amin'ny fifidianana. »* |
| **26** | ***Araka ny Lalàna malagasy, ireo mpifidy izay tsy voasoratra anarana na tsy nandray anjara tamin'ny latsa-bato dia tsy afaka mangataka fampiakaran-draharaha. Amin'ny lafiny iray, ny fenitra iraisam-pirenena dia mamela ny olona iray, amin'ny maha-mpifidy azy, hangataka fampiakaran-draharaha na tsy voasoratra na tsy nifidy***<br>***[Pejy 35]*** | Miantoka ny zon'ny olona mpifidy hametraka fampiakaran-draharaha mahomby | Lalàna Fehizoro n° 2018-008, art.202 | Mpanao lalàna<br>Antenimiera<br>HCC | ***Zo ho an'ny fampiakarandraharaha mahomby/ tany tan-dalàna –***<br>*PIDCP, and. 2 para.3 sy and.25*<br>*And.2 para.3: « Ireo firenena mpandray anjara eto amin'izao fifanekena izao dia manaiky hanaja sy hiantoka ny olona tsirairay ao amin'ny faritaniny ary hanaiky ny fahefany amin'ny zon'izy ireo araky ny Fifanekena amin'izao fotoana izao, tsy misy fahasamihafany na inona na inona, anisan'izany ny firazanana, loko, firaisana fiteny, fivavahana, hevitra politika na fanehoan-kevitra hafa momba ny fiaviana na fiaraha-monina, harena, fahaterahana na toe-javatra hafa. »*<br>*And. 25 : « Ny olom-pirenena tsirairay dia manana ny zo sy ny fahafahana, tsy misy ny fanavakavahana* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | *voarakitra ao amin'ny Andininy faha-2 ary tsy misy famerana tsy misy antony: a) ny mandray anjara amin'ny fitantanana ny raharaham-bahoaka, na mivantana na amin'ny solontena voafidy malalaka; b) ny mifidy sy ny ho voafidy, amin'ny fifidianana tsy tapaka sy marina, amin'ny fifidianana manerantany sy mitovy ary amin'ny latsa-bato miafina, manome toky ny fahalalahana maneho ny sitrapon'ny mpifidy; d) Ny fahazoana miditra, amin'ny fepetra ankapobeny momba ny fitoviana, amin'ny asam-panjakana ao amin'ny fireneny. »*<br><br>*Ary ny  Toromarika Ankapobeny n° 25, paragraphes 19 sy 20*<br><br>*Para. 19: « Araka ny alinéa b), Ny fifidianana madio sy malalaka dia tokony atao matetika ao anatin'ny rafitry nylalàna, izay miantoka ny fampiharana ny zo hifidy. Ny olona manana zo hifidy dia tokony handatsa-bato ho an'ny kandidà izay tiany amin'ny fifidianana ary eny sa tsia amin'ny fitsapan-kevi-bahoaka, sy tokony halalaka hanohana na hanohitra ny governemanta tsy misy faneriterena na inona endriny na inona, izay mety handiso na hanelingelina ny fanehoan-kevitra malalaky ny sitrapon'ny mpifidy. Ireto farany dia tokonyhanana ny heviny an-kalalahana, tsy misy herisetra na fandrahonana herisetra, faneriterena, fanolorana fanomezana na fidirana an-tsehatra rehetra hanodinkodinan-tsaina. Azo atao ny mandidy ny fetra sahaza ny fandaniana voatokana amin'ny fampielezan-kevitra raha ilaina izany, mba hahazoana antoka fa tsy hiantraika amin'ny safidy malalaky ny mpandatsa-bato na handiso ny dingana demaokratika noho ny fandaniana mihoampampan'ny kandidà na ny antoko. Ny vokatry ny fifidianana marina dia tokony hajaina sy ampiharina. Para.20: « Tokony hiorina ny fahefam-pifidianana tsy miankina hanara-maso ny fizotry ny fifidianana ary hiantohana ny fikarakarana izany anaty fepetra ara-drariny sy tsy manavakavaka, mifanaraka amin'ny lalàna mifehy, izay mifanaraka amin'ny Fifanekena».*<br><br>*- Fanambarana manerantany ny zon'olombelona. and.8: « Ny rehetra dia manana zo amin'ny fampakaran-draharaha mahomby eo anivon'ny fitsaram-pirenena tompon'andraikitra manoloana ny fanitsakitsahana ny zo fototra voafaritry ny lalàm-* |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | *panorenana na ny lalàna.* |
| **27** | ***Tsy dia mazava loatra ny fomba fiasan'ny fitsarana amin'ny disadisa aorian'ny fifidianana.***<br>Ireo fehezan-dalàna dia tsy mamaritra azy ireo ary ny HCC dia tsy miresaka momba ny porofo azo ekena.<br><br>***[Pejy 7-9/ 34-37]*** | Araka ny fitsipiky ny fiarovana araky ny lalàna, tokony hampahafantatra mialoha ny porofo omena ny mpangataka. Tokony hazava tsara ny fomba fitsarana ny disadisa taorian'ny fifidianana.<br>Ampidirina ao amin'ny lalàna ny lisitry ny porofo izay ekena ary faritana mazava ny fomba fampiasana ny porofo. | Lalàna Fehizoro n° 2018-008<br>Lalàna Fehizoro n° 2018-009 Didy hitsy volana n° 2001-003 mikasika ny Lalàna Fehizoro momba ny HCC<br>Fitsipika anatiny ny HCC | Mpanao lalàna ny antenimiera<br>HCC | ***Zo ho an'ny fampiakaran-draharaha mahomby/ Tany tan-dalàna***<br>*- PIDCP, and. 14 para.1: « Ny rehetra dia mitovy manoloana ny fitsaràna. Ny olon-drehetra manana raharaham-pitsaràna dia manana zo ho henoina amin'ny rariny sy ny hitsiny ary ampahibemaso eo anatrehan'ny fitsaràna mahaleotena sy tsy manavakavaka izay manapaka raha mitombina ny fiampangana amin'ny heloka bevava na manohitra ny zo sy andraikiny sivily. »*<br>*- Fanambarana manerantany ny zon'olombelona, and.8: « Ny rehetra dia manana zo amin'ny fampakaran-draharaha mahomby eo anivon'ny fitsaram-pirenena tompon'andraikitra manoloana ny fanitsakitsahana ny zo fototra voafaritry ny lalàm-panorenana na ny lalàna.*<br>*»*<br>*- Sata Afrikana Mikasika ny Demaokrasia, Fifidianana ary Fitantanana Tsara, and. 17.2: « Mamorona sy manamafy ny rafitra nasionaly mba handaminana haingana ny disadisam-pifidianana. »* |

***FANAFOHEZAN-TENY***

| | |
|---|---|
| AFRIC | Fikambanana ho an'ny fikarohana malalaka sy fiaraha-miasa iraisam-pirenena |
| ANRCM | Fahefana ho an'ny fanaraha-maso ny fifandraisana mahaleote |
| ARTEC | Fahefana manara maso ny teknolozia vaovao |
| BIANCO | Birao mahaleo tena miady amin’ny kolikoly |
| BV | Biraopifidianana |
| CADHP | Sata Afrikana momba ny zon'olombelona sy ny mponina |
| CCFVP | Vaomiera mpanara-maso ny famatsiam-bola eo amin’ny tontolo politika |
| CEC | Vaomiera-pifidianana eo anivon’ny kaomina |
| CED | Vaomiera-pifidianana eo anivon’ny distrika |
| CEDEF | Fifanarahana iraisam-pirenena ho fanafoanana ny endrika fanavakavahana rehetra atao amin'ny vehivavy |
| CEJP | Vaomira episkopaly Fahamarinana sy fandriampahalemana |
| CEP | Vaomiera-pifidianana eo anivon’ny faritany |
| CER | Vaomiera-pifidianana eo anivon’ny faritra |
| CENI | Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana |
| CID | Ivo toerana informatika eo anivo ny distrika |
| CIEDR | Fifanarahana iraisam-pirenena momba ny fanafoanana ny endri-panavakavahana rehetra |
| CFM | Filan-kevitry ny Fampihavanana Malagasy |
| CIS-EMO | Fikambanan’ny Commonweah ho fanaraha maso ny fifidiananananana any amin’ny tany firenenana mahaleo tena |
| CLRE | Vaomiera-paritry fisoratana anarana ny mpifidy |
| ***CNIDH*** | **Vaomieram-pirenena mahaleotena momba ny zon'olombelona** |
| COI | Vaomiera ny Oseana Indiana |
| **CSCA** | **Filankevitra Ambony momba ny Fifandraisana amin’ny haino aman-jery** |
| CSI | Komity ho fiarovana ny fahamarinana |
| DIRM | Talen'ny fampahalalam-baovao sy ny fanaraha-maso ny haino aman-jery |
| EISA | Fikambanana misahana ny fifidianana ho an'ny demokrasia maharitra any Afrika |
| EMMO | Etat-major mixte opérationnel |
| FANDIO | *Fifidianana Antoka ho an’ny Daholobe Ifantenana Olombanona* |
| FANOA | *Fifidianana Andraisan'Ny Olompirenena Andraikitra* |
| FES | Fondation Friedrich Ebert |
| Fokontany | Fokontany |
| HCA | Filankevitra ambony ny haino aman-jery |
| HCC | Fitsarana avo momba ny lalam-panorenana |
| HCJ | Haute Cour de Justice |
| HCDDED | Filankevitra Ambony ho an'ny Fiarovana ny Demokrasia sy ny Lalàna |
| HVM | Hery Vaovao ho an’I Madagasikara |
| IEM | Initiative Emergence Madagascar |
| INSTAT | Institut national de la statistique |
| IVEFF | Iraky ny Vondrona Eoropeana miandraikitra ny Fanaraha-maso ny Fifidianana |
| KMF/CNOE | Komitim-pirenena mpanara-maso ny fifidianana |
| MAP 1 ou 2 | Madagascar Action Plan 1 na 2 |
| MAPAR | Miaraka Amin’ny Prezidà Andry Rajoelina |
| MID | Ministeran’ny Atitany sy ny fitsinjarampahefana |

| | |
|---|---|
| Observatoire *Safidy* | Fanaraha-maso *Safidy* |
| OIF | Organisation internationale de la francophonie |
| OMC | Organe mixte de conception |
| PEV | Tetikasa ho fisorohana ny fifandonana sy ny herisetra mety hitranga amin'ny fifidianana eto Madagasikara |
| PIDCP | Fifanarahana iraisam-pirenena momba ny zo maha olona sy politika |
| PM | Praiministra |
| PNUD | Programan'ny Firenena Mikambana ho an'ny Fampandrosoana |
| PR | Filoham-pirenena |
| PV | Fitanana an-tsoratra |
| QG | (Quartier général) Foibem-pitantanana |
| RNM | Radio/Onjampeo pirenena malagasy |
| ROHY | Ny hetsika fiarahamoni-pirenenna "Ny rohy" |
| SACEM | Soutien Au Cycle Electoral de Madagascar |
| SADC | Komity ho an'ny fampandrosoana ny faritra atsimo ny Afrika |
| SAMIFIN | Service de renseignement financier de Madagascar |
| SRMV | Vaomiera misahana ny fanisam-bato (Section de recensement de matériels de vote( |
| TGV | Tanora MalaGasy Vonona |
| TIM | Tiako I Madagasikara |
| TVM | Televiziona nasionaly malagasy |
| UA | Vondrona afrikana |

***FANAMPINY***

**Fanampiny 1: Tetiandro ara-dalàna sy hiasana (MID, CENI, HCC)**

## 1. Didy aman-dalàna mikasika ny fifidianana filoham-pirenena ny 7 novambra 2018

- **Famoahana ny lalàna Fehizoro ny 11 mey 2018: (i) n°2018-008 mikasika ny rafitra ankapoben'ny fifidianana sy ny fitsapankevibahoaka, (ii) Laharana 2018-009 mikasika ny fifidianana filoham-pirenena, sy (iii) Laharana 2018-010 momba ny fifidianana solombavam-bahoaka.**
- Didim-panjakana Laharana 2018-903 ny 1 aogositra 2018 manambara ny fanendrena ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera mpanara-maso ny famatsiam-bola eo amin'ny tontolo politika (CCFVP) ;
- Didim-panjakana Laharana 2018-795 tamin'ny 17 jolay 2018 mikasika ny Vaomiera mpanara-maso ny famatsiam-bola eo amin'ny tontolo politika (CCFVP) ;
  Didim-panjakana Laharana 2018-640 tamin'ny 29 jona 2018 mametraka ny fepetra fampiharana ny voalazan'ny Lalàna Fehizoro Laharana 2018-008 tamin'ny 11 mey 2018 mikasika ny rafitra ankapoben'ny fifidianana sy ny fitsapankevibahoaka.
- **Didim-panjakana Laharana 2018-641 tamin'ny 29 jona 2018 ho fiantsoana ny mpifidy ho amin'ny fifidianana alohan'ny fotoana.**
- Didim-panjakana Laharana 2018-642 tamin'ny 29 jona 2018, mametraka ny antotan- taratasy ilaina ho an'ny kandidà amin'ny fifidianana filoham-pirenena alohan'ny fotoana ;
- Didim-panjakana Laharana 2018-643 tamin'ny 29 Jona 2018 mametra ny petrabolan'ny kandidà ho fandraisany anjara amin'ny fandanian'ny Fanjakana mandritra ny fifidianana filoham-pirenena alohan'ny fotoana sy ny fepetra famerenana izany ;
- Didim-panjakana laharana 2018-644 tamin'ny 29 jona 2018 mametraka ireo fepetra handaminana ny fifidianana filoham-pirenena alohan'ny fotoana ;
- Didim-panjakana laharana 2018-690 tamin'ny 10 jolay 2018 mamaritra ny endrika sy toetoetran'ny karatry ny mpifidy ;
- **Didim-panjakana laharana 2018-1615 tamin'ny 30 Novambra 2018 mametraka ny fepetra momba ny fikarakarana ny fihodinana faharoa amin'ny fifidianana filoham-pirenena alohan'ny fotoana.**

## 2. Tetiandro ara-dalàna sy hiasana CENI

- 12 mey 2018 : Rafitra fifanakalozan'ny karazana mpandray anjara momba ny lalàna sy ny tetiandron'ny fifidianana;
- 05 jolay 2018 : Filazam-baovao momba ny datin'ny fifidianana hatao ny 2018;
- 11 jolay 2018 : Fampiofanana ho an'ny mpanabe sy ny mpanentana ;
- 13 jolay 2018 : Atrikasa fampahalalana sy fampiofanana mikasika ny firotsahan-kofidiana filoham-pirenena ;
- 17 jolay 2018 : Fampiofanana ny filohan'ny CID ho an'ny fanangonana ny vokatra eo an-toerana;
- 26 jolay 2018 : Fanapahana n°16/CENI/D/2018 mametra ny modely sy endriky ny biletà tokana ho an'ny fifidianana filoham-pirenena;
- 01 hatramin'ny 26 aogositra 2018 : Fifidianana filoham-pirenena, fametrahana firotsahan-ko fidiana;
- 02 aogositra 2018 : Fiofanana anatiny ny CENI ny rafitra ara-dalàna vaovaon'ny fifidianana;
- 03 aogositra 2018 : Atrikasa fanamarinana ny boky fampianarana momba ny fanabeazana sivily sy ara-pifidianana ;
- 10 aogositra 2018 : Rafitra fifanakalozan-kevitra niaraka tamin'ny fiarahamonimpirenena ;
- 13 aogositra 2018 : Atrikasa fanamafisana ny fahaiza-manao amin'ny fanabeazana olom-pirenena sy ara-pifidianana ho an'ny mpitan-tsoratra maharitry ny faritra an'ny CENI ;

- 25 aogositra 2018 : Fanaovana antsapaka ny laharan’ny kandidà ao amin’ny biletà tokana sy peta-drindrina;
- 28 aogositra 2018 : Délibération n°17/CENI/D/2018 mametra ny lisitra sy ny toeran’ny birao hoa an’ny fifidianana filoham-pirenena ny 07 novambra 2018 ;
- 30 aogositra 2018 : Atrikasa fampiofanana ny mpampiofana amin’ny fanabeazana olom-pirenena sy ara-pifidianana ;
- 03 septambra 2018 : Délibération n°18/CENI/D/2018 mametra ny masoivoho sy ny firafitry ny sampana mpanisa vato sy ny vaomieram-pifidianan’ny distrika, fifidianana filoham-pirenena ny 07 novambra 2018;
- 11 septambra 2018 : Note n°1698/18/CENI/SE/DOE mikasika ny fanendrena ny mpikambana ao amin’ny biraom-pifidianana;
- 12 septambra 2018 : Famaranana ny andian’atrikasa fanamafisana ny fahaiza-manaon’ny mpiasan’ny haino aman-jery ;
- 13 septambra 2018 : Fivoriambe voalohan’ny CENI (mpikambana maharitra sy tsy maharitra) ;
- 14 septambra 2018 : Atrikasa fampiofanana ny mpitandro filaminana, voakasiky ny fiarovana ny zotra-pifidianana ;
- 19 septambra 2018 : Fampiofanana ny mpampiofana ny mpikambana ao amin’ny birao sy ny SRMV ;
- 20 septambra 2018 : Fanaovana antsapaka ny fotoam-pandalovana tsy andoavam-bola ny kandidà ao amin’ny haino aman-jerim-panjakana ;
- 21 septambra : Famerenana ny asan'ny fanamarinana ny lisi-pifidianana ataon'ny OIF;
- 04 oktobra 2018 : Fanaovanan’ny kandidà (sasany) sonia ny Satan’ny fitondran-tena mendrika ho an’ny fifidianana filoham-pirenena tony ;
- 04 octobre 2018 : Lanonana fanolorana osisialy ny bokikely torolalan’ny mpanao gazety @ vanim-potoan’ny fifidianana ;
- 05 oktobra 2018 : Fahatongavan’ny andiany voalohan’ny biletà tokana ampiasaina @ fihodinana voalohany fifidianana filoham-pirenena;
- 08 oktobra hatramin’ny 05 novambra 2018 : Fampielezan-kevitra fihodinana voalohany ;
- 09 oktobra 2018 : Note n°2237/18/CENI mikasika ny fizarana kara-pifidianana sy fampatsiahivana ny andininy 46 ny Lalàna Fehizoro 2018-008 ;
- 15 oktobra 2018 : Adihevitry ny kandidà @fifidianana filoham-pirenena tamin’ny RNM sy TVM ;
- 17 oktobra 2018 : Fihaonan’ny CENI sy ny kandidà @fifidianana filoham-pirenena ;
- 18 oktobra 2018 : Faran’ny fangatahana badges ho an’ny mpanara-maso sy mpanao gazety ;
- 23 oktobra 2018 : Faran’ny fanendrena solotena tompon-toerana sy mpanampy ny kandidà ;
- 26 oktobra 2018 : Note n°2450/18/CENI/SE/DOE mikasika ny voka-pifidianana ;
- 26 oktobra 2018 : Note n°2451/18/CENI mikasika ny fanendrena ny mpitan-tsoratra teknikan’ny SRMV tsirairay;
- 26 oktobra 2018 : Note n°2452/18/CENI/SE/DOE mikasika ny fiarovana ny zotra-pidianana sy ny vokatra ;
- 31 oktobra 2018 : Faran’ny fanolorana ny badges avy amin’ny CENI sy ny ratsamangaikany, ho an’ny solo-tena, mpanara-maso, mpanao gazety ;
- 31 oktobra 2018 : Varavarana misokatra momba ny fikirakirana ny voka-pifidianana ;
- 31 oktobra 2018 : Note n°2482/18/CENI/SE/DOE mikasika ny fomba famenoana ny takelaka mirakitra ny fanisam-bato sy fanaovan-tsonia ;
- 31 oktobra 2018 : Note n°2483/18/CENI/SE/DOE mikasika ny fanarahana ny fametrahana ny fitaovam-pifidianana;
- 05 novambra 2018 : Note n°2497/18/CENI/SE/DOE momba ny fampatsiahivana ny andininy 183 Lalàna Fehizoro N° 2018-008 ny 11 mey 2018, milaza ny fandaminana ny antontan-taratasim-pifidianana ;

- 05 novambra 2018 : Note Laharana 2506/18 / CENI momba ny fanamorana ny fandraisan'anjaran'ny mpianatra zandary sy pôlisy amin'ny fifidianana ny 7 novambra 2018 ;
- 06 novambra 2018 : Délibération n°28/CENI/D/2018 mameno ny fepetra sasany ny délibération n°018/CENI/D/2018 mamaritra ny masoivoho sy ny firafitry ny Vaomiera misahana ny fanisam-baton'ny distrika fifidianana filoham-pirenena 07 novambra 2018 ;
- 07 novambra 2018 : Andron'ny fandatsaham-bato fihodinana voalohany ;
- 17 novambra 2018 : Délibération n°032/CENI/D/2018 mikasika ny famaranana sy famoahana ny vokatra vonjimaika fifidianana filoham-pirenena 07 novambra 2018 ;
- 26 novambra 2018 : Note n°2569/18/CENI/SE mikasika ny takelaka lehibe ametrahana ny afisin'ny propagandy ;
- 27 novambra 2018 : Vinan'ny lisi-pifidianana biometrika : naka hevitra tamin'ny VERIDOS ny CENI;
- 28 novambra 2018 : Voka-pifidianana farany fifidianana filoham-pirenena fihodinana voalohany 07 novambra 2018 ;
- 29 novambra 2018 : Filazana avy amin'ny CENI taorian'ny fanambarana ofisialy ny vokatra nataon'ny HCC ;
- 29 Novambra 2018: Note Laharana 2592/18 / CENI / SE / DOE: mikasika ny biraom-fandatsaham-bato ;
- 30 novambra 2018 : Rafitra fifanakalozan'ny karazana mpandray anjara momba ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa ;
- 04 hatramin'ny 17 desambra 2018 : Fampielezan-kevitra fihodinana faharoa ;
- 05 desambra 2018 : Fanolorana ny rindrambaikon'ny CENI ho an'ny fikirakirana sy fanangonana ny vokatra ;
- 06-07 desambra 2018 : Fahatongavan'ny biletà tokan'ny fihodinana faharoa teto Madagasikara ;
- 07 desambra 2018 : Fanolorana ny taTitry ny fanaraha-mason'ny rindrambaiko fikirakirana ny vokatra ;
- 14 desambra 2018 : Note n°2840/18/CENI mikasika ny fandaminana ny asa eo anivon'ny SRMV ;
- 17 desambra 2018 : Note n°2840/18/CENI/SE/DOE mikasika ny fanisana ny vato ;
- 19 desambra 2018 : Andron'ny fandatsaham-bato fihodinana faharoa fifidianana filoham-pirenena ;
- 20 desambra 2018 : Note n°2882/18/CENI momba ny fampatsiahivana ny Note N°2818/CENI ny 14 desambra 2018, mikasika ny fandaminana ny antontan-taratasim-pifidianana ;
- 22 desambra 2018 : Sosokevitra tetiandro hanaovana fifidianana solombavam-bahoaka ao amin'ny Antenimiera ;
- 27 desambra 2018 : Délibération n°048/CENI/d/2018, mikasika ny famaranana sy famoahana ny vokatra vonjimaika fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa 19 desambra 2018.

## 3. Filazana, fanapahana, fanapahan-kevitra sy fanambaran'ny HCC

- Fanapahan-kevitra n°15-HCC/D3 ny 3 mey Lalàna Fehizoro n°2018-008 momba ny rafitra fifidianana sy fitsapankevi-bahoaka amin'ny ankapobeny (fanaraha-maso araka ny Lalàm-panorenana).

  Fanapahan-kevitra n°16-HCC/D3 ny 3 mey Lalàna Fehizoro n°2018-009 momba ny fifidianana filoham-pirenena (fanaraha-maso araka ny Lalàm-panorenana).
- Filazana n°02-HCC/AV ny 11 mey mifandraika amin'ny fangatahana fanehoan-kevitra momba ny dikan'ny Andininy 27 sy ny andininy 4 amin'ny Fanapahan-kevitra N°15-HCC / D3 ny 3 Mey Lalàna Fehizoro N°2018-008 momba ny rafi-pifidianana ankapobeny sy ny fitsapan-kevi-bahoaka ary ny Andininy 26 sy ny Andininy 2 amin'ny Fanapahan-kevitra N°16-HCC / D3 ny 3 Mey Lalàna Fehizoro N°2018-009 mikasika ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika.

- Fanapahan-kevitra n°18-HCC/D3 ny 25 mey mikasika ny fangatahana fampitsaharana ny filoham-pirenena Hery RAJAONARIMAMPIANINA (ity Fanapahan-kevitra ity no nahatonga ny fikarakarana fifidianana filoham-pirenena mialohan'ny fotoana).
- Filazana n°03-HCC/AV ny 1er jona mifandraika amin'ny fangatahana fanehoan-kevitra momba ny dikan'ny Fanapahan-kevitra n°18-HCC/D3 ny 25 mey 2018 mikasika ny fangatahana fampitsaharana ny filoham-pirenena.
- Filazana n°04-HCC/AV ny 11 aogositra mikasika ny fandikana ny andininy 39 ny Lalàm-panorenana.
- Fanapahan-kevitra n°24-HCC/D3 ny 14 aogositra mikasika fangatahana fanafoanana ny fifidianana filoham-pirenena ny 07 novambra 2018.
- Fanapahan-kevitra n°25-HCC/D3 ny 22 aogositra mitsipaka ny firotsahan-kofidiana fihodinana voalohany fifidianana filoham-pirenena ny 07 novambra 2018.
- Fanapahan-kevitra n°26-HCC/D3 ny 22 aogositra mamarana ny lisitra faran'ny kandidà fihodinana voalohany fifidianana filoham-pirenena ny 07 novambra 2018.

- Fanapahana n°07-HCC/ARny22 aogositra mikasika ny fangatahan'Atoa ANDRIAMITOSY Lalandy fitsipahana ny firotsahan-kofidiana sasany sy ny fanalavana ny fe-potoana fametrahana taratasy firotsahan-kofidiana hatramin'ny faran'ny volana aogositra 2018.
- Fanapahana n°08-HCC/AR du 22 aogositra mikasika ny fangatahana fanafoanana ny datin'ny 7 novambra 2018 fifidianana filoham-pirenena sy hanemorana izany amin'ny daty manaraka.
- Fanapahana n°09-HCC/ARR ny 5 septambra mikasika ny fangatahana fanafoanana ny firotsahan-kofidian'ny kandidà Andry Nirina RAJOELINA amin'ny fifidianana filoham-pirenena.
- Filazana n°06-HCC/AV ny 5 septambra amin'ny fangatahana fanehoan-kevitra momba ny maha-ara-dalàna ny didy hitsivolana mihaika ny mpifidy sy ny fahaizan'ny fitsarana eo an-toerana raha misy fifanolanana mifandraika amin'ity didy ity.
- Fanapahan-kevitra n°28-HCC/D3 ny 5 septambra amin'ny fangatahana napetraky ny mpirotsaka hofidiana iray amin'ny fifidianana 7 novambra.
- Fanapahan-kevitra n°30-HCC/D3 ny 7 septambra milaza ny fahabangan'ny toeran'ny filoham-pirenena sy manendry ny filohan'ny Antenimiera ho filoham-pirenena mpisolo toerana (nirotsaka hofidiana handimby azy ihany ny filoham-pirenena, mitondra ny laharana faha 12).
- Fanapahana n°10-HCC/AR ny 19 oktobra mikasika fivorian'ny kandidà 21 amin'ny fifidianana filoham-pirenena.
- Fanambarana ny 25 oktobra manavaka ny zo hifidy sy ny zo ho mpifidy.
- Fanambarana ny 26 oktobra manazava ny hevitry ny mpifidy tsy voasoratra tanaty lisitra.
- Fanambarana ny 29 oktobra mamerina fa ny lalàm-pifidianana manan-kery mampihatra ny fitsipiky ny tsy fikitihana ny lisi-pifidianana alohan'ny fandatsaham-bato dia nolaniana hatramin'ny 2012.
- Fanambarana ny 31 oktobra momba ny disadisam-pifidianana mikasika hevi-dehibe efatra: lisi-pifidianana sy zo hifidy, ny firotsahan-kofidianana, ny fampielezan-kevitra sy ny fifidianana ary voka-pifidianana.
- Fanambarana ny 31 oktobra momba ny famoahana ny biraom-pifidianana tena misy isaky ny Fokontany ; ny lisitra sy ny toerana misy ny birao dia voafaritry ny Fanapahan-kevitry ny CENI (Fanapahan-kevitra n°017/CENI/D/2018 ny 28 aogositra 2018) tao anatin'ny fe-potoana voafaritry ny lalàna).
- Fanambarana ny 1er novambra momba ny fisintonana firotsahan-kofidiana; ny andininy 13 ny Lalàna Fehizoro n°2018-009 dia milaza fa tsy misy firotsahan-kofidiana azo raisina intsony aorian'ny daty farany fametrahana ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiana.
- Fanambarana ny 2 novambra momban'ny Satan'ny fitondran-tena tsara sy mahitsy ny kandidà ho an'ny fifidianana filoham-pirenena tony.

- Fanambarana ny 5 novambra mamerina ny daty famaranana ny fampielezan-kevitra amin'ny fihodinana voalohany ny 5 novambra amin'ny misasak'alina, fampahatsiahivana ny fepetra voalazan'ny lalàna heloka bevava mifandraika amin'izany.
- Fanambarana ny 8 novambra mampahatsiahy fa ny CENI sy ny HCC irery ihany no afaka mamoaka sy manambara ny vokatry ny fifidianana filoham-pirenena ka miantso ny kandidà, ny mpanara-dia azy ary koa ny haino aman-jery mba ho malina sy hifehy tena hisorohana ny fanondinkodinana ny saim-bahoaka;
- Fanambarana ny 19 novambra manazava ny anjara asan'ny HCC sy ny fe-potoana ampiharina aminy aorian'ny famoahan'ny CENI ny vokatra vonjimailan'ny fihodinana voalohany; manao ny fanambarana ofisialy ny vokatra farany ny HCC ao anatin'ny sivy andro aorian'ny daty namoahana ny vokatra vonjimaika. Ny fe-potoan'ny fampiakaran-draharaha ho fanoherana ny vokatra dia voafetra roa andro aorian'ny famoahan'ny CENI ny vokatra vonjimaika, ny fandraisana ny fangatahana dia mifarana ny talata 20 novambra 2018 amin'ny misasakalina.
- Fanambarana ny 21 novambra manazava ny asa natomboky ny HCC mikasika ny fikirakirana ny valiny; hatramin'ny 10 novambra 2018, nanomboka nanao fanamarinana tsy an-kiato ny firaketana an-tsoratra sy ny takelaka nandraisana ny vokatry ny biraom-pifidianana rehetra tsy an-kanavaka ny HCC niainga tamin'ny antontam-bokatra voaray avy amin'ny SRMV na ny CENI. Ny tsy fifanarahana sy ny tsy fanarahan-dalàna dia mandalo fanitsiana. Raha toa ka misy tsy fifanarahana manahirana dia mangataka ny antontan-taratasim-pifidianana fanampiny amin'ny CENI ny HCC, mety tonga hatramin'ny fangatahana ny biletà mba hanaovana fanisana indray mandeha.
- Fanapahana n°11-HCC/AR ny 28 novambra mikasika ny fanambarana ny vokatra ofisaly fihodinana voalohany fifidianana filoham-pirenena ny 7 novambra 2018 ;
- Fanambarana ny 28 novambra, lahatenin'ny filohan'ny HCC nandritra ny fanambarana ny vokatra farany fihodinana voalohany (navoaka tamin'ny teny frantsay ny 3 desambra).
- Fanambarana ny 3 desambra mamaritra ny vanim-potoan'ny fampielezan-kevitra fihodinana faharoa ny 4 desambra misasakalina hatramin'ny 17 desambra misasakalina.
- Fanambarana ny 7 desambra milaza fa tsy mbola nanome datin'ny fanambarana ny vokatra ofisialy fihodinana faharoa ny HCC araka ny vaovao tsy marina novoizin'ny haino aman-jery sy ny tambajotra sosialy ary ampahafantarina ny vahoaka amin'ny fotoana maha-mety azy.
- Fanambarana ny 11 desambra mamerina ny fitsipika mifehy ny fampielezan-kevitra sy ny sazy voalazan'ny Lalàna Fehizoro n°2018-008.
- Fanambarana ny 13 desambra mampahatsiahy fa ao anatin'ny toe-draharaham-pifidianana ankehitriny, ny fanaovana hosoka dia fihetsika fanahy iniana mikendry ny hanova ny sitrapon'ny mpifidy, mampirika ny mpisehatry ny fifidianana rehetra ho mailo hisorohana sy hiadiana amin'ny kolikoly amin'ny fifidianana.
- Fanambarana ny 27 desambra manazava ny anjara asan'ny HCC amin'ny fanangonana, ao amin'ny distrika sasany, ny valopin'ny vokatra voatokana ho azy ; ny anjara asany amin'ny fikirakirana ny vokatra ; ny daty famoahana ny vokatra vonjimaika sy ny famoahana ny vokatra farany dia voafetran'ny CENI sy ny HCC amin-kalalahana sy araka ny lalàna manan-kery.
- Fanambarana ny 28 desambra araka ny famoahan'ny CENI ny vokatra vonjimaika, mametra ny daty farany fametrahana ny fangatahana ny 29 desambra amin'ny misasakalina.
- Fanambarana ny 29 desambra manemotra ny daty faran'ny fametrahana fangatahana amin'ny 31 desambra amin'ny 4 ora tolakandro ho fampiharana ny fetr'andro notanterahana tamin'ny fihodinana voalohany.
- Fanambarana ny 3 janoary 2019 milaza fa hanao ny famoahana ofisialy ny vokatra fihodinana faharoa, fifidianana filoham-pirenena ny talata 8 janoary 2019 amin'ny 3 ora tolakandro ny HCC.
- Filazana ny 7 janoary 2019 mamerina ny asa natao teo anivon'ny HCC, manindry ny maha matihanina sy tsy mitanila azy teo amin'ny fitsarana ny fangatahana sy fanasongadinana ny

fanajana ny fahadiovan'ny latsa-bato sy safidin'ny mpandatsa-bato na dia teo aza ny fanandramana haneritery azy.

- Fanapahana n°01-HCC/AR ny 8 janoary 2019 momba ny fanambarana ny vokatra ofisialy, fihodinana faharoa, fifidianana filoham-pirenena ny 19 desambra 2018.

**Fanampiny 2: Fanambaran'ny HCC ny vokatra farany fihodinana voalohany; eo amin'ny sehatra nasionaly**

RESULTAT DE L'ELECTION PRESIDENTIELLE DU 7 NOVEMBRE 2018

RESULTAT NATIONALE

| | |
|---|---|
| INSCRITS: | 9 949 083 |
| VOTANTS: | 5 367 550 |
| BLANCS ET NULS: | 386 946 |
| SUFFRAGE EXPRIMES: | 4 980 604 |
| TAUX DE PARTICIPATION | 53,95% |

| | | | |
|---|---|---|---|
| 1 | RASOLOFONJOA Haingo Andriakajamalala | 47 932 | 0,96% |
| 2 | RAKOTOFIRINGA Richard Razafy | 26 534 | 0,53% |
| 3 | TABERA Randriamanantsoa | 48 705 | 0,98% |
| 4 | RASOLOFONDRAOSOLO Zafimahaleo dit DAMA Mahaleo | 16 367 | 0,33% |
| 5 | JULES ETIENNE Rolland | 10 756 | 0,22% |
| 6 | RATSIETISON Jean-Jacques Jedidia | 15 281 | 0,31% |
| 7 | ANDRIANTSEHENO Lalaoarisoa Marcellin | 28 252 | 0,57% |
| 8 | RABARY Andrianiaina Paul | 48 980 | 0,98% |
| 9 | RABEHARISOA Saraha | 23 685 | 0,48% |
| 10 | RADAVIDSON ANDRIAMPARANY Benjamin | 25 420 | 0,51% |
| 11 | RAFALIMANANA Ny Rado | 57 476 | 1,15% |
| 12 | RAJAONARIMAMPIANINA RAKOTOARIMANANA Hery Ma | 439 070 | 8,82% |
| 13 | RAJOELINA Andry Nirina | 1 954 023 | 39,23% |
| 14 | BEZAZA Marie Eliana Pascaline Manasy | 40 882 | 0,82% |
| 15 | ANDRIANOELISON José Michel | 26 572 | 0,53% |
| 16 | NARISON Stephan | 5 675 | 0,11% |
| 17 | RAJAONARY Erick Francis | 14 758 | 0,30% |
| 18 | RAMAROSON Arlette | 12 645 | 0,25% |
| 19 | BERIZIKY Jean Omer | 15 352 | 0,31% |
| 20 | RANDRIAMAMPIONONA Joseph Martin | 57 903 | 1,16% |
| 21 | RATSIRAKA Didier Ignace | 22 222 | 0,45% |
| 22 | MAHAFALY Solonandrasana Olivier Jocelyn | 23 437 | 0,47% |
| 23 | RADILOFE Mamy Richard | 42 748 | 0,86% |
| 24 | ERNAIVO Fanirisoa | 14 117 | 0,28% |
| 25 | RAVALOMANANA Marc | 1 760 837 | 35,35% |
| 26 | IMBEH Serge Jovial | 18 962 | 0,38% |
| 27 | RAVELONARIVO Jean | 29 224 | 0,59% |
| 28 | RANDRIAMORASATA Solo Norbert | 5 086 | 0,10% |
| 29 | ZAFIVAO Jean Louis | 6 162 | 0,12% |
| 30 | RASOLONJATOVO Falimampionona | 12 276 | 0,25% |
| 31 | RAKOTOMAMONJY Jean Max | 11 377 | 0,23% |
| 32 | RABARIHOELA Bruno | 9 981 | 0,20% |
| 33 | RATSIRAKA Iarovana Roland | 21 377 | 0,43% |
| 34 | MAILHOL André Christian Dieu Donné | 63 391 | 1,27% |
| 35 | ROBIMANANA Rivomanantsoa Orlando | 14 561 | 0,29% |
| 36 | RASOLOVOAHANGY Roseline Emma | 8 578 | 0,17% |
| | Total des voix | 4 980 604 | 100,00% |

rr

**Fanampiny 4 : Fanambaran'ny HCC ny vokatra farany fihodinana faharoa; eo amin'ny sehatra nasionaly**


REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana
-----------------

**HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE**

**RESULTATS DEFINITIFS DU SECOND TOUR DE L'ELECTION PRESIDENTIELLE DU 19 DECEMBRE 2018**

**RECAPITULATION NATIONALE**


| | | |
|---|---|---|
| **Inscrits :** | 9 913 599 | |
| **Votants:** | 4 767 342 | |
| **Blancs et Nuls:** | 119 557 | Soit: 2,51% |
| **Suffrages exprimes:** | 4 647 785 | Soit: 97,49% |
| **Taux de participation:** | 48,09% | |

| N° d'ordre | Logo | Photo | Parti Politique | Nom et Prenoms Candidat | Voix obtenues | Pourcentage |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 13 | ANDRY RAJOELINA |  | TGV | RAJOELINA Andry Nirina | 2 586 938 | **55,66%** |
| 25 | TIM |  | TIM | RAVALOMANANA Marc | 2 060 847 | **44,34%** |
| | | | | Total voix: | 4 647 785 | **100,00%** |


**Fanampiny 5 : Vokatra isam-paritry ny fihodinana voalohany sy faharoan'ny fifidianana filoham-pirenena 7 novambra 2018 teto Madagasikara (avy amin'ny HCC)**

| | | Résultats par région # 1er tour 2018 | | | | | | | | | Résultats par région # 2nd tour 2018 | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| N° | REGION | Nbre d'inscrits | Nbre de votants | Participation | Suffrages exprimés | Bulletins blancs et nuls | Candidat N°12 | Candidat N°13 | Candidat N°25 | Autres candidats | Nbre d'inscrits | Nbre de votants | Participation | Suffrages exprimés | Bulletins blans et | Candidat N°13 | Candidat N°25 |
| 1 | ANALAMANGA | 1 904 284 | 1 069 228 | 56,15% | 1 017 012 | 52 216 | 21 884 | 368 966 | 546 550 | 79 612 | 1 906 399 | 979 410 | 51,37% | 960 693 | 18 717 | 390 592 | 570 101 |
| | | | | | | 4.88% | 2.15% | 36.28% | 53.74% | 7.83% | | | | | 1,91% | 40.66% | 59.34% |
| 2 | BONGOLAVA | 231 218 | 141 812 | 61,33% | 130 242 | 11 570 | 2 334 | 25 521 | 88 231 | 14 156 | 231 307 | 110 361 | 47,71% | 107 194 | 3 167 | 28 072 | 79 122 |
| | | | | | | 8.16% | 1.79% | 19.60% | 67.74% | 10.87% | | | | | 2,87% | 26.19% | 73.81% |
| 3 | ITASY | 363 214 | 238 681 | 65,71% | 219 727 | 18 954 | 4 187 | 44 429 | 150 769 | 20 342 | 363 050 | 188 776 | 52,00% | 184 880 | 3 896 | 49 690 | 135 190 |
| | | | | | | 7.94% | 1.91% | 20.22% | 68.62% | 9.26% | | | | | 2,06% | 26.88% | 73.12% |
| 4 | VAKINANKARATRA | 834 272 | 525 523 | 62,99% | 478 060 | 47 463 | 8 651 | 106 834 | 303 284 | 59 291 | 834 804 | 433 901 | 51,98% | 422 677 | 11 224 | 129 570 | 293 107 |
| | | | | | | 9.03% | 1.81% | 22.35% | 63.44% | 12.40% | | | | | 2,59% | 30.65% | 69.35% |
| 5 | DIANA | 380 600 | 155 261 | 40,79% | 144 960 | 10 301 | 12 349 | 78 201 | 21 373 | 33 037 | 333 164 | 137 751 | 41,35% | 133 431 | 4 320 | 97 901 | 35 530 |
| | | | | | | 6.63% | 8.52% | 53.95% | 14.74% | 22.79% | | | | | 3,14% | 73.37% | 26.63% |
| 6 | SAVA | 371 087 | 188 632 | 50,83% | 178 228 | 10 404 | 75 563 | 55 557 | 8 111 | 38 997 | 371 252 | 158 277 | 42,63% | 154 717 | 3 560 | 134 339 | 20 378 |
| | | | | | | 5.52% | 42.40% | 31.17% | 4.55% | 21.88% | | | | | 2,25% | 86.83% | 13.17% |
| 7 | AMORON'I MANIA | 297 571 | 177 429 | 59,63% | 163 778 | 13 651 | 7 545 | 55 664 | 70 695 | 29 874 | 297 894 | 155 757 | 52,29% | 151 634 | 4 123 | 83 883 | 67 751 |
| | | | | | | 7.69% | 4.61% | 33.99% | 43.17% | 18.24% | | | | | 2,65% | 55.32% | 44.68% |
| 8 | ATSIMO-ATSINANANA | 328 751 | 159 274 | 48,45% | 149 022 | 10 252 | 23 686 | 56 951 | 11 903 | 56 482 | 329 585 | 143 696 | 43,60% | 140 576 | 3 120 | 97 908 | 42 668 |
| | | | | | | 6.44% | 15.89% | 38.22% | 7.99% | 37.90% | | | | | 2,17% | 69.65% | 30.35% |
| 9 | HAUTE MATSIATRA | 524 464 | 276 908 | 52,80% | 251 121 | 25 787 | 12 064 | 118 750 | 74 417 | 45 890 | 525 376 | 218 500 | 41,59% | 212 372 | 6 128 | 122 939 | 89 433 |
| | | | | | | 9.31% | 4.80% | 47.29% | 29.63% | 18.27% | | | | | 2,80% | 57.89% | 42.11% |
| 10 | IHOROMBE | 154 467 | 64 025 | 41,45% | 58 812 | 5 213 | 3 526 | 31 962 | 11 447 | 11 877 | 153 566 | 51 530 | 33,56% | 50 009 | 1 521 | 33 575 | 16 434 |
| | | | | | | 8.14% | 6.00% | 54.35% | 19.46% | 20.19% | | | | | 2,95% | 67.14% | 32.86% |
| 11 | VATOVAVY-FITOVINANY | 503 942 | 248 084 | 49,23% | 227 605 | 20 479 | 18 554 | 107 639 | 39 615 | 61 797 | 505 607 | 211 445 | 41,82% | 203 984 | 7 461 | 135 447 | 68 537 |
| | | | | | | 8.25% | 8.15% | 47.29% | 17.41% | 27.15% | | | | | 3,53% | 66.40% | 33.60% |
| 12 | BETSIBOKA | 136 737 | 75 661 | 55,33% | 69 645 | 6 016 | 3 347 | 14 310 | 41 202 | 10 786 | 136 609 | 64 906 | 47,51% | 62 804 | 2 102 | 19 220 | 43 584 |
| | | | | | | 7.95% | 4.81% | 20.55% | 59.16% | 15.49% | | | | | 3,24% | 30.60% | 69.40% |
| 13 | BOENY | 378 273 | 173 093 | 45,76% | 155 342 | 17 751 | 6 113 | 57 254 | 66 263 | 25 712 | 378 492 | 158 253 | 41,81% | 153 214 | 5 039 | 75 846 | 77 368 |
| | | | | | | 10.26% | 3.94% | 36.86% | 42.66% | 16.55% | | | | | 3,18% | 49.50% | 50.50% |
| 14 | MELAKY | 123 724 | 52 616 | 42,53% | 49 586 | 3 030 | 2 450 | 30 772 | 4 968 | 11 396 | 124 262 | 49 172 | 39,57% | 48 000 | 1 172 | 37 838 | 10 162 |
| | | | | | | 5.76% | 4.94% | 62.06% | 10.02% | 22.98% | | | | | 2,38% | 78.83% | 21.17% |
| 15 | SOFIA | 498 601 | 272 334 | 54,62% | 254 430 | 17 904 | 26 587 | 130 378 | 36 800 | 60 665 | 498 959 | 255 722 | 51,25% | 249 849 | 5 873 | 175 064 | 74 785 |
| | | | | | | 6.57% | 10.45% | 51.24% | 14.46% | 23.84% | | | | | 2,30% | 70.07% | 29.93% |
| 16 | ALAOTRA-MANGORO | 492 869 | 277 080 | 56,22% | 256 460 | 20 620 | 8 251 | 95 854 | 114 722 | 37 633 | 492 843 | 241 781 | 49,06% | 236 643 | 5 138 | 114 098 | 122 545 |
| | | | | | | 7.44% | 3.22% | 37.38% | 44.73% | 14.67% | | | | | 2,13% | 48.22% | 51.78% |
| 17 | ANALANJIROFO | 431 555 | 246 828 | 57,20% | 223 346 | 23 482 | 45 268 | 114 854 | 17 458 | 45 766 | 433 067 | 221 933 | 51,25% | 213 325 | 8 608 | 183 307 | 30 018 |
| | | | | | | 6.51% | 20.27% | 51.42% | 7.82% | 20.49% | | | | | 3,88% | 85.93% | 14.07% |
| 18 | ATSINANANA | 576 322 | 276 379 | 47,96% | 253 330 | 23 049 | 13 302 | 141 952 | 37 193 | 60 883 | 577 149 | 246 168 | 42,65% | 238 040 | 8 128 | 182 339 | 55 701 |
| | | | | | | 8.34% | 5.25% | 56.03% | 14.68% | 24.03% | | | | | 3,30% | 76.60% | 23.40% |
| 19 | ANDROY | 313 260 | 187 009 | 59,70% | 175 429 | 11 580 | 52 793 | 69 262 | 14 860 | 38 514 | 314 031 | 181 366 | 57,75% | 176 609 | 4 757 | 116 933 | 59 676 |
| | | | | | | 6.19% | 30.09% | 39.48% | 8.47% | 21.95% | | | | | 2,62% | 66.21% | 33.79% |
| 20 | ANOSY | 288 825 | 152 786 | 52,90% | 137 222 | 15 564 | 45 872 | 51 000 | 12 682 | 27 668 | 289 297 | 147 288 | 50,91% | 143 146 | 4 142 | 97 744 | 45 402 |
| | | | | | | 10.19% | 33.43% | 37.17% | 9.24% | 20.16% | | | | | 2,81% | 68.28% | 31.72% |
| 21 | ATSIMO-ANDREFANA | 550 974 | 284 493 | 51,63% | 270 086 | 14 407 | 40 874 | 162 907 | 27 394 | 38 911 | 551 837 | 291 701 | 52,86% | 286 271 | 5 430 | 225 956 | 60 315 |
| | | | | | | 5.06% | 15.13% | 60.32% | 10.14% | 14.41% | | | | | 1,86% | 78.93% | 21.07% |
| 22 | MENABE | 264 073 | 124 414 | 47,11% | 117 161 | 7 253 | 3 870 | 35 016 | 60 900 | 17 375 | 265 049 | 119 648 | 45,14% | 117 717 | 1 931 | 54 677 | 63 040 |
| | | | | | | 5.83% | 3.30% | 29.89% | 51.98% | 14.83% | | | | | 1,61% | 46.46% | 53.55% |
| | Total | 9 949 083 | 5 367 550 | 53,95% | 4 980 604 | 386 946 | 439 070 | 1 954 033 | 1 760 837 | 826 664 | 9 913 599 | 4 767 342 | 48,09% | 4 647 785 | 119 557 | 2 586 938 | 2 060 847 |
| | | | | | | 7.21% | 8,82% | 39,23% | 35,35% | 16,60% | | | | | 2,57% | 55,66% | 44,34% |


**Fanampiny 6 : Sarintany 1 – Ny lanjan'ny fifidianana amin'ny distrika araka ny lisi-pifidianana nakatona tamin'ny volana Aogositra 2018**




**Fanampiny 7 : Sarintany 2 – Tahan'ny fandraisana anjara isaky ny distrika fihodinana voalohany fifidianana filoham-pirenena**




**Fanampiny 8 : Sarintany 3 – Tahan'ny fandraisana anjara isaky ny distrika fihodinana faharoa fifidianana filoham-pirenena**




**Fanampiny 9: Sarintany 4 – Vokatra isam-paritra fihodinana voalohan'ny fifidianana**




**Fanampiny 10: Sarintany 5 – Vokatra isam-paritra fihodinana faharoan'ny fifidianana**



**Fanampiny 11: Sarintany 6 – Vokatra isaky ny distrika: fihodinana voalohan'ny fifidianana**



**Fanampiny 12: Sarintany 7 – Vokatra isaky ny distrika fihodinana faharoan'ny fifidianana**



**Fanampiny 13 : Ny fomba fiasan’ny fanaraha-mason’ny haino aman-jery**


Mpanara-maso malagasy fito no niasa teo ambany fitarihan'ny mpandalina ny haino aman-jery, mpikambana iray ao amin'ny ekipa mpitantana, ary nandinika kalitao sy hamaroana tamina santionana gazety an-tsoratra sy haino aman-jery, izay nahitana haino aman-jery sivy, manaraka ny fomba ampiharina ao amin'ny IVEFF. Noho izany, nandinika ny fandrakofan'ny haino aman-jery ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana ho filoham-pirenena 2018 izy ireo nandritra ny fihodinana roa tamin'ny famaritana ny fidiran’ny kandidà ao amin'ny haino aman-jery.
Ireo mpandinika nasionaly dia nandrakitra sy nandinika ny fandaharan’ny haino aman-jery, fampahalalam-baovao, fandaharana politika, fandaharana sy adihevitra mikasika ny fifidianana mba handrefesana ny fotoana ifanakalozana (aman-tsegondra) ary ny lokon’ny fandrakofana voatokana ho an’ny kandidà, ny fifanarahany na ny antoko politika, ny filoha amperinasa, ary ny governemanta.
Ny angon’ny fanadihadiana dia raiketina ao anaty tahiry iray, ampiasaina ary avoaka ho toy ny sary mampiseho ny hetsika ataon'ireo haino aman-jery naraha-maso mandritra ny vanim-potoana manokana sy ny sokajin’ny haino aman-jery. Ny hadirin’ny fandrakofana voatondro ho an’ny mpirotsaka tsirairay ao amin'ny tabilao dia mifanaraka amin’ny tontalin’ny fandrakofana azon'ny mpirotsaka sy ny mpikambana ao amin'ny vondrona na antoko politika.


Ny fanaraha-maso ny haino aman-jery dia natao indroa miantaona: 8 oktobra hatramin’ny 5 novambra 2018 (fampielezan-kevitra, fihodinana voalohany) ; ny 4 hatramin’ny 17 desambra 2018 (fampielezan-kevitra, fihodinana faharoa).


**Ny haino aman-jery naraha-maso** :


- *Ny televiziona* nasionaly *malagasy (TVM)* dia naraha-maso tamin’ny: 5h50-7h00 sy 5 ora hariva hatramin’ny 11 ora alina.
- Ny radio nasionaly malagasy (RNM) tamin’ny : 6h30-10h30, 12h00 hatramin’ny 2 ora sy sasany folakandro sy 5 ora sy sasany hariva hatramin’ny 10 ora alina.
- Televiziona tsy miankina telo no naraha-maso tamin’ny 5 ora hariva hatramin’ny 11 ora alina : VIVA TV, TV Plus et IBC
- Radio tsy miankina roa no naraha-maso tamin’ny 6h00 -10h00, 12h00 hatramin’ny 2 ora tolakandro sy 5 ora hariva hatramin’ny 11 ora alina : Antsiva sy Radio Don Bosco (RDB)
- Gazety an-tsoratra mpiseho isan’andro no naraha-maso tamin’ny fotoana rehetra izay nivoahany: Midi Madagasikara sy L’Express de Madagascar.


**Fanampiny 14: Vokatry ny fanaraha-mason'ny fandrakofan'ny haino aman-jery, fihodinana voalohany**










FANDRAKOFANA NY FAMPIELEZAN-KEVITRA ARAKARAKY NY FANDAHARANA ISAKY NY HAINO AMAN-JERY TSY MIANKINA
TOTALY: 860 619 SEGONDRA
Fanabeazana olom-pirenena
SANDAHARANA ANDRAISAN'NY MPIHAINO ANJARA 0,3%
Ady hevitra hifanandrinana (CENI); 5%
dokam-barotra tsy andoavam-bola: 0,4%
Débat d'information 6%
Hafa 6%
Fampahalalam-baovao 38%
Emission de service 10%
Dokam-barotra andoavam-bola 4%



LOKON'NY FANDRAKOFANA AO AMIN'NY HAINO AMAN-JERIM-PANJAKANA SY TSY MIANKINA
TONTALINY : 1 135 231 SEGONDRA
35%
59%
6%
77%
14%
10%
38%
57%
6%
45%
55%
71%
24%
5%
49%
51%
77%
18%
5%
ANTSIVA
IBC
RDB
RNM
TV PLUS
TVM
VIVA
Positif
Neutre
Negatif


FANDRAKOFANA NY KANDIDA RADIO ANTSIVA
TONTALINY: 63 668 SEGONDRA
RAMAROSON ARLETTE 2%
RATSIRAKA IAROVANA ROLAND 2%
RAKOTOMAMONJY JEAN MAX 2%
RABARIHOELA BRUNO 2%
TABERA RANDRIAMANANTSOA 3%
RATSIRAKA DIDIER IGNACE 6%
ERNAIVO FANIRISOA 9%
RAVALOMANANA MARC 9%
MAILHOL ANDRÉ CHRISTIAN… 12%
AUTRES CANDIDATS 14%
RAJOELINA ANDRY NIRINA 19%
HERY RAJAONARIMAMPIANINA 22%



FANDRAKOFANA NY KANDIDA RADIO DON BOSCO
TONTALINY: 18 802 SEGONDRA
RABARY ANDRIANIAINA PAUL 2%
JULES ETIENNE ROLLAND 2%
RASOLOFONDRAOSOLO ZAFIMAHALEO DIT DAMA… 2%
MAHAFALY SOLONANDRASANA OLIVIER JOCELYN 3%
BERIZIKY JEAN OMER 3%
RATSIETISON JEAN-JACQUES JEDIDIA 4%
RAFALIMANANA NY RADO 4%
RADILOFE MAMY RICHARD 4%
ERNAIVO FANIRISOA 4%
RATSIRAKA IAROVANA ROLAND 4%
BEZAZA MARIE ELIANA PASCALINE MANASY 6%
TABERA RANDRIAMANANTSOA 6%
MARC RAVALOMANANA 11%
AUTRES CANDIDATS 12%
HERY RAJAONARIMAMPIANINA 13%
ANDRY RAJOELINA 20%



FANDRAKOFANA NY KANDIDA TELEVIZIONA IBC
TONTALINY: 135 214 SEGONDRA
ERNAIVO FANIRISOA
2%
ANDRY RAJOELINA
5%
AUTRES CANDIDATS
6%
HERY RAJAONARIMAMPIANINA
86%



FANDRAKOFANA NY KANDIDA TV PLUS
TONTALINY: 78 528 SEGONDRA
MAHAFALY SOLONANDRASANA OLIVIER JOCELYN
2%
RATSIRAKA IAROVANA ROLAND
2%
RADILOFE MAMY RICHARD
3%
MAILHOL ANDRÉ CHRISTIAN DIEU DONNÉ
3%
RABEHARISOA SARAHA
3%
RAVELONARIVO JEAN
5%
RASOLOFONDRAOSOLO ZAFIMAHALEO
7%
AUTRES CANDIDATS
9%
HERY RAJAONARIMAMPIANINA
9%
ANDRY RAJOELINA
57%



FANDRAKOFANA NY KANDIDA VIVA TV
TONTALINY: 153 320 SEGONDRA
AUTRES CANDIDATS
2%
ANDRIANTSEHENO LALAOARISOA MARCELLIN
4%
RAFALIMANANA NY RADO
4%
RAJAONARY ERICK FRANCIS
4%
ANDRIANOELISON JOSÉ MICHEL
4%
MARC RAVALOMANANA
5%
ANDRY RAJOELINA
78%

**Fanampiny 15 : Vokatry ny fanaraha-mason'ny fandrakofann'ny gazety an-tsoratra, fihodinana voalohany**










COUVERTURE EDITORIALE DES CANDIDATS DANS L'EXPRESS DE MADAGASCAR. TOTAL: 21 017 CM2
MAHAFALY SOLONANDRASANA OLIVIER 2%
RAFALIMANANA NY RADO 2%
RABARY ANDRIANIAINA PAUL 2%
RATSIRAKA IAROVANA ROLAND 3%
TABERA RANDRIAMANANTSOA 3%
RASOLOFONDRAOSOLO ZAFIMAHALEO DIT DAMA… 3%
RATSIRAKA DIDIER IGNACE 4%
RADILOFE MAMY RICHARD 5%
ERNAIVO FANIRISOA 5%
BERIZIKY JEAN OMER 5%
RAKOTOMAMONJY JEAN MAX 6%
AUTRES CANDIDATS 6%
MARC RAVALOMANANA 17%
ANDRY RAJOELINA 17%
HERY RAJAONARIMAMPIANINA 21%



COUVERTURE EDITORIALE DES CANDIDATS DANS MIDI MADAGASIKARA. TOTAL: 49 344 CM2
RANDRIAMAMPIONONA JOSEPH MARTIN 2%
RAKOTOMAMONJY JEAN MAX 2%
RABARY ANDRIANIAINA PAUL 2%
BERIZIKY JEAN OMER 2%
MAHAFALY SOLONANDRASANA OLIVIER 3%
AUTRES CANDIDATS 3%
RATSIRAKA IAROVANA ROLAND 8%
MARC RAVALOMANANA 19%
HERY RAJAONARIMAMPIANINA 22%
ANDRY RAJOELINA 37%


**Fanampiny 16 : Vokatry ny fanaraha-mason'ny fandrakofan'ny haino aman-jery, fihodinana faharoa**










COUVERTURE DES DEUX CANDIDATS (CONTENU EDITORIAL ET PUBLICITÉ POLITIQUE PAYANTE ) DANS LES MÉDIAS AUDIOVISUELS PRIVÉS
TOTAL: 316 966 SECONDES
9%
91%
59%
41%
35%
65%
25%
75%
14%
86%
ANTSIVA
IBC
RDB
TV PLUS
VIVA
Marc RAVALOMANANA
Andry RAJOELINA


COUVERTURE EDITORIALE (SANS PUBLICITÉ PAYANTE) DES DEUX CANDIDATS DANS LES MÉDIAS AUDIOVISUELS PRIVÉS
TOTAL : 220 204 SECONDES
30%
70%
61%
39%
50%
50%
28%
72%
17%
83%
ANTSIVA
IBC
RDB
TV PLUS
VIVA
Marc RAVALOMANANA
Andry RAJOELINA



Ton de couverture dans TV Plus
100%
90%
80%
70%
60%
50%
40%
59%
89%
Positif
Neutre
Negatif



Ton de couverture dans la radio Antsiva
100%
90%
80%
70%
60%
50%
40%
6%
80%
57%
Positif
Neutre



Ton de couverture dans IBC
100%
90%
80%
70%
60%
50%
40%
30%
20%
10%
0%
85%
12%
3%
73%
19%
9%
Positif
Neutre
Negatif
Marc RAVALOMANANA
Andry RAJOELINA



Ton de couverture dans VIVA TV
100%
90%
80%
70%
60%
50%
40%
30%
20%
10%
0%
52%
48%
89%
11%
Positif
Neutre
Negatif
Marc RAVALOMANANA
Andry RAJOELINA


**Fanampiny 17 : Vokatry ny fanaraha-mason'ny fandrakofan'ny gazety an-tsoratra, fihodinana faharoa**




TON DE COUVERTURE DANS MIDI MADAGASIKARA
79%
85%
8%
6%
13%
9%
Positif
Neutre
Negatif
MARC RAVALOMANANA
ANDRY RAJOELINA


TON DE COUVERTURE DANS L'EXPRESS DE MADAGASCAR
17%
35%
73%
48%
15%
12%
Positif
Neutre
Negatif
MARC RAVALOMANANA
ANDRY RAJOELINA